BOKY TOROLALANA HO AN'NY MPANDRAY ANJARA

"Noho izany dia tsy maintsy mibosesika amin'ny fiorenana ao amin'ny Kristy ianareo, amin'ny fananananareo fanantenana mamirapiratra sy lavorary omban'ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny olon-drehetra. Koa raha mibosesika handroso ianareo ka mivoky amin' ny tenin'i Kristy ary maharitra hatramin'ny farany, dia indro, izao no lazain ny Ray: Hahazo ny fiainana mandrakizay ianareo" (2 Nefia 31:20).




# MIBOSESIKA

## AMIN'NY FIORENANA AO AMIN'I KRISTY

## 2 NEFIA 31:20

rtm

NY FIANGONAN' I JESOA KRISTY HO AN' NY OLOMASIN' NY ANDRO FARANY




Natolotra ho an'ny rehetra ny fanasany. Zarao amin'ny olona iray izany.


# MITONDRÀ NAMANA IRAY HANATRIKA SEMINERA.

SEMINERA

NY FIANGONAN' I JESOA KRISTY HO AN' NY OLOMASIN' NY ANDRO FARANY



# Tohizo ny fahatsapana ny Fanahy







Tsy voatery ho indray mandeha ihany ianao no miaina ny zavatra tsapanao mandritra ity herinandro ity. Mahatsapà ny Fanahy, mianara misimisy kokoa momba ny filazantsara ary mifandraisa amin'ireo zatovo Olomasin'ny Andro Farany maneran-tany amin'ny famakiana ny *Liahona*.

**Liahona.lds.org**

Raha hisoratra anarana ianao dia tsidiho nystore.lds.orgna manatona ny mpiandraikitra ny foibe fanapariahana any amin'ny Fiangonana eo amin'ny toerana misy anao na ny mpitarika ao amin'ny paroasy na sampana misy anao.



Anarako: ______________________________

Mpanolotsaina: ______________________________

Andiany: ______________________________

Mpivady mpitarika fivoriana: ______________________________

Datin'ny fivoriana: ______________________________

Toeram-pivoriana: ______________________________

# TANJON'NY BOKY TOROLALANA HO AN'NY MPANDRAY ANJARA

*"Ny fahalalana voarakitra tsara dia fahalalana azo ampiasaina amin'ny fotoam-pahasahiranana" (Loholona Richard G. Scott, "Acquiring Spiritual Knowledge," Ensign, nôv. 1993, 88).*

Ity boky ity torolalana ity dia manome anao fomba iray hiraketana sy hahatsiarovana ireo zavatra niainana miavaka avy tamin'ny RTM.

Tazony any aminao mandritra ny herinandro ity boky torolalana ity. Soraty ao amin'izany ny anaranao. Ampiasao mba hiraketana an-tsoratra ireo zavatra niainan'ny tena manokana izany. Afaka ny ho lasa amboaram-pahatsiarovana ny RTM niainanao izany.

Ireto misy torohevitra amin'ny fampiasana ity boky torolalana ity:

- Raketo an-tsoratra ireo zavatra manan-danja izay nianaranao avy amin'ny mpampianatra sy mpanolotsaina anao ary indrindra fa ny zavatra nampianarin'ny Fanahy anao. Soraty ny tanjonao sy ny zavatra tsapanao ary ny fijoroana ho vavolombelona ananananao mikasika ny filazantsara. Raiso an-tsoratra mandritra ny fotoam-pianarana ireo hevitra tianao hotsaroana sy ireo fanontaniana tianao hovaliana.
- Soraty ny adiresy sy ny fomba hafa ahafahana mifandray aminao mba ho an'ireo namanao vaovao sy ny mpanolotsaina anao sy ny mpampianatra anao ary ny mpivady mpitarika fivoriana.

Hifototra amin'ny fampahalalana ao anatin'ity boky torolalana ity ny ankamaroan'ireo lesona ampianarin'ny mpivady mpitarika fivoriana sy ireo mpampianatra ary mpanolotsaina. Afaka ny ho loharano azo ampiasaina mba hampianarana sy hianarana koa izany any aoriana.

Navoakan'
Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany
Salt Lake City, Utah


© 2015 an'ny Intellectual Reserve, Inc.
Zo rehetra voatokana.

Fankatoavana ny tamin'ny teny Anglisy: 12/14
Fankatoavana ny Fandikana: 12/14
Fandikana ny *FSY Participant Handbook*
Malagasy
PD10053096 654

# FANOROAM-PEJY








**ANDRO VOALOHANY**

Ireo zavatra dimy lehibe tsy tokony hatao. . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 9
Mihaona amin'ny mpanolotsaina anao . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 10
Mihaona amin'ny andiany misy anao . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 12
Hafatra avy amin'ny mpivady mpitarika fivoriana . . . . . . . . . . . . . 14
Fanolorantenan'ny andiany . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 15
Fametrahana tanjona. . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 16
Fisaintsainana sy jery todika. . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 17

**ANDRO FAHAROA**

Fampaherezam-panahy vao maraina ataon'ny mpandray anjara . 20
Fandalinana ny Filazantsara . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 21
Fivoriana maraina ataon'ny mpivady mpitarika fivoriana . . . . . . . 22
Fanamarihana mikasika ny kilasy . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 23
Fitsipika mifehy ny fandihizana . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 27
Fisaintsainana sy jery todika. . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 28

**ANDRO FAHATELO**

Fampaherezam-panahy vao maraina ataon'ny mpandray anjara . 31
Fandalinana ny Filazantsara . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 32
Fivoriana maraina ataon'ny mpivady mpitarika fivoriana . . . . . . 34
Fiaraha-mientana *Torio ny Filazantsarako* . . . . . . . . . . . . . . . . . . 35
Fiaraha-mientana fizarana filazantsara. . . . . . . . . . . . . . . . . . . 37
Kilalao amin'ny alina . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 57
Fisaintsainana sy jery todika. . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 61

**ANDRO FAHEFATRA**

Fampaherezam-panahy vao maraina ataon'ny mpandray anjara 65
Fandalinana ny Filazantsara . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 66
Fivoriana maraina ataon'ny mpivady mpitarika fivoriana . . . . . . 67
Fiaraha-mientan'ny Zatovolahy sy Zatovovavy . . . . . . . . . . . . . 68
Torolalana momba ilay fampisehoana an-tsehatra . . . . . . . . . . . 87
Fampaherezam-panahy ataon'ny mpivady mpitarika fivoriana . . 88
Torohevitra momba ny fijoroana ho vavolombelona . . . . . . . . . . 89
Ny fijoroana ho vavolombelona ananako momba ny filazantsara 91
Fisaintsainana sy jery todika. . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 92

**ANDRO FAHADIMY**

Fampaherezam-panahy vao maraina ataon'ny mpandray anjara 96
Fandalinana ny Filazantsara . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 97
Fivoriana maraina ataon'ny mpivady mpitarika fivoriana . . . . . . 98
Fiaraha-mientana *Jeunes Soyez Forts* . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 99
Asa fanompoana . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 120
Zavatra enti-mody . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 123
Fisaintsainana sy jery todika ataon'ny andiany . . . . . . . . . . . . . 124

**HIRA . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 126**

Fihirana . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 127
"Called of God": Young Men and Young Women Medley. . . . . 137

**DIARY . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 138**


Namana hotsaroana . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 151
Fanontaniana. . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 153

**FANDAHARAM-POTOANA MARAINA MANDRAPA-HARIVAN'NY ANDRO 2015. . . . . . . . . . . . . . . . 154**

# RY TANORA, MAHEREZA

# rtm





# ANDRO 1


Ireo zavatra dimy lehibe tsy tokony hatao . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 6
Mihaona amin'ny mpanolotsaina anao . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 9
Mihaona amin'ny andiany misy anao . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 10
Hafatra avy amin'ny mpivady mpitarika fivoriana . . . . . . . . . . . . . . 12
Fanolorantenan'ny andiany . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 15
Fametrahana tanjona . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 16
Fisaintsainana sy jery todika. . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 17



# FITSIPIKY MIFEHY NY FITAFIANA SY NY BIKA AMAN'ENDRIKA AO AMIN'NY RTM

**Rehefa manatrika ny RTM ianao dia araho azafady ireto torolalana mikasika ny fitafiana sy ny bika aman'endrika ireto izay avy ao amin'ny *Jeunes Soyez Forts* (kiboky, 2011), 7.**

- Aoka ianao ho madio sy maotina eo amin'ny fitafiana sy ny bika aman'endrika.
- Aoka ianao tsy hanao akanjo tery loatra na manify kely na mampiseho faritra manokana eo amin'ny vatana.
- Aza manao short na zipo fohy kely.
- Ataovy manarona ny kibonao sy ny sorokao ny akanjo ambony hanaovanao.
- Aza manao akanjo izay mibalelaka ny vozony eo anoloana na any aoriana.
- Ialao ny fihoaram-pefy amin'ny fanamboarana ny endriky ny volo sy ny fanaovana akanjo tsy mifanaraka amin'ny tokony ho izy.
- Aza manevika ny faritra hafa eo amin'ny vatana sy manisy firavaka eo amin'izany afa-tsy ny sofin'ny vehivavy ihany. Afaka manao kavina iray eo amin'ny sofina tsirairay avy ny zatovovavy ary tsy tokony hanao kavina ny zatovolahy.)





# IREO ZAVATRA DIMY LEHIBE TSY TOKONY HATAO

Ny firotsahana amin'ny fanaovana ireto zavatra dimy tsy tokony hatao manaraka ireto dia hitarika any amin'ny fandefasana anao mody eo no ho eo ihany:

1. Fandraisana anjara tamin'izay mety ho fitondrantena vetaveta na famporisihana hanao izany, ka tafiditra ao anatin'izany ny fandikana ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena na ny fijerena pôrnôgrafia amin'ny endriny rehetra
2. Fangalaran-javatra tsy naloa vola tany amin'ny mpivarotra na halatra na fanimbana zavatra sarobidy amin'ny endriny rehetra
3. Fandikana ny Tenin'ny Fahendrena, ka tafiditra ao anatin'izany ny fitondrana zava-mahadomelina
4. Fihazonana izay mety ho karazana fitaovam-piadiana na izay mety ho karazam-basy
5. Fanaovana zavatra izay mety handratra ara-batana na ara-panahy ny tenanao na ny hafa

# MIHAONA AMIN'NY MPANO-LOTSAINA ANAO

## Lisitra fanaraha-maso ny fanajana ny lalàna mifehy ny RTM

Nanazava ireto lalàna sy fitsipika ary zava-mahasoa manaraka ireto ny mpanolo-tsaina ahy:

- ☐ Fanaovana bracelet foana (raha azo ampiharina)
- ☐ Fitondrana boky torolalana/fanda-haram-potoana isan'andro
- ☐ *Tsy* mandao ny RTM
- ☐ Fitsipika eo amin'ny fitafiana sy fanatanterahana ny zavatra andrasana
- ☐ Fanajana
- ☐ Fitondrantena ao anatin'ny kilasy
- ☐ Fenitra arahina rehefa mandihy
- ☐ Fiarovana amin' ny loza
- ☐ Fanisana ny mpanatrika sy famo-noana jiro
- ☐ Fahazoana lalana hampiasa finday (raha azo ampiharina)
- ☐ Fanalahidin'ny efitrano sy karatra hahazoana sakafo
- ☐ Toerana hipetrahana
- ☐ Fanidina ny arom-baravarankely
- ☐ Fanararaotana araka izay tratra ny tombontsoa azo avy amin'ny RTM
- ☐ Ireo zavatra dimy lehibe tsy to-kony hatao
- ☐ Fifanintsanana amin'ilay fampise-hoana an-tsehatra
- ☐ Fandraisana anjara amin'ilay fandaharan-kira

## MANOLO-TENA NY HANARAKA IREO LALÀNA SY FITSIPIKA IREO AHO MANDRITRA NY HERINANDRO IRAY MANONTOLO

**Sonia**________________________________________

**Ireo olona ao amin'ny vondrona misy ahy:**

**Nomeraon'ny finday:**

# MIHAONA AMIN'NY ANDIANY MISY ANAO

## Inona no dikan'ny anarana iray?

## DINGANA 1

**Vakio ny Helamàna 5:6–7**

"Rehefa nandalina ny tantaran'ny fianakaviako aho ary nahafantatra ny fahafoizan-tena lehibe nataon'izy ireo ho an'ny filazantsara, dia lasa nanana fankasitrahana ny lanjan'ny anaran'olona tsara laza. Izany dia nampisy faniriana tao anatiko mba hanao izay azoko atao hanomezana voninahitra io anaram-pianakaviana tsara laza io. Nahatsapako ny andraikitro eo anatrehan'ny taranaka ho avy koa izany" (L. Tom Perry, "The Value of a Good Name," *New Era* feb. 2009, 5–6).

Moa ve misy dikany manokana ny anaranao?

___

___

Moa ve misy ifandraisany amin'ireo taranaka efa lasa ny anaranao?

___

___

## DINGANA 2

**Vakio ny Môsià 5:7 sy ny Almà 46:15**

"Ny fahavononantsika hitondra eo amintsika ny anaran'i Jesoa Kristy dia manamafy ny fanolorantenantsika hanao izay rehetra vitantsika mba ho anisan'ireo izay ho voafidy hijoro eo an-tanan-kavanany ary ho antsoina amin'ny anarany amin'ny andro farany. Ao anatin'izany foto-kevitra masina izany, ilay fijoroantsika ho vavolombelona fa vonona ny hitondra ny anaran'i Jesoa Kristy eo amintsika isika, dia manorina ny fanambarana ny filatsahantsika hahazo ny fisandratana faratampony ao amin'ny fanjakana selestialy. Ny fisandratana faratampony no fiainana mandrakizay, 'ilay lehibe indrindra amin'ny fanomezan' Andriamanitra rehetra.' (F&F 14:7.)" (Dallin H. Oaks, "Taking upon Us the Name of Jesus Christ," *Ensign,* mey 1985, 83).

Ankoatra ny anaranao dia inona avy ireo anarana hafa manan-danja?

___

___

## DINGANA 3

Ny soratra masin'ny andiany misy anay dia soratra masina fehezina ao amin'ny seminera izay hita ao amin'ny:

Ny soratra masin'ny andiany misy anay dia mahatonga ahy hieritreritra momba ny:

Ny anarana entin'ny andiany misy anay dia midika hoe:

Rehefa maheno ny anaranay ny hafa dia tianay izy ireo hieritreritra hoe:

## DINGANA 4

Ny anaran'ny andiany misy anay dia:

# HAFATRA AVY AMIN'NY MPIVADY MPITARIKA FIVORIANA

Takarivan'ny Mpianakavy

**Fanamarihana:**



# FANOLORANTENAN'NY ANDIANY

Hanatsara ny zavatra amin'ny ankapobeny iainanao ao amin'ny RTM ny fanaovan'ny andiany fanolorantena sy ny fitandremana izany mandritra ny herinandro.

Azo atao ny manao fanolorantena eo amin'ny lafiny ara-tsaina, ara-batana, ara-tsôsialy sy ara-panahy amin'ny maha-andiany anankiray.

**Amin'ity herinandro ity ny andiany misy anay dia**____________________

________________________________________

________________________________________

________________________________________

Mandritra ilay fiaraha-mientana hitondrana zavatra mody any an-trano dia hangatahina ireo andiany tsirairay mba hanao tatitra ny fahombiazany teo amin'ny fitandremana ny fanolorantena nataony. Rehefa manao ny anjaranao eo amin'ny fitandremanao ny fanolorantena nataonao ianao sy manampy ny olona hafa ao amin'ny andiany misy anao mba hitandrina izany dia hametraka lamina ho arahina rehefa miverina any an-trano. Rehefa mampihatra ny zavatra niainanao sy nianaranao tany amin'ny RTM eo amin'ny fiainanao manokana ianao, dia hatanjaka ary avy eo ho afaka ny hampahatanjaka ny fianakavianao, ny namanao, ny sampana misy anao na ny paroasinao, ny tsatòkanao na ny distrikanao, ary ny sekolinao sy ny mpiara-monina aminao.

"Koa ampaherezo ny rahalahinao amin' ny resakao rehetra, amin' ny fivavakao rehetra, amin' ny fanentanana rehetra ary amin' ny ataonao rehetra" (F&F 108:7).

"Ny atao hoe [fanolorantena] dia fampirotsahana ny tena hanao dingana vitsivitsy ary avy eo manao tsara izay hahatanterahan'izany hatramin'ny farany. Rehefa manolo-tena amin-kitsimpo ny olona dia manana finiavana marina izy izay midika hoe vonona tanteraka ny hanao izay nanolorany tena fa hataony izy" (*Torio ny Filazantsarako: Torolalana ho an'ny asa fanompoan'ny misiônera* [2004], 195).

# FAMETRAHANA TANJONA

“Soraty ny fanombohanao zavatra iray izay efa ela no nokasainao hatao saingy tsy nanokana fotoana hanaovana izany fotsiny ianao. Tsy fantatro hoe mety ho inona izany saingy ampidiro ao anatin’ny fiainanao izany manomboka anio alina, zavatra iray izay hataonao mba hahatonga anao ho olona tsara kokoa” (M. Russell Ballard, “Go for It!” *New Era,* mar. 2004, 7).

**Amin’ity herinandro ity aho dia** ______________________________________

______________________________________________________________




“Afaka ny ho lasa mpifehy ny anjara fiainantsika isika amin’ny alalan’ny fampiharana fifehezan-tena sy amin’ny alalan’ny fametrahana tanjona mendrika izay hampiakatra amin’ny toerana tsara kokoa mba hahafahantsika ho tonga tahaka ilay olona tian’ny Raintsika any An-danitra  hahatongavantsika” (M. Russell Ballard, “Go for It!” 8).


1


# FISAINTSAINANA SY JERY TODIKA

Hivory hanatanteraka ny fisaintsainana sy jery todika ny vondron'ny mpanolotsaina anao isan-kariva. Hanana fahafahana hisaintsaina sy hizara ny zavatra nianaranao sy tsapanao nandritra ny andro iray manontolo ianao.
Mba hiomanana amin'ny fandraisana anjara amin'ny fisaintsainana sy jery todika dia mety hanampy anao ny fieritreretana ireto fanontaniana ireto:

- Inona no zavatra nitranga androany izay nanentana ny fanahinao?
- Inona no zavatra nianaranao androany?
- Inona avy ireo lesona hotsaroanao rehefa mody ianao?
- Tamin'ny fotoana inona no nahatsapanao ny Fanahy Masina androany?

Ataovy izay hiraketanao an-tsoratra ny eritreritrao sy ny zavatra tsapanao avy tamin'ilay fifanakalozan-kevitra.




## Zavatra enti-mody

Zarao amin'ny fianakavianao ny zavatra nianaranao androany rehefa mody ianao. Ho an'ny zatovovavy, afaka manampy anareo hanatanteraka ny fakana traikefa mikasika ny finoana, laharana fahatelo ao amin'ny Mon Progrès Personnel ity (p.15). Ho an'ny zatovolahy, afaka manampy anareo hanatanteraka ny drafitrareo ao amin'ny fizarana misy ny fahatakarana ny fotopampianarana ao amin'ny Mon Devoir envers Dieu ity (p. 42–44 na 66–68).



# ANDRO 2


Fampaherezam-panahy vao maraina ataon’ny mpandray anjara .19
Fandalinana ny Filazantsara . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . .20
Fivoriana maraina ataon’ny mpivady mpitarika fivoriana . . . . . . .21
Fanamarihana mikasika ny kilasy. . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . .22
Fitsipika mifehy ny fandihizana . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . .26
Fisaintsainana sy jery todika. . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . .27



2

# FAMPAHEREZAM-PANAHY VAO MARAINA ATAON'NY MPANDRAY ANJARA

**Raha toa ianao ka angatahina mba hitarika ny fampaherezam-panahy vao maraina, dia ataovy izao manaraka izao:**

1. Mifidiana hira iray ao amin'ny fihirana hiarahan'ny vondrona mihira.
2. Manasà olona iray hafa ao anatin'ny vondrona mba hanolotra vavaka.
3. Mizarà vatsim-panahy fohy. Ohatra, azonao atao ny
   - mizara soratra masina iray tena tianao,
   - manazava ny antony maha-manan-danja izany aminao,
   - mizara zavatra niainana fohifohy izay mifandray amin'ilay soratra masina, ary
   - mijoro ho vavolombelona momba ireo fahamarinana hita ao anatin'ilay soratra masina.

   Raha mila fanampiana ianao eo amin'ny fifidianana vatsim-panahy dia mangataha sosokevitra any amin'ny mpanolotsaina anao.
4. Omeo ny mpanolotsaina ny fotoana mba hanaovany filazana isan'andro.

# FANDALINANA NY FILAZANTSARA

## Mivokisa amin'ny tenin'i Kristy

## FIFANAKALOZAN-KEVITRA ATAON'NY VONDRONA

Resaho amin'ny vondrona misy anao ny momba ny fotoana iray izay nanatrehanao fanasam-be, toy ny hoe tao anatin'ny fotoam-pialan-tsasatra na nandritra ny korana iray niarahan'ny fianakaviana. Vakio ny 2 Nefia 32:3 ary tadiavo ny zavatra tokony hivokisantsika isan'andro sy izay ho vokany. Nahoana araka ny fahatsapanao no nampiasain'i Nefia ny teny hoe *mivoky?* Inona no zavatra nataonao na inona no azonao atao mba hivokisana ny tenin'i Kristy rehefa mandalina ny filazantsara isan'andro ianao?

Oviana ianao no nanana traikefa niavaka mikasika ny fandalinana soratra masina? Inona no nampiavaka izany?

## FANDALINANA MANOKANA

Mamakia andinin-tsoratra masina iray nofidinao (na mangataha sosokevitra any amin'ny mpanolotsaina anao). Rehefa mamaky dia andramo ny iray na ny maro amin'ireto zavatra manaraka ireto mba hivokisana ny tenin'i Kristy:

- Mitady soratra masina mifandray
- Mitady fahamarinana mandrakizay
- Mametraka fanontaniana ary misaintsaina ny valiny
- Manisy marika izay teny na andian-teny manan-danja
- Mirakitra an-tsoratra ireo zavatra tsapa

Inona ireo zavatra hafa azonao atao mba hahafahana "mivoky" amin'ireo andininy ireo?

## MIARAHA MIZARA

Zarao amin'ny vondrona misy anao ny zavatra nianaranao nandritra ny fandalinanao manokana. Inona no hataonao mba hivokisanao amin'ny tenin'i Kristy mandritra ny fandalinanao ny filazantsara amin'ny manaraka?

## FANDALINANA FANAMPINY

2 Nefia 4:15–16

Almà 17:2

Almà 37:44–45

# FIVORIANA MARAINA ATAON'NY MPIVADY MPITA-RIKA FIVORIANA

**Fanamarihana:**



# FANAMARIHANA MIKASIKA NY KILASY:

**Mpampianatra:**____________________

**Anarana isaloran'ny kilasy:**____________________

**Fanamarihana:**____________________

**Mpampianatra:** ______________________________

**Anarana isaloran'ny kilasy:** ______________________________

**Fanamarihana:** ______________________________



**Mpampianatra:**

**Anarana isaloran'ny kilasy:**


**Fanamarihana:**

2

**Mpampianatra:** ____________________

**Anarana isaloran'ny kilasy:** ____________________

**Fanamarihana:** ____________________



# FITSIPIKA MIFEHY NY FANDIHIZANA

- Andramo atao izay fihetsika sy fomba fandihy maotina vaovao—indrindra ireo dihy nianaranao tany amin'ny RTM!
- Mandraisa anjara amin'ny fifampiresahana izay hanome fahafahana anao hahafantatra ilay hiara-handihy aminao.
- Mahazoa fahafinaretana ary mitsikia!

## RY TOVOLAHY,

- Angataho amim-pahalalam-pomba mba hiara-handihy aminao ny zatovovavy. Araraoty ilay fotoana mba hifankahalalanao amin'olona vaovao!
- Ento mivezivezy eo amin'ny faritra malalaka eo amin'ny toerana fandihizana ilay olona hiara-handihy aminao.

## RY TOVOVAVY,

- Ekeo amim-pahalalam-pomba ny fanasana handihy tsirairay.
- Sakambino ny sandrin'ilay hiara-handihy aminao rehefa entiny ianao.

## SOROHY IRETO ZAVATRA MANARAKA IRETO

- Fifampikasohan'ny vatana iray manontolo (toy ny fifamihinana mafy)
- Fihetsika na fomba fandihy izay mampiseho faniriana te hiray ara-nofo
- Fandaniana fotoana any an-dalantsara na any amin'ny toeram-pivoahana
- Dihy izay mety tena handratra anao na ny hafa (ahitana ny fanodikondinana ny tena, fibatana ambony, fanaovana endrika fiaran-dalamby, fanipazana ny tena eo anivon'olona marobe na ny fitsambikanana feno herisetra)
- Fanipazana zavatra

Jereo ny *Jeunes Soyez Forts,* 22–23, mba hahitana torolalana bebe kokoa mikasika ny hira sy ny dihy.

## INONA NO HO HITANAO ANY AMIN'NY FANDIHIZAN'NY RTM?

- Mozika tsara
- Fomba fandihy vaovao
- Fampifalifaliana: jereo ny namanao rehetra ary ampisehoy ireo fomba fandihinao rehetra
- Namana feno fanajana
- Fialamboly maro!

2


# FISAINTSAINANA SY JERY TODIKA


Hivory hanatanteraka ny fisaintsainana sy jery todika ny vondron'ny mpanolotsaina misy anao isan-kariva. Hanana fahafahana hisaintsaina sy hizara ny zavatra nianaranao sy tsapanao nandritra ny andro iray manontolo ianao.

Mba hiomanana amin'ny fandraisana anjara amin'ny fisaintsainana sy jery todika dia mety hanampy anao ny fieritreretana ireto fanontaniana ireto:

- Inona no zavatra nitranga androany izay nanentana ny fanahinao?
- Inona no zavatra nianaranao androany?
- Inona avy ireo lesona hotsaroanao rehefa mody ianao?
- Tamin'ny fotoana inona no nahatsapanao ny Fanahy Masina androany?


Ataovy izay hiraketanao an-tsoratra ny eritreritrao sy ny zavatra tsapanao avy tamin'ilay fifanakalozan-kevitra.




## Zavatra enti-mody

Zarao amin'ny fianakavianao ny zavatra nianaranao androany rehefa mody ianao. Ho an'ny zatovovavy, afaka manampy anareo hanatanteraka ny fakana traikefa mikasika ny finoana, laharana fahatelo ao amin'ny Mon Proprès Personnel ity (p.15). Ho an'ny zatovolahy, afaka manampy anareo hanatanteraka ny drafitrareo ao amin'ny fizarana misy ny fahatakarana ny fotopampianarana ao amin'ny Mon Devoir envers Dieu ity (p. 42–44 or 66–68).



# ANDRO 3


Fampaherezam-panahy vao maraina ataon'ny mpandray anjara .31
Fandalinana ny filazantsara . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . .32
Fivoriana maraina ataon'ny mpivady mpitarika fivoriana . . . . . . .34
Fiaraha-mientana *Torio ny Filazantsarako* . . . . . . . . . . . . . . . . . . .35
Fiaraha-mientana fizarana filazantsara . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . .37
Kilalao amin'ny alina . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . .48
Fisaintsainana sy jery todika. . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . .51


SMYC2010

3

# FAMPAHEREZAM-PANAHY VAO MARAINA ATAON'NY MPANDRAY ANJARA

**Raha toa ianao ka angatahina mba hitarika ny fampaherezam-panahy vao maraina, dia ataovy izao manaraka izao:**

1. Mifidiana hira iray ao amin'ny fihirana hiarahan'ny vondrona mihira.
2. Manasà olona iray hafa ao anatin'ny vondrona mba hanolotra vavaka.
3. Mizarà vatsim-panahy fohy. Ohatra, azonao atao ny
   - mizara soratra masina iray tena tianao,
   - manazava ny antony maha-manan-danja izany aminao,
   - mizara zavatra niainana fohifohy izay mifandray amin'ilay soratra masina, ary
   - mijoro ho vavolombelona momba ireo fahamarinana hita ao anatin'ilay soratra masina.

   Raha mila fanampiana ianao eo amin'ny fifidianana vatsim-panahy dia mangataha sosokevitra any amin'ny mpanolotsaina anao.
4. Omeo ny mpanolotsaina ny fotoana mba hanaovany filazana isan'andro.

# FANDALINANA NY FILAZANTSARA

## Fampiharana ny soratra masina

### FIFANAKALOZAN-KEVITRA ATAON'NY VONDRONA

Lazao amin'ny vondrona misy anao ny mikasika ny olona iray ao amin'ny soratra masina izay tena takatrao ny zavatra tsapany (ohatra, mety takatrao ny zavatra tsapan'i Nefia satria nenjehina izy noho ny fitandremany ny didy). Nahoana no takatrao ny zavatra tsapan'io olona io? Inona no nianaranao avy amin'ny ohatra nasehony?

Vakio miaraka amin'ny vondrona ny 1 Nefia 4:1–3 ary jereo ny fomba nampiharan'i Nefia ny soratra masina teo amin'ny fiainany manokana. Inona no fanampiana nentin'izany ho an'i Nefia? Oviana no nanampy anao teo amin'ny fiainana ny tantara iray avy ao amin'ny soratra masina?

### FANDALINANA MANOKANA

Mamakia soratra masina izay tianao (na afaka mamaky ny Matio 14:22–32 na 1 Nefia 2 ianao). Rehefa eo am-pamakiana dia mametraha fanontaniana amin'ny tenanao toa ireto manaraka ireto:

- Inona no tian'ny Ray any An-danitra hianarako avy amin'ity tantara ity?
- Inona no ianarako avy amin'ireto soratra masina ireto rehefa manandrana mametraka ny tenako ao anatin'izany aho?
- Nahoana no miantefa eo amin'ny fiainako ankehitriny izany tantara na fampianarana izany?

### MIARAHA MIZARA

Zarao amin'ny vondrona misy anao ny zavatra nianaranao nandritra ny fandalinan'ny tenanao manokana. Inona no hataonao mba hampiharana ny soratra masina mandritra ny fandilananao ny filazantsara amin'ny manaraka?

### FANDALINANA FANAMPINY

Matio 7:24–27

1 Nefia 19:22–23

2 Nefia 6:5

2 Nefia 11:2, 8

3

## TENY NOTSONGAINA

“Tokony ‘hampihari[ntsika amintsika ny tenin’ny soratra masina] rehetra mba ho tombon[tsoantsika] sy fianarana [ho antsika]’ (1 Nefia 19:23). Ny atao hoe mampihatra ny soratra masina dia ny fahitana ny fitovian’ny tantara nitranga ao anatin’ny soratra masina amin’ny toe-javatra iainana amin’izao fotoana izao ary ny fampisehoana fa manan-danja eo amin’ny fiainantsika ireo fitsipika ampianarin’izy ireo. . . .

“Afaka mampihatra imbetsaka ny soratra masina eo amin’ny fiainantsika isika amin’ny alalan’ny fametrahana fanontaniana hoe: ‘Inona no tian’ilay mpaminany izay nirakitra ity tantara ity mba hianarantsika avy amin’izany? Nahoana no nampidiriny tao anatin’izany ireo antsipian-javatra manokana ireo? Rehefa mametraka ireo fanontaniana mikasika ny tantaran’i Enôsa ireo isika ohatra dia afaka mahita zavatra azo ampiharina eo amin’ny zavatra iainantsika manokana momba ny vavaka. Afaka mianatra isika fa indraindray mitaky ezaka bebe kokoa ny vavaka ary mamaly ny vavaka ataontsika ny Ray any An-danitra ” (*L’Enseignement, Pas De Plus Grand Appel* [1999], 170–71).



# FIVORIANA MARAINA ATAON'NY MPIVADY MPITA-RIKA FIVORIANA

**Fanamarihana:**

3

# FIARAHA-MIENTANA TORIO NY FILAZANTSARAKO

**Lesona:**

**Fanamarihana:**



## Lesona: ____

**Fanamarihana:**

# FIARAHA-MIENTANA FIZARANA FILAZANTSARA

(ny mpandray anjara no mifampianatra)

**Fanamarihana:**





# Inona no Ianarako sy Ampianariko?

Ny lesona ao anatin'ity fizarana ity dia ahitana ireo fotopampianarana, sy fitsipika ary didy ilaina izay tokony ianaranao, inoanao, tiavinao, sy iainanao ary ampianarinao. Ireo no asain'ireo mpaminany velona sy ireo apôstôly ampianarinao. Narindra izy ireo amin'ny fomba izay ahafahanao manampy ny hafa hahazo mazava tsara ny fotopampianaran'i Kristy.

Ireo lesona ato amin'ity fizarana ity dia:

- Ny Hafatry ny Famerenana amin'ny laoniny ny Filazantsaran'i Jesoa Kristy
- Ny Drafitry ny Famonjena
- Ny Filazantsaran'i Jesoa Kristy
- Ny Didy
- Ny Lalàna sy Ôrdônansy

Ampianaro mialohan'ny batisa ireo lesona efatra voalohany. Makà antoka tsara fa afaka atao batisa sy raisina ho mpikambana ireo izay ampianarinao amin'ny alalan'ny fanaovana sy ny fitandremana ireo fanoloran-tena rehetra hita ao amin'ireto lesona ireto.

Ireo misiônera amin'ny fotoana maharitra no mitarika ny fampianarana ireo lesona miaraka amin'ny fanampian'ireo misiônera ao amin'ny paroasy sy ireo mpikambana hafa. Aorian'ny batisa, dia ampianarina an'ireo mpikambana vaovao indray ireo lesona efatra voalohany ary koa ny "Lalàna sy ôrdônansy". Ireo mpitondra ao amin'ny paroasy dia manara-maso raha mandray andraikitra ireo misiônera ao amin'ny paroasy sy ireo misiônera amin'ny fotoana maharitra amin'ny fakàna antoka fa ampianarina ireo lesona ireo, ary hoe hafiriana no handraisan'ireo misiônera amin'ny fotoana maharitra anjara. Entano ny mpikambana vaovao tsirairay mba hitandrina ireo fanoloran-tena rehetra hita ao amin'ireo lesona ireo.

Tokony ampiasainao koa ireo lesona ireo mandritra ny fotoana fandalinana manokana sy miaraka amin'ny mpiara-mitory aminao, ary mandritra ny fivorian'ny distrika sy ny

Fanamarihana

Ny Toriteny teo An-tendrombohitra, nataon'i Carl Bloch. Nalaina avy tamin'ny modely ao amin'ny Trano Fiangonan'ny Château de Frederiksborg, Danemark. Nampiasaina rehefa nahazoana alalana avy tamin'ny Musée de Frederiksborg. Tsy azo adika.

Fanamarihana

karazam-piofanana hafa. Rehefa mandalina ny soratra masina sy mirakitra ao an-tsainao ireo fotopampianarana ao amin'ireo lesona ireo ianao dia homen'ny Fanahy Masina anao amin'izany ora izany izay tokony holazainao sy tokony hataonao mba hanampiana ny hafa hahazo fijoroana ho vavombelona momba ny fahamarinan'ny fampianarana.

Amin'ny maha-misiônera anao dia manana andraikitra lehibe ianao hampianatra amin'ny fo sy miaraka amin'ny Fanahy. Ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifololahy dia nilaza hoe: "Ny tanjonay dia ny hampianatra ny hafatry ny filazantsara naverina amin'ny laoniny, amin'ny alalan'ny famelana ny Fanahy hitarika ireo misiônera sy ireo izay ampianarina. Ilaina ny mianatra ny votoatin-kevitr'ireo lesona, nefa tsy tokony hatao toy ny tsianjery ny fampianarana izany. Ilay misiônera dia afaka mampiasa ny voambolany manokana araka ny fibitsiky ny Fanahy Masina. Tsy tokony hanao toy ny tsianjery izay notadidiana izy fa tokony hiresaka avy amin'ny fo amin'ny alalan'ny fampiasana ireo voambolany manokana. Afaka miala amin'ny filaharan'ny lesona izy, ary mizara izay hitaoman'ny Fanahy azy, arakarak'izay tadiavina sy ilain'ny naman'ny Fiangonana. Rehefa mizara amin'ny alalan'izay inoany sy amin'ny alalan'ny voambolany manokana izy dia tokony hijoro ho vavolombelona momba ny fahamarinana ao amin'ny fampianarany" ("Statement on Missionary Work," Taratasy avy amin'ny Fiadidiana Voalohany, 11 Des. 2002). Rehefa mianatra ireo lesona ireo sy miomana ny hampianatra ianao sy ny misiônera mpiara-mitory aminao, dia tadidio hatrany ireo torolalana ireo. Makà antoka hoe nampianarinao ireo fotopampianarana rehetra ao amin'ireo lesona ireo.

Ho an'ny tsirairay amin'ireo lesona telo voalohany raha tsy hoe angaha voatariky ny Fanahy Masina, dia tokony hampianatra feno izay ao anatiny araka ny filaharany izay nanoratana azy. Azo ampidirina koa ny sasany amin'ireo didy raha mety, na koa ampianarina toy ny lesona mitokana.

Ny lesona tsirairay dia ahitana ireo fanontaniana amin'ny dinidinika amin'ny batisa, ireo fanoloran-tena, sy ireo fotopampianarana izay tokony ampianarinao. Ianaro tsara ireo fotopampianarana. Mifantoha foana amin'ny fanampiana ireo izay ampianarinao hanao sy hitandrina ireo fanoloran-tena. Ampiasao ireo fanontaniana amin'ny dinidinika amin'ny batisa hanomanana ireo izay ampianarinao ho amin'ny batisa sy amin'ny fandraisana ho mpikambana. Ireo lesona koa dia manana hevitra ho an'ny fampianarana. Ampiasao ireo hevitra ireo mba hanamafisana ny fomba fiomananao sy fampianaranao.

**Ny Anjara Asan'ny Fitadidiana**

Tadidio ireo soratra masina izay ho ampiasaina ao amin'ny fampianaranao. Mivonona ny hitadidy ny filaharan'ireo fotopampianarana ao amin'ny leson'ny misiônera tsirairay. Ireo misiônera izay mianatra fiteny hafa dia tokony hampifantoka ny fianarany ny fiteny ao amin'ny fiomanana hampianatra ireo leson'ny misiônera. Tokony hitadidy ireo voambolana, sy fehezanteny, sy karazam pehezanteny ary fanambarana fohifohy momba ny fotopampianarana izay hita ao amin'ny lesona izy ireo, kanefa alohan'izany dia tokony hisy dikany ho an'ny tena manokana aloha izany. Aza mitadidy lesona manontolo.

**Mampianara Mazava Tsara**

Any amin'ny faran'ny tsirairay amin'ireo lesona telo voalohany dia misy lisitry ny teny izay mety tsy mahazatra an'ireo izay ampianarinao. Mianara fomba hamaritana ireo teny ireo amin'ny fomba tsotra. Rehefa mampianatra ianao dia ataovy izay hahamora ny fahazoana ny hafatra.

Fanamarihana

**Fandalinana Soratra Masina**

**Inona no Asaina Ampianarinao?**

Môsià 18:18–20 F&F 43:15–16 F&F 52:9

**Maninona ianao no tsy maintsy mianatra ireo fotopampianarana ao amin'ny lesona?**

Alma 17:2–3 F&F 84:85

Fanamarihana

# Ireo Didy

*Fiomanana amin'ny Batisa sy ny Fandraisana ho mpikambana*



**Ny Fampianarana Ity Lesona Ity**

Misy fomba maro azo ampianarana ireo didy ato amin'ity lesona ity. Ohatra, mety mampianatra ny sasany amin'ireo didy ireo ianao ao anatin'ny lesona telo voalohany, na mety mampianatra didy maromaro ianao hatao ho lesona iray. Izay zavatra ataonao dia tokony miankina amin'izay ilain'ny naman'ny Fiangonana sy amin'ny fitarihan'ny Fanahy.

## Miomana ny Hampianatra

Ny tanjonao amin'ny fampianarana ireo didy dia ny hanampy ny olona hiaina ny filazantsara amin'ny alalan'ny fampiharana ny finoana an'i Jesoa Kristy, ny fibebahana, ary rehefa miomana amin'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana izy ireo. Rehefa mankato ny didy ny olona dia mitombo ny fijoroany ho vavolombelona momba ny filazantsara, ary mampiseho izy ireo fa manana "fo torotoro sy fanahy manenina," sy manomboka mibebaka amin'ny fahotany rehetra (jereo Môrônia 6:1–4; F&F 20:37).

Ity lesona ity dia tsy mitovy amin'ny firafitry ny lesona telo voalohany. Ny lesona telo voalohany dia manazava ny fotopampianarana niorenan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Ity lesona ity dia manazava ireo didy manokana izay nomen'Andriamanitra hanampiana antsika hampihatra ny fitsipiky ny filazantsara eo amin'ny fiainantsika.

Misy fomba maro azo ampianarana ity lesona ity. Ny fomba fampianaranao dia tokony hiankina amin'izay ilain'ny naman'ny Fiangonana sy amin'ny fitarihan'ny Fanahy. Mieritrereta sy mivavaha lalandava ny amin'ny fomba hanampianao ny naman'ny Fiangonana hiaina ny filazantsara. Ireto avy ny hevitra:

- Mampianatra didy iray na maromaro ao anatin'ny lesona telo voalohany. Rehefa manao izany dia raiso ilay fitsipika ao amin'i Alma 12:32: "Nomen'Andriamanitra ho azy ny didy, *rehefa* nampahafantariny azy ny drafitry ny fanavotana" (nampiana soramandry). Ny didy sasantsasany toy ny vavaka sy ny fandalinana soratra masina dia mety ampianarina tsara ao anatin'ny lesona telo voalohany. Ny didy hafa dia mety tsara raha ampianarina aorian'ny fametrahanao ny fototra iorenan'ny fotopampianaran'ny filazantsara hita ao amin'ny lesona telo voalohany.

- Mampianatra didy roa na telo hatao lesona iray.
- Mampianatra didy iray hatao lesona iray.
- Mampianatra ireo didy araka ny heviny hita ao amin'ny filazantsara. Manaova famerenana fohifohy momba ny lesona miompana amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy alohan'ny ampianarana didy iray na maromaro. Rehefa manao izany ianao dia afaka manampy ny naman'ny Fiangonana hahita izay itoeran'ireo didy ao amin'ny endrika mivelatrin'ny fampiharana ny finoana ao amin'ny Mpamonjy ary ny fibebahana ho fiomanana amin'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana. Ho voatahy ny fiainan'izy ireo rehefa mahita ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ho toy ny fomba fiainana izy ireo.

Mety afaka mampianatra naman'ny Fiangonana sasantsasany ao anatin'ny famangiana vitsivitsy ianao, fa ny sasany dia mety mila famangiana misimisy. Afaka manovaova ny fampianarana ny lesona ianao amin'izay fomba tena tsara hanampiana ny olona hiomana amin'ny batisan'izy ireo sy ny fandraisana ho mpikambana azy. Ny tanjonao dia tsy ny hahavita ny ao anaty boky ihany fa hanampy ny hafa koa hanatona an'i Kristy amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesoa Kristy sy ny fibebahana, sy ny batisa sy ny fandraisana ny fanomezana ny Fanahy Masina ary ny faharetana hatramin'ny farany.

Mahalana ihany vao tokony hihoatra ny 45 minitra ny lesona iray. Mety hahita ianareo fa fampianarana fohy ihany no vita amin'ilay famangiana hampianarana. Raha izany dia mety mila manao famangiana fohy hampianarana matetitetika ianao mba hampianarana ampahany tsikelikely ao anatin'ny boky.

Maro ireo fomba azonao ampianarana ity lesona ity. Ny didy ampianarinao, sy ny fotoana ampianaranao azy, ary ny halavan'ny fotoana hanaovanao azy dia miankina tanteraka amin'izay ilain'ny naman'ny Fiangonana sy amin'ny fitarihan'ny Fanahy.

## Mianara momba ireo Didy sy ireo Fanoloran-tena

Rehefa mandalina ity lesona ity ianao, dia araho ireto dingana eto ambany ireto:

- Halalino ny fizarana izay mamaritra ilay didy dia manorata drafi-pampianarana tsotra izay ahitana hevi-dehibe telo ka hatramin'ny dimy.
- Mampianara drafi-pampianarana mandritra ny roa na telo minitra amin'ny mpiaramitory aminao. Mifanazara amin'ny fomba fanasana amin'ny fanoloran-tena tsirairay sy amin'ny fomba famahana olana.
- Miresaha momba ny fomba hanaraha-maso ny fanoloran-tena tsirairay izay neken'ny naman'ny Fiangonana.

## Ny Fankatoavana

Andriamanitra dia nanome didy antsika ho an'ny tombontsoantsika. Izy ireo dia torolalana avy amin'ny Raintsika any an-danitra izay hanampy antsika hanana fianana misy fifaliana. Nomeny fahafahana misafidy koa isika, na ny fahafahana sy ny fahazoana mifidy ny tsara sy ny ratsy. Rehefa mankato an'Andriamanitra isika, dia manaraka ny fitarihan'ny Fanahy ary mifidy ny hanao ny sitrapony. Ny fankatoavana ireo didy dia mitondra fiadanana ho antsika eto amin'ity fiainana ity ary fiainana mandrakizay amin'ny fiainan-ko avy. Ny fankatoavana dia mampiseho ny fitiavantsika an'Andriamanitra. Ny tsy fankatoavana dia mitondra alahelo ho antsika.

Fanamarihana

Lesona 4:
Ny Didy

Fanamarihana

Fantatry ny Raintsika any an-danitra ny fahalementsika ary manana faharetana amintsika Izy. Mitahy antsika Izy rehefa miezaka mitandrina ny didiny isika. Manantena antsika ny hankato Azy Izy mba hahafahany mitahy antsika.

**Fandalinana Soratra Masina**

**Fahafahana misafidy**

| | | |
|---|---|---|
| 2 Nefia 2:26–29 | F&F 58:26–29 | Torolalana ho an'ny Soratra masina, "Safidy" |
| Almà 12:31 | F&F 82:8–10 | |

**Fankatoavana**

| | | |
|---|---|---|
| F&F 130:20–21 | Jaona 14:15, 21 | Mpitoriteny 12:13 |

**Fanoloran-tena**

- Hankato ireo lalàn'Andriamanitra ve ianao?

## Mivavaha Matetika

Andriamanitra dia nandidy antsika hivavaka Aminy. Afaka mivavaka ianao na rahoviana na rahoviana ary na aiza na aiza. Ny Tompo dia nampianatra antsika handohalika sy hivavaka manokana na miaraka amin'ny fianakaviana maraina sy hariva. Ny Raintsika any an-danitra dia mihaino sy mamaly ny vavaka ataontsika. Mahazo fitarihana sy fitahiana avy amin'Andriamanitra isika amin'ny alalan'ny vavaka ataontsika isan'andro. Tokony hivavaka amin-kitsimpo foana isika. Tokony hivavaka "am-piniavana" foana koa isika, izay midika hoe manolo-tena ny hanao arak'izay valiny azontsika isika.

Mivavaka am-pinoana amin'ny Raintsika any an-danitra amin'ny anaran'i Jesoa Kristy isika (jereo Mosesy 5:8). Satria Raintsika Izy ary zanany isika dia hamaly ny vavaka ataontsika Izy. Manomboka ny vavaka ataontsika amin'ny alalan'ny fiantsoana ny anaran'Andriamanitra isika. Faranantsika amin'ny fitenenana hoe, "Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena" izany.

Rehefa mivavaka isika dia miresaka am-pahalalahana sy amin'ny fo madio amin'ny Raintsika be fitiavana any an-danitra. Maneho fankasitrahana sy fisaorana isika noho ireo fahasoavantsika. Mety mampahafantatra ny fitiavantsika Azy isika. Mangataka fanampiana, sy fiarovana ary fitarihana koa isika izay miankina amin'ny zavatra ilaintsika.

Rehefa mivavaka am-pinoana sy amin-kitsimpo ary omban'ny tena finiavana isika dia hahita ny fitarihan'Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika. Hitantana antsika izy eo amin'ny fiainantsika andavanandro ary hanampy antsika haka fanapahan-kevitra tsara. Hitahy antsika amin'ny fahatsapana mitondra fankaherezana sy fiadanana Izy. Hampitandrina amin'ny loza Izy ary hanome hery antsika hahatohitra ny fakam-panahy. Hamela ny fahotantsika Izy. Hanakaiky kokoa Azy isika. Tsy maintsy mianatra mahafantatra ny fitarihany eo amin'ny fiainantsika isika. Tsy maintsy mianatra mihaino ny feo malefaka sy tonin'ny Fanahy isika.

Afaka mahafantatra isika rehefa mampianatra antsika ny fahamarinana ny Fanahy Masina. Ny saintsika dia ho feno eritreritra manainga fanahy sy manandratra. Hahazo fahazavana isika na homena fahalalana vaovao. Ny fontsika dia hahazo fahatsapana mitondra fiadanana, sy fifaliana ary fitiavana. Te-hanao ny tsara sy te-hanampy ny hafa isika. Sarotra ny manazava ireo fahatsapana ireo fa afaka mahafantatra azy ireo isika rehefa miaina izany.

Fanamarihana

**Fandalinana Soratra masina**

| | | |
|---|---|---|
| 2 Nefia 32:8–9 | F&F 6:22–23 | F&F 19:28 |
| Enôsa 1:1–12 | F&F 8:2–3 | 1 Mpanjaka 19:11–12 |
| Almà 34:17–28 | F&F 9:7–9 | Torolalana ho an'ny Soratra, "Vavaka" |
| Môrônia 10:3–5 | | |

**Fanoloran-tena**

- Handohalika sy hivavaka manokana na miaraka amin'ny fianakaviana ve ianao isan'andro?

## Mianara ny Soratra Masina

Ny Soratra masina dia rakitsoratra nosoratana momba ny fifandraisan'Andriamanitra tamin'ireo zanany arak'izay voarakitry ny mpaminany tamin'ny alalan'ny fitarihan'ny Fanahy Masina. Mampiseho ny finoantsika isika amin'ny alalan'ny fianarana, sy finoana ary fankatoavana ny teny nambaran'Andriamanitra. Mandalina am-pahazotoana ny soratra masina isika mba hahazoana ny fahamarinana. Mivoky amin'izy ireny isika satria manokatra ny varavaran'ny fanambarana ho antsika ary mampiseho antsika ny tokony hataontsika sy izay tokony hahatongavantsika izany. Mianatra ny soratra masina isika mba hahalalantsika momba an'i Jesoa Kristy sy ny filazantsarany. Ny finoana an'i Jesoa Kristy dia fanomezana avy amin'Andriamanitra ary izany dia tonga avy amin'ny fianarana sy fiainana ny teniny sy ny filazantsarany. Ireo soratra masina ankatoavin'ny Fiangonana, izay antsoina koa hoe boky ampiasain'ny Fiangonana, dia ny Baiboly Masina, ny Bokin'i Môrmôna, ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana, ary ny Voahangy lafo vidy. Tokony hianatra ireo boky masina ireo isika isan'andro.

**Fandalinana Soratra Masina**

| | | |
|---|---|---|
| 1 Nefia 19:22–23 | 2 Nefia 31:19–20 | Jaona 20:31 |
| 2 Nefia 9:50–51 | 2 Nefia 32:3–5 | 2 Timoty 3:14–17 |
| 2 Nefia 5:26 | Almà 32:28–30 | 2 Petera 1:20–21 |
| 2 Nefia 29:1–13 | Jaona 5:39 | |

**Fanoloran-tena**

- Hamaky ny soratra masina manokana na miaraka amin'ny fianakaviana ve ianao isan'andro?

## Hajao ny Andro Sabata Ho Masina

Ny fitondrantenantsika amin'ny Andro Sabata dia taratry ny fanoloran-tenantsika hanaja sy hidera an'Andriamanitra. Rehefa manaja ny andro Sabata ho masina isika, dia mampiseho ny fahavononantsika hitandrina ny fanekempihavanantsika. Isaky ny andro Sabata dia mankany amin'ny Tranon'ny Tompo isika mba hitsaoka Azy. Rehefa any dia mandray ny fanasan'ny Tompo isika ho fahatsiarovana an'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany. Manavao ny fanekempihavanantsika isika ary mampiseho fa vonona ny hibebaka amin'ny fahotantsika sy ny fahadisoantsika.

Fanamarihana

Amin'io andro io dia miala sasatra amin'ireo asantsika isika. Rehefa manatrika ny fivoriam-piangonana isika ary miara-mivavaka, dia mifankahery. Lasa olom-baovao isika amin'ny alalan'ny fiarahantsika amin'ny namana sy ny fianakaviana. Lasa matanjaka ny finoantsika rehefa mianatra ny soratra masina isika ary mianatra bebe kokoa ny filazantsara naverina amin'ny laoniny.

Rehefa tsy miraharaha ireo zavatra fanao amin'ny andro Sabata ny fiaraha-monina na ny firenena iray, dia miha-miova ny fiainam-pinoany ary misy fiantraikany ratsy eo amin'ny lafiny rehetra amin'ny fiainana izany. Ny fitahiana azo avy amin'ny fanajana ny andro Sabata ho masina dia very. Tokony hanajanona ny fiantsenana amin'ny andro Sabata, sy ny fanaovana varotra ary ny fanaovana fanatanjahan-tena isika, izay matetika manazimbazimba ny Sabata amin'izao fotoana izao.

Ny Olomasin'ny Andro Farany dia tokony hanokana io andro masina io, tsy hanao-vana asa aman-danonan'izao tontolo izao, amin'ny alalan'ny fananana fanahy te-hidera, sy feno fankasitrahana, sy fanompoana ary amin'ny alalan'ny fanaovana fiaraha-mientan'ny fianakaviana izay mety atao amin'ny Sabata. Rehefa miezaka mampifanaraka ny zavatra atao amin'ny andro Sabata amin'izay tadiavin'ny Tompo sy ny Fanahiny ny mpikamban'ny Fiangonana dia ho feno fifaliana sy fiadanana ny fiainan'izy ireo.

**Fandalinana Soratra Masina**

| | | |
|---|---|---|
| 3 Nefia 18:1–25 | Eksôdôsy 20:8–11 | Isaia 58:13–14 |
| F&F 59:9–15 | Eksôdôsy 31:12–17 | |

**Miaraha mipetraka amin'ny Naman'ny Fiangonana na ny Mpikambana any am-piangonana**

Rehefa manatrika fivoriana fanasan'ny Tompo na fihaonam-ben'ny tsatòka, dia tokony miara-mipetraka amin'ny naman'ny Fiangonana, na olona vao niova fo na mpikambana, ny misiônera mpiara-mitory. Tsy tokony hiara-hipetraka amin'ny misiônera hafa izy ireo.

**Fanoloran-tena**

- Hanaja ny andro Sabata ho masina ve ianao?
- Hiomana handray ny fanasan'ny Tompo am-pahamendrehana ve ianao?

**Fanontaniana amin'ny dinidiniky ny batisa izay mifandray amin'izany**

- Inona no fahazoanao ny andro Sabata, ao anatin'izany ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo isan-kerinandro sy ny fanompoana ny hafa? Vonona ve ianao ny hanaja io lalàna io [alohan'ny batisanao]?

## Ny Batisa sy ny Fandraisana ho mpikambana

Ny fomba hanehoantsika ny faniriantsika hanaraka ny lalan'Andriamanitra dia amin'ny alalan'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana. Rehefa atao batisa sy raisina ho mpikambana isika dia manao fanekempihavanana amin'Andriamanitra fa hitondra ny anaran'i Jesoa Kristy ary hahatsiaro mandrakariva Azy ary hitandrina ny didiny. Manome toky koa isika fa hijoro ho vavolombelon'Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra ary hanampy ireo izay mila fanampiana (jereo Môsià 18:8–9). Ho setrin'izany dia mampanantena ny fiarahan'ny Fanahy Masina tsy tapaka amintsika, sy ny famelana ny fahotana, ary ny fahaterahana indray Andriamanitra.

Fanamarihana

**Fanoloran-tena**

- Vonona ve ianao hatao batisa sy ho raisina ho mpikambana?
- Hanasa ireo namanao sy ny fianakavianao ve ianao hanatrika ny fotoam-batisanao?

  Raha mety dia manasà naman'ny Fiangonana hanatrika fotoam-batisa sy fanasan'ny Tompo izay handraisana ho mpikambana olona iray.

**Fanontaniana amin'ny dinidinika amin'ny batisa izay mifandray amin'izany**

- Fanontaniana rehetra amin'ny dinidinika amin'ny batisa.

**Fanasana hatao batisa**

Ny fanasana hatao batisa sy ho raisina ho mpikambana dia tokony ho mazava sy mivantana: "Vonona ve ianao hanaraka ny ohatr'i Jesoa Kristy amin'ny alalan'ny fanaovan'ny olona iray mihazona ny fahefan'ny fisoronan'Andriamanitra batisa anao? Hisy fotoam-batisa amin'ny [daty]. Hiomana ve ianao hatao batisa amin'io daty io?"

## Manaraha ny Mpaminany

Ny fahamarinana dia ny fahalalana ny zavatra amin'ny maha-izy azy, sy araka ny naha-izy azy ary araka ny haha-izy. Tsy miova miaraka amin'ny toe-javatra misy na ny fotoana izany. Ny fahamarinana dia tsy miova amin'ny fotoana rehetra sy ho an'ny kolotsaina rehetra. Andriamanitra no loharanon'ny fahamarinana rehetra. Afaka manam-pinoana Aminy isika satria fantatsika fa ny marina ihany no hampianariny antsika. Andriamanitra dia maniry ny hahafantaran'ny zanany ny fahamarinana. Noho izany dia manambara ny fahamarinana ilaina amin'ny famonjena amin'ny alalan'ny mpaminany sy ny apôstôly Izy. Manambara ny fahamarinana amintsika Izy amin'ny alalan'ny soratra masina sy ny fanambarana ho an'ny tena manokana.

Ny mpaminany dia nantsoina sy nofidin'Andriamanitra ary olo-marina sy manam-pinoana lehibe izy. Ny Tompo dia manambara aminy ny fahamarinana amin'ny alalan'ny Fanahy Masina. Manome didy ny mpaminaniny Izy hampianatra ny fahamarinana amin'ny olona rehetra. Ireo izay mino ny tenin'Andriamanitra izay nambara tamin'ny alalan'ny mpaminany dia ho voatahy.

Ny Fiangonan'i Kristy dia natsangana teo ambonin'ny fanorenan'ny apôstôly sy ny mpaminany izay mitondra ny Fiangonana amin'ny alalan'ny fanambarana. Niantso an'i Joseph Smith ny Tompo ho mpaminany voalohany sy lohan'ity fotoampitantanana farany ity. Ireo mpandimby azy izay mitondra ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany amin'izao fotoana izao dia mpaminany sy apôstôly koa. Ny Filohan'ny Fiangonana amin'izao fotoana izao dia mpaminany velona. Tokony hanana finoana an'ny mpaminany nofidin'Andriamanitra isika, sy resy lahatra amin'ny antso masiny ary manaraka ny fampianarany.

Manana fahafahana matetika haneho ampahibemaso ny fanohanantsika ny mpitondra ny Fiangonana isika. Ny atao hoe *manohana* dia manampy. Mila miomana isika, amin'izay, rehefa miresaka ny mpaminany sy ny apôstôly, dia manamafy ny fahamarinana ampianarin'izy ireo ny Fanahy Masina ary afaka manapa-kevitra ny hanaraka ny torohevitra izay omen'izy ireo isika.

Ireo izay mihaino sy manaraka ny torohevitry ny mpaminany velona sy ny apôstôly dia tsy hivily lalana. Ny fampianaran'ireo mpaminany velona dia manome fahamarinana

Fanamarihana

mandrakizay tsy miova eto amin'ity izao tontolo izao izay miovaova hasina ity ary manampy antsika hisoroka ny fahoriana sy ny alahelo izany fampianarana izany. Ny fisavorovoroana sy ny adiadin'izao tontolo izao dia tsy handrendrika antsika ary afaka manana fahatokiana isika fa mifanaraka tsara amin'ny sitrapon'Andriamanitra ny ataontsika.

**Fandalinana Soratra Masina**

| | | |
|---|---|---|
| Môsià 15:11–12 | F&F 21:1–7 | Efesiana 2:19–20 |
| Almà 13:1–16 | F&F 136:37–38 | Efesiana 4:11–14 |
| 3 Nefia 12:1–2 | Jaona 15:16 | Hebreo 5:4 |
| F&F 1:37–38 | Asan'ny Apôstôly 10:34–44 | Amôsa 3:7 |

**Fanoloran-tena**

- Vonona ve ianao ny hihaona amin'ny eveka?
- Hanohana sy hanaraka ny torohevitrin'ny mpitondra ny Fiangonana ve ianao?

**Fanontaniana amin'ny dinidinika amin'ny batisa izay mifandray amin'izany**

- Mino ve ianao fa ny [Filohan'ny Fiangonana amin'izao fotoana izao] dia mpaminanin'Andriamanitra? Midika inona izany aminao?

## Mitandrema ny Didy Folo

Ny Ray any an-danitra dia manome antsika didy mba hahafahantsika mahalala izay tokony hatao sy tokony hosorohintsika mba hahazoana ireo fitahiana tiany homena antsika (fifaliana, fiadanan-tsaina, fahasambarana maharitra). Nambaran'Andriamanitra tamin'i Mosesy ny Didy Folo mba hitarihana ny olony:

- "Aza manana andriamani-kafa, fa Izaho ihany" (Eksodosy 20:3). "Andriamani-kafa" dia mety ho ny fananana harena, na fahefana na voninahitra.
- "Aza manao sarin-javatra voasokitra ho anao" (Eksodosy 20:4).
- "Aza manonona foana ny anaran'ny Tompo Andriamanitrao" (Eksodosy 20:7).
- "Mahatsiarova ny andro Sabata hanamasinana azy" (Eksodosy 20:8).
- "Manajà ny rainao sy ny reninao" (Eksodosy 20:12).
- "Aza mamono olona" (Eksodosy 20:13).
- "Aza mijangajanga" (Eksodosy 20:14).
- "Aza mangalatra" (Eksodosy 20:15).
- "Aza mety ho vavolombelona mandainga hanameloka ny namanao" (Eksodosy 20:16).
- "Aza mitsiriritra" (Eksodosy 20:17).

Mbola manan-kery ny Didy Folo amin'izao fotoana izao. Mampianatra antsika hidera sy haneho fanajana an'Andriamanitra izany. Mampianatra ny fomba hifampitondrantsika koa izy ireo.

Fanamarihana

**Tsy misy Andriamani-kafa**

Ireo olona avy amin'ny kolotsaina maro dia manana na maneho fanajana an'ireo zavatra izay mampahatsiahy azy ireo an'Andriamanitra na ireo razambeny. Matetika ireo zavatra ireo dia sary vongana, sary fanevan'ny finoana, vatakely misy ny sisan-taolambalon'ny olomasina, izay mety ifantohan'ny fivavahan'izy ireo. Ampio izy ireo hahazo fa ny Tompo dia nandidy antsika tsy hivavaka amin'ny sampy. Amporisiho izy ireo mba hanala ao amin'ny tranony ireo zavatra izay tompoany na ivavahany. Ampio izy ireo hampifantoka ny finoany sy ny fivavahan'izy ireo amin'ny Ray any an-danitra sy amin'i Jesoa Kristy. Ampianaro izy ireo fa ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina amin'ny laoniny dia mifantoka amin'ilay Kristy velona.

Ao amin'ny filazantsara naverina amin'ny laoniny dia nampianatra antsika ny fomba hahatsiarovana Azy ny Tompo. Mahatsiaro Azy isika amin'ny alalan'ny vavaka, sy ny fanasan'ny Tompo, ary ny fivavahana any amin'ny tempoly. Homen'ny filohan'ny misiôna torolalana ianao amin'ny toe-java-mitranga manokana.

**Fandalinana Soratra Masina**

| | | |
|---|---|---|
| Môsià 13 | Matio 22:36–40 | Deotoronomia 5:6–21 |
| F&F 59:5–6 | Eksôdôsy 20:1–17 | |

**Fanoloran-tena**

- Hitandrina ny Didy Folo ve ianao?

## Hajao ny Lalàn'ny Fahadiovam-pitondrantena

Andriamanitra dia mifaly amin'ny fahadiovam-pitondrantena ary mankahala ny fahotana avy amin'ny fanaranana ny filan'ny nofo. Ny Fahadiovam-pitondrantena dia ny tsy fanaovana tanteraka firaisana ara-nofo alohan'ny fanambadiana ary ny fahatokiana sy fanajana tanteraka ny vady aorian'ny fanambadiana. Ireo izay miaina ny fahadiovam-pitondrantena dia mahazo hery avy amin'ny fifehezan-tena. Mahatsapa fifampitokiana izy ireo eo amin'ny fifandraisan'ny fianakavian'izy ireo. Afaka mahazo bebe kokoa ny fitarihan'ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainany izy ireo. Ireo izay tsy manaja io lalàna io dia hizaka ny fahamenarana sy fahamelohana izay hanavesatra ny fiainan'izy ireo.

Ny fahadiovam-pitondrantena dia mitaky fahadiovana eo amin'ny eritreritra sy eo amin'ny asa. Tokony hitazona ny fisainantsika ho madio isika ary tokony ho maotina amin'ny fitafy, sy ny fomba fiteny ary ny zavatra ataontsika. Isika dia tokony hanalavitra ny sary sy soratra vetaveta amin'ny endriny rehetra. Isika dia tokony hanaja ny herin'ny fananahana izay nomen'Andriamanitra ary hanaja ny vatantsika ho masina. Ireo olona hatao batisa dia tsy maintsy manaja ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena izay mandrara ny firaisana ara-nofo eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy ivelan'ny fanambadiana ara-dalàna. Tsy mahazo manala zaza na manao fifampilan'ny lahy samy lahy na vavy samy vavy izy ireo. Ireo izay nanao ny fahotana avy amin'ny fanaranana ny filan'ny nofo dia afaka mibebaka sy voavela heloka.

**Olon-droa Miara-Mipetraka**

Ny lehilahy sy ny vehivavy izay miara-mipetraka nefa tsy mivady dia mety tsy ho afaka hatao batisa raha tsy mivady aloha na misara-toerana. Ireo izay manambady mihoatra ny iray dia tsy afaka hatao batisa. Makà hevitra amin'ny filohan'ny misiôna izay hanome torolalana momba ny toe-java-mitranga tsirairay.

Lesona 4:
Ny Didy

Fanamarihana

**Fandalinana Soratra Masina**

| | | |
|---|---|---|
| Jakôba 2:28 | 3 Nefia 12:27–30 | Matio 5:27–28 |
| Môsià 13:22 | F&F 42:22–24 | Romana 1:26–32 |
| Almà 39:3–5 | F&F 63:16 | Efesiana 5:3–5 |

**Fanoloran-tena**

- Hanaja ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena ve ianao?

**Fanontaniana amin'ny dinidinika amin'ny batisa izay mifandray amin'izany**

- Inona no fahazoanao ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena, izay mandrara ny firaisana ara-nofo ivelan'ny fatotry ny fanambadiana ara-dalàna eo amin'ny lehilahy sy vehivavy? Vonona ve ianao ny hitandrina io lalàna io [mialohan'ny batisanao]?
- Efa nandray anjara tamina fanalan-jaza ve ianao? Na fiarahana amin'ny lahy samy lahy na vavy samy vavy ? [Fanamarihana: Ny olona izay mamaly hoe eny amin'ny iray amin'ireo fanontaniana roa ireo dia tsy maintsy manao dinidinika miaraka amin'ny filohan'ny misiôna alohan'ny hanaovana batisa azy.]

## Manajà ny Tenin'ny Fahendrena

Ny Tompo dia nanambara tamin'ny Mpaminany Joseph Smith, ny lalàn'ny fahasalamana iray antsoina hoe Tenin'ny Fahendrena. Ity lalàna ity dia mampianatra antsika ireo karazana sakafo sy karazan-javatra izay tokony na tsy tokony horaisintsika mba hitazonantsika ny fahasalaman'ny vatantsika ary mba hisorohantsika ireo fitarihan-dratsy. Mampanantena fitahiana ara-pahasalamana sy hery, sy fiarovana amin'ny ratsy ary fandraisana tsaratsara kokoa ny fahamarinana ara-panahy ny Tompo.

Tadidio fa masina ny vatantsika. Tokony hikarakara izany am-panajana sy am-pitandremana isika. Ny Tenin'ny fahendrena dia mampianatra antsika hihinana sakafo mahasalama. Izany dia mampianatra antsika mazava tsara fa tsy tokony handray toaka, sigara sy paraky, dite, sy kafe isika. Tsy tokony handray zava-mahadomelina manimba, amin'ny endriny rehetra isika. Raha hatao batisa sy raisina ho mpikambana dia tsy maintsy manajanona ireo karazan-javatra ireo izay olona ampianarinao. Ireo olona izay manaja ny Tenin'ny Fahendrena dia mora mandray ny fahamarinana ara-panahy.

Ny filohan'ny misiôna dia hamaly ireo fanontaniana momba ireo karazan-javatra hafa ampiasaina ao amin'ny fomba amam-panaonao raha toa ka tafiditra ao anatin'ny Tenin'ny Fahendrena izany.

**Fandresena ny Fahazaran-dratsy**

Afaka manampy tsara ireo izay miady mafy handresena ny fifohana sigara, ny zava-pisotro mahamamo ary fahazaran-dratsy hafa ianao amin'ny alalan'ny fanarahana ireo fitsipika ireo. Ireto torohevitra eto ambany ireto dia natao manokana ho an'ny Tenin'ny Fahendrena kanefa afaka ampiasaina amina fahazaran-dratsy hafa koa.

1. Ampio ny olona hametraka tanjona toy ny hoe rahoviana ary ahoana no hanajan'izy ireo ny Tenin'ny Fahendrena.
2. Mivavaha ho azy ireo mandritra ny vavaka ataonao manokana na rehefa miaraka amin'izy ireo ianao.
3. Mbà mahatoky tena sy mahay manohana—na dia miverina indray amin'ny fahazaran-dratsy taloha aza izy ireo.

Fanamarihana

4. Tohizo ny fampianarana azy ireo ny filazantsara. Ampianaro ny fomba fampiasana ny vavaka sy ny finoana ho toy ny loharanon-kery izy ireo.
5. Ampio izy ireo mba handeha any am-piangonana foana ary hinamana amin'ny olona izay manaja ny Tenin'ny Fahendrena ary nandresy ny fahazaran-dratsy mitovy amin'ny azy.
6. Manasà azy ireo handray tsodranon'ny fisoronana, raha mety.
7. Amporisiho izy ireo mba hanala ireo karazan-javatra manimba tsy ho ao an-tranony.

Jereo ny fizarana faha-10 ho an'ny torolalana fanampiny mba hanampiana ny olona handresy ny fahazaran-dratsy.

**Fandalinana Soratra Masina**

F&F 89 — 1 Korintiana 3:16–17 — 1 Korintiana 6:19–20

**Fanoloran-tena**

- Hiaina ny Tenin'ny Fahendrena ve ianao?

**Fanontaniana amin'ny dinidinika amin'ny batisa izay mifandray amin'izany**

- Ahoana no fahazoanao ny Tenin'ny fahendrena? Hanaja io lalàna io ve ianao [alohan'ny batisanao]?

## Hajao ny lalàn'ny Fahafolonkarena

Anisan'ny fahasoavana lehibe iray amin'ny maha-mpikambana ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany ny fandraisana anjara amin'ny fampiroboroboana ny fanjakan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fandoavana ny fahafolonkarena. Ny fahafolonkarena dia lalàn'Andriamanitra efa hatramin'ny taloha. Ohatra, ny mpaminany Abrahama ao amin'ny Testamenta Taloha dia nandoa ny fahafolonkarena tamin'izay rehetra nananany (jereo Almà 13:15).

Ho an'ireo izay mandoa ny fahafolonkarena dia mampanantena ny Tompo fa "Hovahako . . . ny varavaran'ny lanitra, ka hampidinako . . . fitahiana manana amby ampy ho anareo" (Malakia 3:10). Ireo fitahiana ireo dia mety ho ara-nofo na ara-panahy, izay ho tonga amin'ireo izay mankato ity lalàna masina ity.

Ny fahafolonkarena dia midika hoe ampahafolony, ary ny Tompo dia mandidy antsika hamerina ny ampahafolon'izay miditra amintsika, izany hoe ny karama, mba hahazoantsika fitahiana. Ny lalàn'ny fahafolonkarena dia manome fahafahana antsika hanampy amin'ny fananganana ny fanjakany. Ny fahafolonkarenantsika dia masina amin'ny Tompo ary manome voninahitra Azy isika rehefa mandoa ny fahafolonkarena. Andriamanitra dia mampanantena fitahiana maro ho an'ireo izay mandoa fahafolonkarena marina. Ireo izay tsy mandoa ny fahafolonkarena dia mandroba an'Andriamanitra (jereo Malakia 3:8). Tazoniny ho azy ireo ny zavatra izay an'Andriamanitra ara-dalàna. Tokony hikatsaka ny fanjakan'Andriamanitra aloha isika ary ny fahafolonkarena dia fomba anankiray hanaovana izany. Ny fandoavana ny fahafolonkarena dia fanehoana ny finoantsika. Marika ety ivelany ny finoantsika an'Andriamanitra sy ny asany izany.

Ny Vola azo avy amin'ny fahafolonkarena dia ampiasaina amin'ny fanohanana ireo atrik'asa misy ao amin'ny Fiangonana, toy ny fananganana sy fikarakarana tempoly, sy ny trano Fiangonana, ary ny fitoriana ny filazantsara eran'izao tontolo izao, sy ny fanaovana ny asan'ny tempoly sy ny asan'ny tetiarana ary ireo atrik'asa maro hafa

Fanamarihana

eran-tany. Ny fahafolonkarena dia tsy entina handoavana ny karaman'ireo mpitondra Fiangonana eo an-toerana, izay manao fanompoana tsy handraisan-karama.

Ny Mpitondra ny Fiangonana eo an-toerana dia mandefa mivantana isan-kerinandro ny fahafolonkarena any amin'ny Foiben'ny Fiangonana. Ny filankevitra ahitana ny Fiadidiana Voalohany, ny Kôlejin'ny Roambinifololahy, sy ny Episkôpà Mpiahy dia mandinika ny fomba mazava entina hampiasaina ireo tahirim-bola masina avy amin'ny fahafolonkarena ireo.

**Fandalinana Soratra Masina**

**Fahafolonkarena**

| | | |
|---|---|---|
| F&F 119 | Hebreo 7:1–2 | Levitikosy 27:30–33 |
| F&F 120 | Genesisy 14:18–20 | Malakia 3:7–12 |

**Finoana**

| | |
|---|---|
| 3 Nefia 13:33 | Etera 12:6 |

**Fanoloran-tena**

- Hanaja ny lalàn'ny fahafolonkarena ve ianao rehefa vita batisa?

**Fanontaniana amin'ny dinidinika amin'ny batisa izay mifandray amin'izany**

- Ahoana no fahazoanao ny lalàn'ny fahafolonkarena? Vonona ve ianao hanaja io lalàna io?

## Manaja ny Lalàn'ny fifadian-kanina

Fitahiana maro lehibe no azon'ireo izay manaja ny lalàn'Andriamanitra momba ny fifadian-kanina. Ny atao hoe mifady hanina dia tsy mihinana na misotro mandritra ny fotoana voafetra. Araka ny mahazatra dia ny Alahady voalohany isam-bolana no natokana ho fotoana manokana hifadiana sakafo in-droa sy hivavahana ary hijoroana ho vavolombelona. Ny fifadian-kanina sy ny vavaka dia tsy misaraka. Rehefa mifady hanina sy mivavaka am-pinoana isika dia mora mandray ny valim-bavaka sy ny fitahiana avy amin'ny Tompo. Mampanantena Izy fa hitari-dalana antsika foana. Tokony hifady hanina sy hivavaka noho ny antony mazava tsara isika. Ny fifadian-kanina dia ho an'ny tena manokana ary zavatra ara-panahy izany, ary tsy tokony hampiseho ny hafa isika fa mifady hanina.

Ny finoana marina dia ahitana ny fikarakarana ny mahantra. Isika dia natao hanampy azy ireo amin'izay ilainy amin'ny ara-batana sy ara-panahy. Rehefa mifady hanina isika dia manome vola ho an'ny Fiangonana hikarakarana ny mahantra sy ny mila vonjy. Antsointsika hoe fanomezana avy amin' ny fifadian-kanina izany. Manome farafahakeliny ireo vola voatahiry avy amin'ny fifadian-kanina in-droa isika. Nefa, tsy voatery ho voafetra ny vola haloantsika avy amin'ny vidin-tsakafo in-droa. Entanina isika mba ho faran'izay hahalala-tanana arak'izay vitan'ny eo am-pelantanantsika. Rehefa mikarakara ny hafa isika dia manampy amin'ny fanatanterahana ny fanekempihavanana nataontsika tamin'ny batisa ary mitazona ny famelan-kelontsika.

**Fandalinana Soratra Masina**

**Fifadian-kanina**

| | | |
|---|---|---|
| Omnia 1:26 | Almà 17:2–3 | F&F 88:76 |
| Almà 5:45–46 | Môrônia 6:5 | Matio 6:1–4, 16–18 |
| Almà 6:6 | F&F 59:12–16 | Isaia 58:6–11 |

**Fikarakarana ny Mahantra**

| | | |
|---|---|---|
| Môsià 4:16–27 | Almà 4:12–13 | Jakoba 1:27 |
| Môsià 18:8–10 | Matio 25:34–46 | Isaia 58:3–12 |

**Fanoloran-tena**

- Hifady hanina sy hivavaka ho an'izay zavatra ilainao manokana ve ianao amin'ny Alahadin'ny fifadian-kanina ho avy izao?
- Hanome fanomezana avy amin'ny fifadian-kanina am-pahalalahan-tanana ve ianao [aorian'ny batisanao]?

Fanamarihana

## Ahoana no fomba hanomezana ny Fahafolonkarena sy ny Fanomezana avy amin'ny fifadian-kanina

Ny fahafolonkarena sy ny fanomezana avy amin'ny fifadian-kanina dia tsy aloa ampahibemaso ary aloa an-tsitrapo. Ny mpikambana dia afaka mandoa ny fahafolonkarena sy ny fanomezana avy amin'ny fifadian-kanina amin'ny fotoana rehetra, fa matetika dia tsara kokoa raha mandoa ny fahafolonkarena raha vao mandray ny karama ary mandoa ny fanomezana avy amin'ny fifadian-kanina amin'ny andron'ny fifadian-kanina. Ny mpikambana dia manome ny fanomezana avy amin'ny alalan'ny famenoana ny taratasy mirakitra ny fanomezana izay alaina ao amin'ny Episkôpà. Tazonin'ny mpikambana ilay taratasy mavomavo ary ataony anaty valopy mihidy tsara ilay taratasy fotsy sy ny fanomezana. Ny valopy dia omena ny iray amin'ireo mpikambana ao amin'ny Episkôpà. Ireo fanomezana ireo dia raisina ho masina, ary an'Andriamanitra. Ny mpikamban'ny episkôpà iray sy ny mpitam-boky dia manao ny kajy manokana amin'ny fanomezana rehetra ary mitazona izany am-pitandremana sy ho tsiambaratelo.

Manao dinidinika momba ny fahafolonkarena amin'ny eveka ny mpikambana isaky ny faran'ny taona mba hanambarany ny fahavitrihany mandoa ny fahafolonkarena. Amin'io dinika mitokana io dia mahazo tatitra momba ny fanomezana rehetra nataon'izy ireo nandritra ny taona ny mpikambana. Ny mombamomba ny lafiny ara-bola rehetra dia tazonina amin'ny fomba hentitra ho tsiambaratelo.

**Ampianaro ny fomba fanomezana ny Fahafolonkarena sy ny Fanomezana avy amin'ny fifadian-kanina**

Ampisehoy ny taratasy firaketana ny fanomezana ary hazavao ny fomba fampiasana azy. Rehefa vita ny batisan'ireo niova fo, dia mety mila fanampiana izy ireo amin'ny famenoana izany taratasy izany.

Fanamarihana

## Mankatoava sy Manajà ny lalàna

Ny Olomasin'ny andro farany rehetra dia mino ny fankatoavana ny lalàn'ny firenena izay misy azy. Ny mpikamban'ny Fiangonana dia toroana hevitra mba ho olom-pirenena tsara, ary handray anjara eo amin'ny fanompoam-pirenena sy ny lafiny ara-pôlitika, ary manao asa fanompoana eo amin'ny fiaraha-monina. Manao izany izy ireo amin'ny maha olom-pirenena mahatsapa tena azy fa tsy amin'ny maha-solontenan'ny Fiangonana azy.

### Fandalinana Soratra masina

| | | |
|---|---|---|
| F&F 58:21 | F&F 130:20–21 | Fanekem-pinoana 1:12 |
| F&F 98:5 | F&F 134 | |

### Fanoloran-tena

- Hanaja ny lalàn'ny firenena izay ipetrahanao ve ianao?

**Fanontaniana amin'ny dinidinka mialohan'ny batisa izay mifanaraka amin'izany**

- Efa nanao heloka be vava ve ianao? Raha eny dia eo am-panefana ny sazy ve ianao sa nafahana vonjy maika? [Fanamarihana: Ny olona izay mamaly eny amin'ny iray amin'ireo fanontaniana roa ireo dia tsy maintsy manao dinidinika amin'ny filohan'ny misiôna alohan'ny hanaovana batisa azy.]

### Asa atao

Isaky ny didy tsirairay ato amin'ity lesona ity dia ataovy lisitra ireo soratra masina misy fampanantenana hataon'ny Tompo ho an'ireo izay mitandrina ny didy. Raketo ao amin'ny diarim-pianaranao ireo fampanantenana izay niseho teo amin'ny fiainanao.

3



3

# KILALAO AMIN'NY ALINA

## FIHAZAKAZAHANA ANATY ZOHINDALANA

Samy milahatra ao aorian'ny faritra nosoritana fa hiaingana ny andiany roa ka manao toy ny tsipika mirazotra ary mifanatrika izy ireo. Mandray ny tanan'ilay olona eo ampitan'izy ireo ny mpandray anjara ary manangana ambony ireo tanany mifandray mba hiendrika zohindalana. Mihazakazaka miditra ilay zohindalana mandra-pahatonga eny amin'ilay lohany ireo mpandray anjara roa farany indrindra izay nifandray tanana ary avy eo manambatra ambony ny tanany mba hampitohy ilay zohindalana. Tohizin'ilay ekipa izany ka entin'izy ireo miala avy eo amin'ilay saina niantombohany dia mandeha manodidina saina iray napetraka 50 metatra ambanimbany eo amin'ilay toerana, dia avy eo miverina eny amin'ilay toerana niaingana. Ny andiany maharesy dia izay voalohany tafaverina eny amin'ilay saina nametrahana azy ary tafapetraka daholo ny tsirairay.

**Fanamarihana:** Atrakao ny lohanao fa aza mijery an'ireo izay mihazakazaka mba hisorohana ny fifandonana amin'ireo izay mihazakazaka. Mihazakazaha amim-pitandremana; aza manosika ny olona amin'ny kiho na mikorisa amin'ny tany. Olona roa isaky ny mandeha ihany no ao anatin'ilay zohindalana ary tokony hifanakaiky tsara ireo olona roa rehefa mihazakazaka. Mety ho very isa rehefa misy elanelana be manasaraka ao amin'ilay zohindalana.



## SAMBOFIARAN'I NOA

Alohan'ny hiantombohan'ny kilalao dia samy mamorona filaharana anankiroa izay mifanakaiky ny andiany tsirairay—ny filaharana iray zatovolahy ary ilay iray hafa zatovovavy. Omen'ny mpanolotsaina anarana biby anankiray ireo mpandray anjara miaraka tsiroaroa (zatovolahy iray sy zatovovavy iray mijoro mifanakaiky).

Rehefa miteny ilay mpanolotsaina hoe alefa, dia mihazakazaka ireo mpandray anjara mandeha tsiroaroa ireo ka mifaninana amin'ny mpandray anjara mandeha tsiroaroa avy amin'ilay andiany iray hafa ary manao ny fandehan'ilay biby nomena azy ireo. Afaka mamorona ny fihetsiny ireo mpandray anjara mandeha tsiroaroa ireo (rehefa mitovy fotsiny amin'ny an'ilay biby nomena azy ireo izany) na mampiasa fihetsika anankiray natolotry ny mpanolotsaina. Rehefa tonga eny amin'ny faritra tokony hahatongavana ny mpandray anjara mandeha tsiroaroa dia afaka miala eo amin'ny toerana fiaingana indray ny mpandray anjara mandeha tsiroaroa manaraka avy ao amin'ny andiany misy azy ireo. Ny andiany mahatonga voalohany ny mpikambana ao aminy rehetra eny amin'ny faritra tokony hahatongavana no maharesy. Tsy maintsy mandeha tsiroaroa ny mpandray anjara ary tsy maintsy mitovy hafainganam-pandeha amin'ny mpiara-mifaninana aminy. (Tsy maintsy mitovy ny isan'ny mpandray anjara ao anatin'ireo andiany rehetra mandray anjara. Tsy maintsy hangataka ny sasany amin'ireo mpandray anjara hifaninana indroa ny andiany izay vitsy olona ao anatiny mba hampifandanjana izany.

Ireto misy fandehana biby atolotra. Ampiasao ny fahaizanao mamorona ho an'ny biby hafa:

**Fitsambikin'ny sahona:** Milingilingìna ka apetraho amin'ny tany eo anoloanao ny tanana. Mitsambikimbikìna sy mandrosoa ary rehefa tonga dia milingilingìna toy ny tany am-boalohany ihany ary ny tanana mipetraka amin'ny tany.

**Fandehan'ny foza:** Milingilingìna dia alefaso any aoriana mitehina amin'ny tany ny tanana. Dia mandehana amin'ny alalan'ny tanana sy tongotra ary ataovy mitovy tantana ny loha sy ny vozona ary ny vatana.

**Fandadizan'ny voay:** Mandadiza miaraka amin'ny tanana sy ny sandry miditra ao anatiny ary ny tongotra mivoaka aty ivelany. Ataovy manakaiky ny vatana ny tanana rehefa mandady.

**Fandehan'ny elefanta:** Ahinjiro eo anoloanao ny tananao dia ny felatanana no ataovy ambony dia ampifanindrio ho lasa tanam-bokovoko izy ireo ary apetraho eny amin'ny handrina ilay tanana voatsindry ao ambany, dia ataovy mitsotra faran'izay mahitsy ilay tanana anankiray, dia miondreha ary mandehana ka ahenjano ny fe.

**Fandehan'ny bibin-tsaonjo:** Mandadiza mitsotra ka ny lamosina no ambony, dia ampandrosoy tsikelikely manakaiky ny tanana ny tongotra ary avy eo ampanalaviro tsikelikely ny tongotra indray ny tanana.

## LALANA ALEHAN'NY MPISAVA LALANA

Misy faritra hilalaovana miendrika efamira lehibe maromaro foronina ary ahitana saina maro ao anatin'izany. Misy andiany roa mifaninana ao anatin'ny efamira tsirairay ka torak'izany koa ny miseho ao anatin'ireo efamira rehetra izay samy ampiasaina daholo mandritra ny fifaninanana. Ny andiany farany mbola manana mpandray anjara tafajanona ao anatin'ny faritra tsirairay ilalaovana no maharesy. Ireo andiany roa tafajanona sisa no miara-milalao ao anaty efamira iray mandrapihintsan'ny mpilalao ka olona iray ao amin'ny andiany iray sisa tavela.

Ny mpandrindra mpanampy no mpitarika ary ireo mpanolotsaina no mpitsara. Manome baiko iray ilay mpitarika dia manaraka ilay baiko ny mpandray anjara rehetra. Miala izay mpandray anjara tratra farany amin'ny fanatanterahana ilay baiko. Mijery ny mpitsara ary mampihatra ny fanintsanana. (Afaka mamerina mpandray anjara miverina eo amin'ny faritra ilalaovana ireo andiany tsy manana afa-tsy olona vitsy rehefa navoaka izy ireo mba hakana antoka fa mitovy ny isan'ny mpandray anjara ao anatin'ny ekipa roa tonta.)



Azo ampiasaina ireto baiko manaraka ireto:

**"Mihazakazaha ery!":** Manondro toerana iray eo amin'ilay faritra ilalaovana ilay mpitarika rehefa manome io baiko io. Mandeha mihazakazaka eny amin'ilay toerana voatondro ao anatin'ilay faritra ilalaovana ireo mpandray anjara. (Izay tratra farany eny ampitan'ilay tsipika noforonina dia miala.)

**"___ ao anaty sarety":** Manome isan'ny mpandray anjara na famaritana ny mpandray anjara tokony ho ao anatin'ilay sarety ny mpitarika (ohatra, "olona efatra ao anaty sarety" na "ankizilahy roa sy ankizilahy telo ao anaty sarety"). Midira ao anatina vondron'olona izay mifanaraka amin'izany baiko izany ny endriny. Mipetraka ao anatina faritra iray miendrika efamira ny vondrona tsirairay ary samy mitodika any amin'ny toerana iray daholo ny rehetra toy ireny hoe ao anaty sarety ireny. (Miala ny olona izay tratra farany vao nahafeno izay tokony hiditra ao anaty sarety ary izay sarety tsy nahafeno ny fepetra.)

**“Afon-dasy”:** Mifandraisa tanana amin'ny mpandray anjara roa farafahakeliny ao anatina faribolana ary mipetraha manodidina ny afon-dasy iray alaina sary an-tsaina. Tokony hisy mpandray anjara telo farafahakeliny ao anatin’ny faribolana iray. (Ny faribolana tratra farany vao voatsangana ary izay mpandray anjara tsy tafiditra ao anatin’ny afon-dasy anankiray dia miala.)

**“___ vitsika eo amin’ny vatan-kazo”:** Milaza isam-bitsika (izay matetika iray, na roa, na telo) ny mpitarika. Mipetraka ao an-damosin’ny mpandray anjara iray mandady amin’ny tanany sy ny lohaliny manao endrika vatan-kazo ireo isana mpandray anjara ireo. (Izay vatan-kazo tratra farany vao vita ary izay mpandray anjara tsy mipetraka eo amin’ilay vatan-kazo dia miala.)


3


# FISAINTSAINANA SY JERY TODIKA

Hivory hanatanteraka ny fisaintsainana sy jery todika ny vondron'ny mpanolotsaina anao isan-kariva. Hanana fahafahana hisaintsaina sy hizara ny zavatra nianaranao sy tsapanao nandritra ny andro iray manontolo ianao.
Mba hiomanana amin'ny fandraisana anjara amin'ny fisaintsainana sy jery todika dia mety hanampy anao ny fieritreretana ireto fanontaniana ireto:

- Inona no zavatra nitranga androany izay nanentana ny fanahinao?
- Inona no zavatra nianaranao androany?
- Inona avy ireo lesona hotsaroanao rehefa mody ianao?
- Tamin'ny fotoana inona no nahatsapanao ny Fanahy Masina androany?

Ataovy izay hiraketanao an-tsoratra ny eritreritrao sy ny zavatra tsapanao avy tamin'ilay fifanakalozan-kevitra.





## Zavatra enti-mody

Zarao amin'ny fianakavianao ny zavatra nianaranao androany rehefa mody ianao. Ho an'ny zatovovavy, afaka manampy anareo hanatanteraka ny fakana traikefa mikasika ny finoana laharana fahatelo ao amin'ny Mon Progrès Personnel ity (p.15). Ho an'ny zatovolahy, afaka manampy anareo hanatanteraka ny drafitrareo ao amin'ny fizarana misy ny fahatakarana ny fotopampianarana ao amin'ny Mon Devoir envers Dieu ity (p. 42–44 or 66–68).


500 ml



# ANDRO 4


Fampaherezam-panahy vao maraina ataon'ny mpandray anjara .55
Fandalinana ny Filazantsara . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . .57
Fivoriana maraina ataon'ny mpivady mpitarika fivoriana . . . . . . .58
Fiaraha-mientan'ny Zatovolahy sy Zatovovavy . . . . . . . . . . . . . . . .59
Torolalana momba ilay fampisehoana an-tsehatra . . . . . . . . . . . .74
Fampaherezam-panahy ataon'ny mpivady mpitarika fivoriana. . .75
Torohevitra momba ny fijoroana ho vavolombelona . . . . . . . . . . .76
Ny fijoroana ho vavolombelona ananako momba ny filazantsara 78
Fisaintsainana sy jery todika. . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . .79


cmej

4

# FAMPAHEREZAM-PANAHY VAO MARAINA ATAON'NY MPANDRAY ANJARA

**Raha toa ianao ka angatahina mba hitarika ny fampaherezam-panahy vao maraina, dia ataovy izao manaraka izao:**

1. Mifidiana hira iray ao amin'ny fihirana hiarahan'ny vondrona mihira.
2. Manasà olona iray hafa ao anatin'ny vondrona mba hanolotra vavaka.
3. Mizarà vatsim-panahy fohy. Ohatra, azonao atao ny
   - mizara soratra masina iray tena tianao,
   - manazava ny antony maha-manan-danja izany aminao,
   - mizara zavatra niainana fohifohy izay mifandray amin'ilay soratra masina, ary
   - mijoro ho vavolombelona momba ireo fahamarinana hita ao anatin'ilay soratra masina.

   Raha mila fanampiana ianao eo amin'ny fifidianana vatsim-panahy dia mangataha sosokevitra any amin'ny mpanolotsaina anao.
4. Omeo ny mpanolotsaina ny fotoana mba hanaovany filazana isan'andro.

# FANDALINANA NY FILAZANTSARA

## Mijoro ho vavolombelona momba an'i Kristy ny zava-drehetra

### FIFANAKALOZAN-KEVITRA ATAON'NY VONDRONA

Iaraho mamaky ao anatin'ny vondrona ny Mosesy 6:63 sy ny 2 Nefia 11:4 ary zarao izay nianaranao avy amin'ireo andininy ireo. Ifanakalozy hevitra ny mikasika ireo tantara izay mampianatra anao momba an'i Jesoa Kristy amin'ny alalan'ny tandindona. Ohatra:

- I Abrahama nanao sorona an'i Isaka (Genesisy 22:1–14)
- Ny fivarotana an'i Josefa tany Egypta (Genesisy 37)
- Ny Paska (Eksodosy 12:3–14)
- Mana avy any an-danitra (Eksodosy 16)
- I Mosesy sy ilay menarana varahina (Nomery 21:4–9; jereo koa ny Almà 33:18–22)
- I Daniela tao an-davaky ny liona (Daniela 6)
- Ny hazon'aina (1 Nefia 8)
- I Amôna niaro ny andian'ondrin'ny mpanjaka (Almà 17:26–39)

### FANDALINANA MANOKANA

Vakio ny iray amin'ireo tantara ao amin'ny soratra masina notanisaina etsy ambony ireo na soratra masina iray hafa nofidianao. Rehefa mamaky ianao dia mitadiava antsipirian-javatra na hevitra izay mampahatsiahy anao ny Mpamonjy ary manontania tena hoe: "Inona no fanampiana nentin'ity tantara ity ho ahy hahafantarako momba an'i Kristy? Inona tao amin'ity tantara ity no nampahatanjaka ny fijoroana ho vavolombelona anananako momba ny Mpamonjy?"

### MIARAHA MIZARA

Zarao amin'ny vondrona misy anao ny zavatra nianaranao nandritra ny fandalinanao manokana. Inona no ho fiantraikan'ity fandalinanao ity amin'ny fomba famakiana ny soratra masina amin'ny manaraka?

4

# FIVORIANA MARAINA ATAON'NY MPIVADY MPITARIKA FIVORIANA

**Fanamarihana:**

# FIARAHA-MIENTAN'NY ZATOVOLAHY SY ZATOVOVAVY

"Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon'ny Apôstôly" dia fanambarana anankiray navoaka tamin'ny taona 2000—taona nanamarihana ny fitsingeranan'ny taona nahaterahan'ny Mpamonjy roa arivo taona lasa talohan'izany. Nijoro ho vavolombelona mikasika ny fananany toetra araka an' Andriamanitra sy ny asa nanirahana Azy ireo Apôstôlin'i Kristy fahiny. Ireo Apôstôly amin'izao fotoana izao dia manohy mijoro ho vavolombelona fa velona Izy. Saingy tena misy fiantraikany tsara ny fijoroan'izy ireo ho vavolombelona rehefa mamporisika antsika hahazo fijoroana ho vavolombelona ho an'ny tenantsika manokana izany. Afaka mahafantatra isika —toy ny ahafantaran'ireo Apôstôliny izany—fa velona Izy.

## Fiaraha-mientana

Mba hanampiana anao hahafantatra bebe kokoa ny "Ilay Kristy Velona," dia tadiavo ary asio marika ao anatin'izany ireto manaraka ireto:

- Ataovy ao anaty faribolana ny anaran'i Jesoa Kristy sy ireo anarana hafa rehetra iantsoana Azy.
- Tsipiho ny teny hoe *fijoroana ho vavolombelona* sy izay mety ho endrika hafa isehoan'ny teny hoe *mijoro ho vavolombelona*.
- Tsipiho ilay fizarana manolotra famariparitana ny endriky ny vatan'ny Mpamonjy.
- Ataovy ao anaty faribolana ireo anjara asan'ny Mpamonjy (ohatra, *Mpamorona, Mpamonjy, Ohatra*).
- Lokoy ireo teny sy andian-teny izay mamaritra ny zavatra nataon'ny Mpamonjy sy nampianariny fony Izy teto an-tany.
- Ataovy ao anaty efamira izay andian-teny mamaritra ny toerana izay misy Azy amin'izao fotoana izao, sy ny toerana itondran'ilay lalany ary ny zavatra hitranga rehefa miverina eto an-tany Izy.





# 4



# DEN LEVENDE KRISTUS

## Apostlenes vidnesbyrd

### Jesu Kristi Kirke af Sidste Dages Hellige

Nu, hvor vi mindes Jesu Kristi fødsel for to tusind år siden, bærer vi vores vidnesbyrd om, at han virkelig levede et enestående liv, og at hans store sonoffer rummer uendelig kraft. Ingen anden har haft så vidtrækkende indflydelse på alle, der har levet, og som kommer til at leve på jorden.

Han var Det Gamle Testamentes store Jehova (Jahve) og Det Nye Testamentes Messias. Under sin Faders ledelse skabte han jorden. »Alt blev til ved ham, og uden ham blev intet til af det, som er« (Joh 1:3). Skønt han var uden synd, lod han sig døbe for at opfylde al retfærdighed. Han »færdedes overalt og gjorde vel« (ApG 10:38), men blev foragtet for det. Hans evangelium var et budskab om fred og velvilje. Han opfordrede alle til at følge sit eksempel. Han vandrede ad Palæstinas veje, hvor han helbredte de syge, gjorde de blinde seende og opvakte de døde. Han forkyndte evighedens sandheder, virkeligheden af vores førjordiske tilværelse, formålet med vores liv på jorden og Guds sønners og døtres muligheder i det kommende liv.

Han indstiftede nadveren som en påmindelse om sit store sonoffer. Han blev pågrebet og anklaget på falsk grundlag, kendt skyldig for at stille pøblen tilfreds og dømt til at dø på Golgatas kors. Han gav sit liv for at sone for hele menneskehedens synder. Hans gave var en storslået gave som stedfortræder for alle mennesker, der nogensinde kommer til at leve på jorden.

Vi bærer højtideligt vidnesbyrd om, at hans liv, der spiller en central rolle i menneskets historie, hverken begyndte i Betlehem eller endte på Golgata. Han var Faderens Førstefødte, den Enbårne Søn i kødet, verdens Forløser.

Han opstod fra graven som »førstegrøden af dem, der er sovet hen« (1 Kor 15:20). Som den opstandne Herre besøgte han dem, han havde elsket i dette liv. Han virkede også blandt sine »andre får« (Joh 10:16) i oldtidens Amerika. I vore dage viste han og hans Fader sig for drengen Joseph Smith og indvarslede den lovede »tidernes fylde« (Ef 1:10).

Om den levende Kristus skrev profeten Joseph: »Hans øjne var som en ildslue, hans hår var hvidt som nyfalden sne, og hans ansigt overgik solen i klarhed. Hans røst var som store vandes brusen, ja, Jehovas røst, som sagde:

Jeg er den første og den sidste. Jeg er den, som lever. Jeg er den, der blev slået ihjel, og jeg er jeres Talsmand hos Faderen« (L&P 110:3-4).

Om ham har profeten også sagt: »Og nu, efter de mange vidnesbyrd, som er blevet givet om ham, er dette det sidste vidnesbyrd, som vi giver om ham: at han lever!

Thi vi så ham ved Faderens højre hånd, og vi hørte røsten, som vidnede, at han er Faderens Enbårne,


at ved ham, gennem ham og af ham, eksisterer og skabtes verdenerne, og at deres indbyggere er sønner og døtre, født af Gud« (L&P 76:22-24).

Vi erklærer i al højtidelighed, at hans præstedømme og hans Kirke er blevet gengivet til jorden – »bygget på apostlenes og profeternes grundvold med Jesus Kristus selv som hovedhjørnesten« (Ef 2:20).

Vi bærer vidnesbyrd om, at han en dag vil vende tilbage til jorden. »Herrens herlighed skal åbenbares, og alle mennesker skal se den« (Es 40:5). Han skal herske som Kongernes Konge og regere som Herrernes Herre, og hvert knæ skal bøje sig og hver tunge skal tilbede ham. Enhver af os skal fremstilles for Gud for at blive dømt efter vore gerninger og vores hjertes ønsker.


Vi bærer, som hans behørigt indsatte apostle, vidnesbyrd om, at Jesus er den levende Kristus, Guds udødelige Søn. Han er den store kong Immanuel, som i dag står ved sin Faders højre hånd. Han er verdens lys og liv og håb. Hans vej er den sti, der fører til glæde i dette liv og evigt liv i den kommende verden. Vi takker Gud for den enestående gave, som han gav os i form af sin guddommelige Søn.


**DET FØRSTE PRÆSIDENTSKAB**



1. januar 2000

**DE TOLVS KVORUM**





## Fifanakalozan-kevitra ataon'ny vondrona

### FANONTANIANA MIFONO LOHAHEVITRA 1

**"Ahoana no hevitrareo ny amin'i Kristy?" (Matio 22:42)**

**Loholona Neil L. Andersen ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:** "Nanontanian'i Jesoa ireo Fariseo hoe: 'Ahoana no hevitrareo ny amin'i Kristy?' Mandritra ilay fanaovana tombantombana farany dia tsy ny namana na ny fahavalo akory no hitsara antsika mikasika ny nataontsika amin'ny maha-mpanara-dia manokana antsika. Fa ho toy ny nolazain'i Paoly kosa izany manao hoe: 'Fa samy hiseho eo anoloan'ny fitsaran' Andriamanitra isika rehetra.' Amin'izay andro izay, ilay fanontaniana manan-danja ho antsika dia hoe: 'Ahoana no hevitr'i Kristy mikasika Ahy?'

"Na dia tia ny olombelona rehetra aza i Jesoa dia nisy sasany tamin'ireo manodidina Azy izay notsikerainy hoe toy ny mpihatsaravelatsihy, adala, ary mpanao heloka. Ny hafa dia nantsoiny tamim-pankasitrahana hoe zanaky ny fanjakana ary fahazavan'izao tontolo izao. Ny sasany dia nantsoiny miaraka amin'ny tsy fankasitrahana hoe manajamba ny masony ary tsy mamoa. Noderainy fa madio am-po sy noana ny fahamarinana ny hafa. Nalahelo izy satria ny sasany dia tsy nino ary avy amin'izao tontolo izao, saingy ny hafa kosa dia najainy ho toy ny voafidy, mpianatra ary namana. Noho izany dia manontany tena isika tsirairay avy hoe: 'Inona no hevitr'i Kristy mikasika ahy?' . . .

"Ao anatin'izany tontolo mikorontandrontana izany, dia faly isika satria mpianatr'i Jesoa Kristy. Hitantsika manodidina eny ny tanan'ny Tompo. Efa napetraka tsara eo anoloantsika ny toeran-kalehantsika. 'Ary izao no fiainana mandrakizay,' hoy ny vavaka nataon'i Jesoa, 'dia ny mahafantatra Anao, Izay Andriamanitra tokana sady marina, sy Jesoa Kristy, Izay efa nirahinao.' Ny hoe maha-mpanara-dia ao anatin'ity lalan-kaleha amin'izao fotoana izao ity dia ho toy ny mari-panajana any amin'ny mandrakizay. . . .

"Na aiza na aiza misy anao eo amin'ny lalan'ny maha-mpanara-dia dia eo amin'ilay lalana marina ianao ary eo amin'ilay lalana mitondra any amin'ny fiainana mandrakizay. Afaka mifanampy mba hitraka sy mifanome hery isika ao anatin'ireo andro lehibe sy manan-danja ho avy. Na inona na inona olana atrehantsika, fahalemena manakantsakana antsika na zavatra tsy ho vita manodidina antsika, dia aoka isika hanana finoana an'ilay Zanak' Andriamanitra izay nanambara hoe, 'Ny zavatra rehetra dia hain'ny mpino.' . . .

"Mijoro ho vavolombelona aho fa rehefa tia Azy, matoky Azy sy mino Azy ary manaraka Azy ianao dia hahatsapa ny fitiavany sy ny fanekeny. Rehefa manontany ianao hoe: 'Ahoana no hevitr'i Kristy mikasika ahy?' dia ho fantatrao fa mpianany ianao ary namany ianao. Amin'ny alalan'ny fahasoavany

dia hanao zavatra ho anao Izy izay tsy ho vitanao ny hanao azy ho an'ny tenanao. . . .

"Mijoro ho vavolombelona aho fa i Jesoa Kristy no Mpamonjy an'izao tontolo izao. Nijaly sy maty ho an'ny fahotantsika Izy ary nitsangana tamin'ny maty tamin'ny andro fahatelo. Nitsangana tamin'ny maty Izy. Ho avy ilay andro izay handohalihan'ny lohalika rehetra sy hideran'ny lela rehetra fa Izy no Kristy. Amin'izay andro izay dia tsy ilay hoe: 'Moa ve raisin'ny olona ho Kristianina aho?' no ho ahiahintsika. Fa amin'izany fotoana izany dia hifantoka any Aminy ny masontsika ary hibahana ao am-pontsika ilay fanontaniana hoe: 'Ahoana no hevitr'i Kristy mikasika ahy?' " ("Ahoana no hevitr'i Kristy mikasika ahy?" *Ensign* na *Liahona,* mey 2012, 111–12, 114).

**Inona no hevitry ny mpikamban'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany momba an'i Kristy?**

**Filoha Henry B. Eyring, Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany:** "Efa nahita vehivavy iray aho izay nandray fahagagana tamin'ny fahazoana tanjaka ampy hiatrehana ireo fahalasan'olona maro tsy takatry ny saina tamin'ny fahafahana nahavita tsotra fotsiny niteny tsy an-kijanona ny teny hoe: 'Velona ny Mpanavotra ahy.' Izany finoana izany sy ireo teny mifono fijoroana ho vavolombelona ireo dia teo foana na dia tao anatin'ny zavozavo izay nanamaizina fa tsy namafa velively ny fahatsiarovany ny fahazazany aza.

"Nampitolagaga ahy koa ny nahita ny vehivavy iray izay namela heloka ny olona izay nanao ratsy taminy nandritra ny taona maro. Gaga aho ary nanontany azy hoe nahoana izy no nisafidy ny hamela sy hanadino taona niaretana haratsian-toetra toy izany.

"Namaly tsimoramora izy hoe: 'Izany no zavatra sarotra indrindra nataoko hatrizay kanefa fantatro fotsiny hoe tsy maintsy manao izany aho. Dia nataoko izany.' Ny finoany fa ny Mpamonjy dia hamela heloka azy raha toa izy ka mamela ny hafa dia nanomana azy hanana fahatsapana fiadanana sy fanantenana rehefa niatrika ny fahafatesana izy volana vitsivitsy monja taorian'ny namelany heloka an'ilay fahavalony tsy nibebaka.

"Nanontany ahy izy hoe: 'Rehefa ho tonga any aho dia mety hanao ahoana izany hoe any an-danitra izany?'

"Ary hoy aho hoe: 'Fantatro fotsiny avy tamin'ny nahitako ilay fahafahanao nampihatra finoana sy namela heloka fa hahafinaritra ny fandraisana anao any' " ("Tendrombohitra ho hanihana," *Ensign* na *Liahona,* mey 2012, 25).

**Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:** "Ny sorompanavotan'i Jesoa Kristy dia nantsoina hoe ilay 'zava-nitranga faratampony indrindra amin'ny zava-nitranga rehetra hatramin'ny fanombohan'ny fahariana ka hatramin'ny mandrakizay.' Izany sorona izany no ivon'ny hafatr'ireo mpaminany rehetra. Hita taratra mialoha izany tamin'ny alalan'ny fanaovana sorona biby araka ny fitakian'ny lalàn'i

Mosesy. Nanambara ny mpaminany iray fa ny tena dikan'ireo lalàna rehetra ireo dia '[n]anondro [ilay] sorona lehibe sady faran'[ny] . . . Zanak' Andriamanitra, eny tsisy fetra ary mandrakizay' (Almà 34:14). Niaritra fijaliana tsy takatry ny saina i Jesoa Kristy tamin'ny fanolorana ny tenany ho sorona ho an'ny fahotan'ny olon-drehetra. Izany sorona izany dia nanolotra ilay faran'izay tsara indrindra—ilay Zanak'ondrilahy tsy misy kilema—handrakotra ny ratsy lehibe indrindra—dia ny fahotan'izao tontolo izao. Hoy ny teny tsy hay hadinoina nolazain'i Eliza R. Snow hoe:

> Nalatsany ny rany soa,
>
> Nomeny ny ainy.
>
> Ny ota no sandainy,
>
> Ho fanavotana. ['Endrey fahendrena, fitia' *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* lah. 37.]

"Io sorona io—ilay Sorompanavotan'i Jesoa Kristy—no ivon'ny drafitry ny famonjena" ("Ny Sorona," *Ensign* na *Liahona,* mey 2012, 19).

**Loholona D. Todd Christofferson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:** "Ny Mpaminany Joseph Smith dia nanamafy ny anjara asa lehiben'ny Mpamonjy ao amin'ny fotopampianarantsika ao anatin'ny fehezanteny manan-danja iray: 'Ireo fitsipika fototry ny finoantsika dia ny fijoroan'ireo Apôstôly sy Mpaminany ho vavolombelona mikasika an'i Jesoa Kristy izay manao hoe, maty Izy dia nalevina ary nitsangana tamin'ny maty ny andro fahatelo, dia niakatra any andanitra ary ireo zavatra hafa mikasika ny finoantsika dia mifampiankina amin'izany fotsiny.' Ny fijoroan'i Joseph Smith ho vavolombelona mikasika an'i Jesoa dia hoe velona Izy, 'satria hita[ny] izy, [t]eo ankavanan' Andriamanitra ary re[ny] ny feo manambara fa Izy no Zanaka Lahitokan'ny Ray' (F&F 76:23; jereo koa ny andininy 22). Miantso ny rehetra . . . aho mba hikatsaka amin'ny alalan'ny vavaka sy ny fandalinana soratra masina izany fijoroana ho vavolombelona momba ilay toetra maha-Andriamanitra an'i Jesoa Kristy izany sy momba ny Sorompanavotana ary ny Fitsaganany amin'ny maty. Ekeo ny fotopampianarany amin'ny alalan'ny fibebahana, ny fanaovana batisa ary ny fandraisana ny fanomezana ny Fanahy Masina ary amin'ny alalan'ny fanajana ireo lalàna sy fanekempihavanan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy mandritra ny fiainanareo." ("Ny Fotopampianaran'i Kristy," *Ensign* na *Liahona,* mey 2012, 89).

## FANONTANIANA MIFONO LOHAHEVITRA 2

**Amin'ny fomba ahoana no mahatonga ny hevitrao momba an'i Jesoa Kristy hisy fiantraikany eo amin'izay hahatongavanao?**

# 4

**Loholona D. Todd Christofferson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:** "Niresaka mikasika ny lalàn' Andriamanitra, ny filazantsara izay hosoratana ao am-pontsika ny mpaminany fahiny Jeremia. Nindraminy ny tenin'ny Tompo izay miresaka momba antsika, isika olony amin'ny andro farany: "Hataoko ao an-tsainy ny lalàko sady hosoratako ao am-pony, ary izaho ho Andriamaniny, ary izy ho oloko.'

"Tianao ho tonga eo aminao ve izany? Lazaiko aminao fa afaka ny hitranga aminao izany, saingy tsy maintsy hoe zavatra tena irinao izany. Tsy afaka ny hosoratana ao am-ponao ny filazantsara raha tsy misokatra ny fonao. Afaka manatrika ireo fivoriana fanasan'ny Tompo, ireo fotoam-pianarana sy ireo fiaraha-mientana an'ny Fiangonana ary manao ny zavatra holazaiko anao ianao saingy raha tsy miaraka amin'ny faniriana lalina avy amin'ny fo izany dia tsy dia hampiova na inona na inona akory. Fa raha misokatra sy vonona ny fonao toy ny fon'ny zazakely iray dia holazaiko aminao ny zavatra azonao atao mba hampiova fo anao.

"Ny dingana voalohany dia tsy maintsy ialanao ilay toetra miavonavona izay mpiseho lava tokoa eto amin'izao tontolo izao amin'izao fotoana izao. Ny tiako holazaina amin'izany dia ilay toetra manda ilay fahefan' Andriamanitra mba hitantana ny fiainantsika. Nofaritan'ny Tompo tamin'i Joseph Smith io toetra io rehefa niteny izy hoe: 'Tsy mikatsaka ny Tompo izy ireo mba hanorina ny fahamarinany, fa samy mandeha amin'ny lalany avy ny olona tsirairay, ary manaraka ny endriky ny andriamaniny avy.' Henonao ny filazana izany amin'izao fotoana izao ao anatin'ny andian-teny toy ny hoe 'Manao izay mahafinaritra ny tenanao' na 'Ny atao hoe mety sy tsy mety dia miankina amin'izay tsapako fa mety amiko." Toetra maneho fikomiana amin' Andriamanitra izany, toy ny nikomian'i Losifera tamin' Andriamanitra tany amin'ny tontolo talohan'ny nahaterahana. Nolaviny ny zon' Andriamanitra hanambara ny fahamarinana sy hametraka ny lalàna. Notadiavin'i Satana ary mbola tadiaviny ilay fahefana ahafahany miteny manokana izay mety sy tsy mety. Tsy manery antsika hanaiky ny fahefany ilay Mpahary malalantsika, kanefa ny fanoavana amim-pahavononana izany fahefana izany no dingana voalohany mankany amin'ny fiovampo.

"Ankoatra izany raha tiana hosoratana ao am-ponao ny filazantsara dia mila mahafantatra ianao hoe inona izany ary mila mampivoatra ny fahatakarana izany bebe kokoa ianao. Midika izany fa tsy maintsy mandalina ianao. Rehefa miteny aho hoe 'mandalina,' dia zavatra mihoatra noho ny mamaky no tiako holazaina. Zavatra tsara indraindray ny mamaky bokin-tsoratra masina iray ao anatin'ny fotoana voafaritra

mba hahafantarana ny dikan'ny hafatra entiny amin'ny ankapobeny, saingy ho an'ny fiovampo dia tokony hirahara-raha bebe kokoa mikasika ny habetsahan'ny fotoana lanianao amin'ny soratra masina ianao toy izay mikasika ny habetsahan'ny zavatra vakinao ao anatin'izany fotoana izany. Indraindray dia azoko sary an-tsaina ianao mamaky andininy vitsivitsy, miato mba handinika izany, mamaky amim-pitandremana indray ireo andininy, ary mieritreritra momba ny hevitra tian'izy ireo ambara ianao, mivavaka mba hahatakatra izany, mametra-panontaniana ao an-tsainao, miandry hevitra avy amin'ny fitaomam-panahy, ary manoratra ireo hevitra sy zava-baovao izay tonga ireo mba hahafahanao mitadidy sy mianatra bebe kokoa. Rehefa mandalina toy izany ianao, dia mety tsy mamaky toko na andininy maro ao anatin'ny antsasa-kadiny, kanefa hanisy toerana ny tenin' Andriamanitra ao amponao ianao ary hiresaka aminao Izy. Tsarovy ny fanazavan'i Almà mikasika ny hoe manao ahoana izany: 'Manomboka mampivelatra ny fanahiko izy; eny manomboka manazava ny fahazavan-tsaiko izy, eny manomboka ho fy amiko izy.' Ho fantatrao fa voasoratra ao am-ponao ny filazantsara ary mitranga ilay fiovamponao rehefa lasa fy bebe kokoa ho an'ny fanahinao ny tenin'ny Tompo avy amin'ireo mpaminaniny fahiny sy ankehitriny.

"Nolazaiko ny hoe mivavaka rehefa mandalina ny soratra masina saingy tsy tokony ho izay fotsiny no anatin'ny vavaka ataonao. Ao anatin'ny Bokin'i Môrmôna, i Amioleka dia milaza amintsika fa tokony hivavaka mikasika ny zavatra rehetra eo amin'ny fiainantsika isika. Hoy izy hoe: '[Aboraho amin' Andriamanitra] ao an'efi-tranonareo sy ny toera-miafinareo ary any an-tany foanareo [ny fanahinareo].' Tian'ny Ray any An-danitra ianao mba hivavaka mikasika ny fanantenananao sy ny tahotrao, hivavaka ho an'ny namanao sy ny fianakavianao, ary ny fianaranao sy ny asanao ary ny zavatra ilain'ireo manodidina anao. Ary ny tena zava-dehibe dia tokony hivavaka ianao mba ho fenon'ny fitiavan'i Kristy. Io fitiavana io dia omena ireo izay mpanara-dia marin'i Jesoa Kristy, izay mangataka izany amin'ny herin'ny fony manontolo. Io fitiavana io no voan'ilay hazon'aina ary ny fihinanana azy dia ampahany lehibe irain'ny fiovamponao satria raha vao mahatsapa ny fitiavan'ny Mpamonjy ianao na ny ampahany faran'izay kely amin'izany aza dia hahatsapa ho voaro ianao ka hitombo ao anatinao ny fitiavanao Azy sy ny Rainao any An-danitra. Haniry ny hanao izay angatahin'ireo olona masina ireo ianao ao am-ponao. Mandehana matetika any an'efitranonao sy any amin'ny toera-miafinao ary any an-tany foanao. Isaory Andriamanitra noho ireo fitahiana azonao, mangataha fanampiana Aminy ary angataho

4

Izy mba hanome anao ilay fitiavana madion'i Kristy. Hanampy indraindray ny fifadian-kanina.

"Taorian'ny niresahan'i Amioleka mikasika ny vavaka dia niresaka zavatra iray hafa izay singa manan-danja ho an'ny fiovamponao izy—fanompoana ny hafa. Raha tsy izany hoy izy dia, 'zava-poana ny vavakareo sady tsy mahasoa anareo na amin'inona na amin'inona izany.' Amin'ny teny hafa, raha te hiova fo dia tsy hoe tsy maintsy manokatra fotsiny ny fonao handray fahalalana ny filazantsara sy ny fitiavan' Andriamanitra ianao fa tsy maintsy miaina ny lalàn'ny filazantsara koa. Tsy afaka mahatakatra feno izany ianao na hankafy izany raha tsy ampiharinao manokana eo amin'ny fiainanao aloha izany. Nilaza i Jesoa fa tonga mba hanompo Izy fa tsy hotompoina. Dia tokony izany koa no hataonao. Tsy maintsy mijery any ivelany ianao ary mikarakara ny hafa. Afaka ny ho be fangorahana ianao, afaka ny ho tia namana, afaka mizara, afaka manampy ny hafa amin'ny fomba tsotra maro ianao. Rehefa manao izany ianao dia lasa ampahan-javatra ao anatinao ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.

"Mamelà ahy hilaza zavatra iray hafa. Fahiny, rehefa te hitsaoka ny Tompo ny olona sy hikatsaka ny fitahiany dia matetika izy ireo no nitondra fanomezana. Ohatra, rehefa nankany amin'ny tempoly izy ireo, dia nitondra sorona hapetraka eo amin'ny alitara. Taorian'ny Sorompanavotana nataon'ny Mpamonjy sy ny Fitsanganany tamin'ny maty, dia nilaza izy fa tsy hanaiky intsony ny biby atao fanatitra dorana. Ny fanomezana na sorona izay ekeny ankehitriny dia 'fo torotoro sy fanahy manenina.' Rehefa mikatsaka ny fitahian'ny fiovampo ianao dia afaka manolotra ho an'ny Tompo ny fonao torotoro na mibebaka ary ny fanahinao manenina na mankatò. Raha ny marina dia ny fanoloranao ny tenanao izany—ny maha-izy anao sy izay mety hahatongavanao any aoriana" ("When Thou Art Converted," *Ensign* na *Liahona,* mey 2004, 11–12)

"Zavatra tsara ny fiainana feno fahamasinana. Ny tanjany sy ny fahatoniany dia 'toy ny hazo tena mahavanom-boa izay ambolena eo amin'ny tany tsara akaikin'ny riana madio, ka mamokatra voa sarobidy' (F&F 97:9). Zava-dehibe manokana ny hery mitarika entin' ny lehilahy na vehivavy izay manokana ny fiainany ho masina eo amin'ny hafa, indrindra fa ireo izay akaiky azy ireo sy tian'izy ireo indrindra. Ny fananan'ireo izay efa nandao antsika sy ireo izay miaina eo anivontsika fiainana feno fahamasinana dia nanampy tamin'ny fametrahana ny fototra iorenan'ny fifaliantsika. Tahaka izany koa, hahazo hery avy amin'ny fiainanareo feno fahamasinana ireo taranaka ho avy ary hanaiky fa manan-trosa aminareo tokoa noho ny fananana ireo zavatra rehetra izay tena manan-danja. Enga anie isika mba hanokana ny tenantsika

ho zanakalahy sy zanakavavin' Andriamanitra, 'ka rehefa hiseho Izy, dia ho tahaka Azy isika, fa ho hitantsika izy tahaka ny maha-Izy Azy . . .' (Môrônia 7:48)" ("Fanehoan-kevitra momba ny Fanokanana ny Fiainana ho Masina," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2010, 19).

**Inona no fiantraikan'ny fieritreretantsika an'i Jesoa Kristy eo amin'ny safidy ataontsika?**

**Filoha Thomas S. Monson:** "Raha nandinika ny endrika samihafa fisehon'ny safidy aho, dia narindrako ho ao anatin'ny sehatra telo izany: voalohany, ny *zo* hisafidy; faharoa ny *andraikitra* mba hisafidy; ary fahatelo ny *vokatry* ny safidy. Antsoiko hoe ny dingana telon'ny safidy izy ireo.

"Horesahiko voalohany ny *zo* hisafidy. Feno fankasitrahana ny Ray any An-danitra be fitiavana aho amin'ny fanomezany antsika ny fahafahana misafidy, na ny zo hisafidy. Nilaza ny Filoha David O. McKay, Filoha fahasivin'ny Fiangonana hoe: 'Taorian'ny fanomezana ny fiainana dia ny zo hitantana izany fiainana izany no fanomezan' Andriamanitra lehibe indrindra nomena ny olombelona.'

". . . Ao anatin'ny toe-javatra izay misy antsika dia hanana *zo* hisafidy foana isika.

"Manaraka, miaraka amin'ny *zo* hisafidy dia eo ny *andraikitra* hisafidy. Tsy afaka ny tsy ho mpandray anjara isika. Fantatry ny Tompo izany ary fantatr'i Losifera koa. Raha mbola miaina eto an-tany isika dia tsy hamela velively ny fanantenany hahazo ny fanahintsika i Losifera sy ny tafiny.

"Ny Raintsika any An-danitra dia tsy nandefa antsika hanao ilay diantsika mandrakizay tsy nisy fanomezana fomba hahafahantsika mandray avy Aminy ny fitarihana masiny izay ilaina hahafahantsika miverina soa amantsara rehefa mifarana ny fiainana eto an-tany. Ny vavaka no tiako holazaina. Tiako horesahina koa ny bitsika avy amin'ilay feo tony sy malefaka rentsika tsirairay ary tsy ataoko ambanin-javatra ny soratra masina. . . .

"Manoloana antsika tsy tapaka ny fandraisana fanapahan-kevitra. Mba handraisana azy ireny amim-pahendrena dia mila fahasahiana isika—ilay fahasahiana hiteny tsia, ilay fahasahiana hiteny eny. Ny fanapahankevitra *raisintsika* no mamaritra ny hoavintsika.

"Mitalaho aminareo aho mba hanapakevitra eto ary izao ankehitriny izao, mba tsy hiala amin'ny lalana izay hitondra any amin'ny tanjontsika dia ny: fiainana mandrakizay miaraka amin'ny Raintsika any An-danitra . . . .

"Farany, . . . dia hiresaka mikasika ny *vokatry* ny safidy aho. Misy vokany daholo ny safidy rehetra ataontsika. Ny sasany dia mety misy ifandraisany kely na tsy misy ifandraisany amin'ny famonjena antsika mandrakizay ary

ny hafa kosa dia misy *ifandraisany* tanteraka amin'izany.

"Na akanjo maintso na manga no tafianao dia tsy mampiova zavatra izany rehefa mandeha eny ny fotoana. Saingy, ny fanapahan-kevitrao hanindry bokotra iray eo amin'ny solosainao izay hitondra anao any amin'ny pôrnôgrafia dia mety hampiova tanteraka ny fiainanao. Nanao dingana iray nialana tamin'ilay lalana mahitsy sy tsy mampidi-doza ianao. Raha toa misy namana manery anao hisotro toaka na handray zava-mahadomelina ary manaiky izany fanerena izany ianao, dia mandeha amin'ny lalana izay mety tsy azo hiverenana intsony ianao. . . . Aoka ny masontsika, ny fontsika ary ny fanapahan-kevitsika hifantoka amin'ny tanjona izay mitondra any amin'ny mandrakizay ary mendrika izay mety ho sarany tsy maintsy efaintsika na inona na inona fahafoizan-tena takina amintsika mba hahatratrarana izany. . . .

". . . Manana anjara fizokiana masina ianao. Ny fiainana mandrakizay any amin'ny fanjakan'ny Raintsika no tanjonao" ("Ny Dingana Telon'ny Safidy," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2010, 67–69).

## FANONTANIANA MIFONO LOHAHEVITRA 3

**Nahoana i Jesoa Kristy no hany lalana hahazoana famonjena?**

**Loholona Russell M. Nelson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:** "Ivon'ny drafitra mandrakizain' Andriamanitra ny asa nanirahana ny Zanany lahy, Jesoa Kristy. Tonga Izy mba hanavotra ny zanak' Andriamanitra. Noho ny Sorompanavotan'ny Tompo dia tena misy ny fitsanganana amin'ny maty (na ny tsy fahafatesana). Noho ny Sorompanavotana dia manana fahafahana hahazo ny fiainana mandrakizay ny rehetra izay ho mendrika izany. Nanazava i Jesoa hoe:

" 'Izaho no fananganana ny maty sy ny fiainana; izay mino Ahy, na dia maty aza, dia ho velona indray:

" 'Ary izay rehetra velona ka mino Ahy dia tsy ho faty mandrakizay."

"Noho ny Sorompanavotan'ny Tompo sy ny fanomezany ny fitsanganana amin'ny maty—noho ity hafatra tena lehibe mikasika ny Paska ity—dia isaorana Andriamanitra!" ("Isaorana Andriamanitra," *Ensign* na *Liahona,* mey 2012, 78).

**Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:** "Tsy fantatro hoe iza . . . no mety mila mihaino ity hafatry ny famelan-keloka ity . . . , saingy na dia tara tahaka ny ahoana aza no fiheveranao ny tenanao, na dia betsaka tahaka ny inona aza ireo tombontsoa izay heverinao fa navotsotrao, na betsaka toy ny inona aza ny fahadisoana izay tsapanao fa efa vitanao, na dia firy aza ireo

talenta izay heverinao fa tsy ananananao, na dia lavitra toy ny inona aza ny dia nataonao izay tsapanao fa nanalaviranao ny tokantrano na ny fianakaviana na nanalaviranao an' Andriamanitra dia mijoro ho vavolombelona aminao aho fa *tsy* nanalavitra loatra ianao ka hoe tsy ho takatry ny fitiavan' Andriamanitra. Tsy misy izany hoe milentika lalina loatra ianao ka tsy ho tratran'ny hazavana tsy manam-pahataperan'ny Sorompanavotan'i Kristy.

"Noho izany raha efa nanao fanekempihavanana ianareo dia tandremo izany. Raha tsy mbola nanao fanekempihavanana ianareo dia manaova. Raha nanao fanekempihavanana ianareo nefa tsy nanaja an'izany dia mibebaha ary areno izany. Tsy misy *mihitsy* izany hoe tara loatra izany raha toa ka mbola miteny ny Tompon'ny tanimboaloboka hoe mbola misy ny fotoana. Mba henoy ny bitsiky ny Fanahy Masina izay milaza aminareo amin'izao fotoana izao mihitsy hoe tokony hanaiky ny sorompanavotana nomen'i Jesoa Kristy Tompo ianareo ary hankafy ny fiarahana miasa Aminy. Aza ahemotra izany fa efa mihatara" ("Ireo Mpiasa ao amin'ny Tanimboaloboka," *Ensign* na *Liahona,* mey 2012, 33).

**Loholona D. Todd Christofferson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:** "Ny Mpaminany Joseph Smith dia nanamafy ny anjara asa lehiben'ny Mpamonjy ao amin'ny fotopampianarantsika ao anatin'ny fehezanteny manan-danja iray: 'Ireo fitsipika fototry ny finoantsika dia ny fijoroan'ireo Apôstôly sy mpaminany ho vavolombelona mikasika an'i Jesoa Kristy hoe, maty Izy dia nalevina ary nitsangana tamin'ny maty ny andro fahatelo, dia niakatra any an-danitra ary ireo zavatra hafa mikasika ny finoantsika dia mifampiankina amin'izany fotsiny.' Ny fijoroan'i Joseph Smith ho vavolombelona mikasika an'i Jesoa dia hoe velona Izy, 'satria hita[ny] izy, [t]eo ankavanan' Andriamanitra ary re[ny] ny feo manambara fa Izy no Zanaka Lahitokan'ny Ray" (F&F 76:23; jereo koa ny andininy 22). Miantso ny rehetra izay maheno na mamaky ity hafatra ity aho mba hikatsaka amin'ny alalan'ny vavaka sy ny fandalinana soratra masina izany fijoroana ho vavolombelona momba ilay toetra maha-Andriamanitra an'i Jesoa Kristy izany sy momba ny Sorompanavotany ary ny Fitsanganany tamin'ny maty. Ekeo ny fotopampianarany amin'ny alalan'ny fibebahana, ny fanaovana batisa ary ny fandraisana ny fanomezana ny Fanahy Masina ary amin'ny alalan'ny fanajana ireo lalàna sy fanekempihavanan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy mandritra ny fiainanareo.

". . . Zaraiko ny fijoroako ho vavolombelona manokana fa i Jesoa avy any Nazareta dia Zanak' Andriamanitra, ilay Mesia marina tao anatin'ny faminaniana fahiny. Izy ilay Kristy nijaly tao Getsemane, izay maty teo

4

amin'ny hazofijaliana, dia nalevina ary nitsangana tamin'ny maty tokoa tamin'ny andro fahatelo. Izy ilay Tompo nitsangana tamin'ny maty ary amin'ny alalany no hitsanganantsika rehetra amin'ny maty sy hahafahan'ireo izay vonona, hahazo fanavotana sy fisandratana any amin'ilay fanjakany any an-danitra. Izany no fotopampianarantsika izay manamafy ireo testamenta rehetra tany aloha mikasika an'i Jesoa Kristy ary ambara indray amin'izao androntsika izao" ("Ny Fotopampianaran'i Kristy," *Ensign* na *Liahona,* mey 2012, 89).

**Inona no anjara asan'ny sorona nataon'i Jesoa Kristy ho ahy eo amin'ny drafitra lehiben'ny fahasambarana—ny drafitry ny famonjena?**

**Filoha Boyd K. Packer, Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:** "Efa takatsika tany am-piandohana fa tsy ho afaka ny ho tonga lafatra isika eto amin'ny fiainana an-tany. Tsy nantenaina tamintsika ny hoe hiaina ka tsy handika lalàna sasantsasany. . . .

"Fantatsika avy ao amin'ny Voahangy Lafo Vidy fa 'tsy misy zavatra tsy madio afaka mitoetra [ao amin'ny fanjakan' Andriamanitra],' ary noho izany dia nisy fomba iray nomena an'ireo rehetra izay manota mba hibebaka sy ho lasa mendrika ny ho eo anatrehan'ny Raintsika any An-danitra indray.

"Nisy ny fisafidianana Mpanalalana sy Mpamonjy iray izay hanana fiainana tonga lafatra sy tsy hanota ary hanolotra "ny tenany ho sorona noho ny fahotana mba hanefana ny fitakian'ny lalàna ho an'ireo rehetra izay manana fo torotoro sy fanahy manenina; ary tsy ho azo efaina amin'olon-kafa afa-tsy Aminy ny fitakian'ny lalàna.'

"Mianatra mikasika ny maha-zava-dehibe ny Sorompanavotana isika ao amin'i Almà, "Fa ilaina ny hanaovana sorompanavotana; . . . fa raha tsy izany dia tsy azo ihodivirana ny tsy maintsy hahafaty ny olombelona rehetra.'

"Raha tsy nanao hadisoana ianao, dia tsy mila ny Sorompanavotana. Raha nanao hadisoana ianao, isika rehetra dia nanao izany, na kely izany na lehibe, dia tena mila mitady mafy ny fomba hamafana azy ireo ianao mba tsy hijanonanao ao amin'ny haizina intsony.

" 'I [Jesoa Kristy] no fahazavana sy fiainan'izao tontolo izao.' Rehefa mampifantoka ny saintsika Aminy sy amin'ny fampianarany isika dia hotarihina any amin'ny toeram-piantsonan'ny fiarovana ara-panahy.

"Manambara an'izao ny fanekem-pinoana fahatelo, 'Mino isika fa noho ny Sorompanavotana nataon'i Kristy, dia azo vonjena ny olombelona rehetra amin'ny fankatoavana ireo lalàna sy ôrdônansin'ny filazantsara" ("Ny Sorompanavotana," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2012, 76–77).

## FANONTANIANA MIFONO LOHAHEVITRA 4

**Inona no dikan'ny hoe mitondra ny Anarany eo amiko? (jereo ny F&F 20:77).**

**Loholona M. Russell Ballard ao amin'ny Kôlejin'ny Roambinifololahy:** "Ny Mpanjaka Benjamina tamin'ny andron'ny Bokin'i Môrmôna dia nampianatra ny vahoakany manao hoe:

" 'Mba tiako ny hitondranareo eo aminareo ny anaran'i Kristy, dia ianareo rehetra izay efa nanao fanekempihavanana tamin' Andriamanitra fa ho mpankatò mandra-pahatapitry ny ainareo. . . .

" 'Ary mba tiako ny hahatsiarovanareo koa fa izany no anarana izay nolazaiko fa homeko anareo, izay tsy hovonoina mandrakizay raha tsy noho ny fandikan-dalàna; noho izany dia mitandrema mba tsy handikanareo lalàna, mba tsy ho voavono ao am-ponareo ilay anarana' (Môsià 5:8, 11).

"Mitondra ny anaran' i Kristy eo amintsika isika ao anatin' ny ranon' ny batisa. Manavao ny fanekena tamin'izany batisa izany isan-kerinandro isika rehefa mandray ny fanasan' ny Tompo sy maneho ny fahavonontantsika hitondra ny anarany ary mampanantena fa hahatsiaro Azy mandrakariva (jereo ny F&F 20:77, 79).

"Moa ve isika mahatsapa fa tena voatahy tokoa noho ny fitondrantsika eo amintsika ny anaran'ilay Zanaka malala sy Lahitokan' Andriamanitra? Moa ve takatsika ny lanjan'izany? Ny anaran'ny Mpamonjy no hany anarana eto ambanin'ny lanitra izay ahafahan'ny olona ho voavonjy (jereo ny 2 Nefia 31: 21) ("Ny Maha-zava-dehibe ny Anarana," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2011, 79).

**Inona no fiantraikan'ny fitondrako ny Anarany eo amin'ny maha-izy ahy?**

**Loholona Clayton M. Christensen, Fitopololahin'ny Vondrom-paritra teo aloha:** "Ny sasany aminareo izay mahafantatra ny Oniversiten'i Oxford dia mety mahalala fa izany no oniversite tranainy indrindra eto amin'izao tontolo izao. Ilay trano nipetrahako fony aho mpianatra dia naorina tamin'ny 1410—mahasarika ny maso ny hatsarany ary mampahazo aina ny mipetraka ao anatiny. Tsapako rehefa tonga tany Oxford aho fa ho sarotra ny hahafahana ho mpikamban'ny Fiangonana mavitrika. Ny Rhodes Scholarship Trust izay nanome ahy ny vatsim-pianaranako dia nanome asa atao maro ho an'ireo izay mahazo ilay vatsim-pianarana.

"Rehefa nandinika ireo zavatra tiako handraisana anjara ao am-piangonana aho dia nahatsapa fa tsy nahafantatra aho hoe marina ny Bokin'i Môrmôna. Efa namaky imbetsaka izany aho saingy nangatahan'olona mba hataoko izany matetika —nangatahin'ny ray aman-dreniko na ny mpampianatra iray tao amin'ny Oniversiten'i Brigham Young. Sainy nila nahafantatra mafy aho tamin'izay fotoana izay raha toa ka marina ny Bokin'i Môrmôna. Noho izany dia nanapa-kevitra aho fa hanolo-tena hamaky ny Bokin'i Môrmôna manomboka amin'ny 11 ka

hatramin’ny 12 alina mba hahafantarana raha marina izany.

“Nanontany tena aho raha toa ka sahy handany fotoana betsaka toy izany noho izaho manaraka fandaharam-pianarana mitaky zavatra maro tsy maintsy atao tamin’ny fianarana économétrie appliquée. Nikasa ny hamita ilay fandaharam-pianarana ao anatin’ny roa taona aho raha telo taona no hamitan’ny ankamaroan’ny olona izany. Tsy fantatro raha toa aho ka afaka ny hanokana adiny iray isan’andro hanatanterahana izany.

“Na dia izany aza dia nataoko izany. Natomboko tamin’ny 11:00 alina tamin’ny alalan’ny vavaka amim-pandohalihana teny akaikin’ny famanàna trano kely teo amin’ilay rindrina vato izany ary nivavaka tamin’ny feo mafy aho. Nolazaiko tamin’ Andriamanitra fa mitady mafy ny hahafantatra aho raha toa ka tena marina ny Bokin’i Môrmôna. Nolazaiko Taminy fa raha toa ka ampahafantariny ahy fa marina izany dia hikasa ny hanokana ny fiainako amin’ny fanorenana ny fanjakany aho. Nolazaiko Taminy fa raha tsy marina izany dia mila fantatro tsara koa izany satria dia hanokana ny fiainako hitady izay marina aho.

“Novakiko ny pejy voalohan’ny Bokin’i Môrmôna. Nijanona aho rehefa tonga teny amin’ny farany ambanin’ilay pejy. Nieritreritra ny zavatra novakiko tao amin’io pejy io aho ary nanontany tena hoe: ‘Mety ho mpamitaka nikasa hamitaka olona ve no nanoratra ity sa mpaminanin’ Andriamanitra no tena nanoratra an’ity? Ary inona no fiantraikan’izany teo amin’ny fiainako?’ Dia napetrako ilay boky dia nandohalika nivavaka aho ary nangataka indray tamin’ Andriamanitra hoe: ‘Mba lazao ahy raha toa ka marina ity boky ity.’ Dia nipetraka teo amin’ny seza aho ary nalaiko ilay boky dia navadiko ny pejy, dia novakiko izany, dia nijanona teny amin’ny farany ambany aho ary nanao ilay zavatra nataoko teo aloha. Adiny iray isaky ny alina izay nifanesy no nanaovako izany tao anatin’ilay efitrano mangatsiaka sy mando tao Oxford.

“Indray alina rehefa tonga tany amin’ireo toko tany amin’ny faran’ny 2 Nefia aho dia nivavaka, nipetraka teo amin’ny sezako ary nanokatra ilay boky. Tampoka teo dia nisy Fanahy tsara sy nanafana ary nitondra fitiavana tonga tao amin’izany efitra izany, izay nanodidina ahy sy nameno ny fanahiko ka nofonosiny tao anatin’ny fahatsapana fitiavana ny tenako izay zavatra tsy noeritreretiko hoe ho tsapako. Nanomboka nitomany aho. Rehefa namaky tao anatin’ny ranomaso ireo teny tao anatin’ny Bokin’i Môrmôna aho dia afaka nahita fahamarinana tao anatin’ireo teny ireo izay tsy noeritreretiko velively hoe ho takatro. Afaka nahita ireo voninahitry ny mandrakizay aho ary afaka nahita ny zavatra nomanin’ Andriamanitra ho ahy amin’ny maha-zanany ahy. Nitoetra niaraka tamiko izany Fanahy izany tao anatin’ilay ora iray manontolo ary isaky ny alina rehefa nivavaka sy namaky ny Bokin’i Môrmôna tao amin’ny efitranoko aho. Niverina foana izany Fanahy izany ary nanova ny foko sy ny fiainako mandrakizay.

"Mamerina ato an-tsaiko ilay fisafotofotoan-tsaina niainako aho, nanontany tena raha toa ka afaka manokana adiny iray isan'andro ankoatra ny fianarako économétrie appliquée mba hahafantarana raha toa ka marina ny Bokin'i Môrmôna. Indray mandeha isan-taona angamba no ampiasako ny économétrie appliquée, saingy ampiasaiko imbetsaka isan'andro eo amin'ny fiainako kosa ny fahalalako fa tenin' Andriamanitra ny Bokin'i Môrmôna. Tao anatin'ireo fianarana rehetra norantoviko hatramin'izay dia io no singam-pahalalana tokana tena nanampy azoko hatramin'izay.

"Ho anareo izay mety mbola miantehitra amin'ny fijoroana ho vavolombelona ananan'ny hafa, dia manasa anareo aho mba hanokana adiny iray isan'andro ka hamantatra amin'ny alalan'ny tenanareo manokana raha toa ka marina ny Bokin'i Môrmôna, satria hanova ny fonareo tahaka ny nanovany ny ahy izany. Dia indray andro ho afaka handeha any amin'ilay toerana nipetrahanareo ianareo tamin'ny fotoana nanambaran' Andriamanitra izany taminareo ary hampiseho izany ny zanakareo sy ny vadinareo ka hilaza hoe: 'Toerana masina ity satria teto no nahafantarako fa i Jesoa no Kristy' " ("The Most Useful Piece of Knowledge," *Liahona,* jan. 2009, 22–24).

4

**Fanamarihana:**



4

# TOROLALANA MOMBA ILAY FAMPISEHOANA AN-TSEHATRA

- Ny talentanao na ny zavatra alaina tahaka aseho an-tsehatra dia tsy maintsy mifanaraka amin'ny fenitry ny Fiangonana sy ny RTM.
- Izay fitafiana kasainao ho ampiasaina mandritra ny fampisehoana ataonareo *dia tsy maintsy* hanaovana mandritra ny famerenana.
- Tsy tokony hisy resaka soratra masina na fampisehoana mifandray amin'ny ara-panahy ao anatin'ny fampisehoana an-tsehatra.
- Tsy maintsy madio ary mifanaraka amin'ny tokony ho izy ny votoatin'ny hira sy ny hevitra fonosiny.
- Ny hira izay mifono hevitra ratsy ny tonony dia tsy azo ampiasaina (na dia ovaina aza ny tonony na tsy ampiasaina mihitsy).
- Tokony mampiala voly sy madio ary manome hery ny tonony.
- Tsy maintsy maotina ny fitafiana. Ny short sy ny zipo dia tsy tokony hanara-batana ary tsy maintsy manarona ny lohalika. Tsy maintsy manarona ny faritry ny vatana araka ny tokony ho izy ny maillot fanaovana fampisehoana, tsy tokony hiseho ny kibo. Tsy maintsy manao akanjo ambony. Tsy mahazo manao akanjo fitondra matory.
- Tsy azo ampiasaina eny an-tsehatra ny sakafo na ranon-javatra ka tafiditra ao anatin'izany ny dentifrice.



# FAMPAHEREZAM-PANAHY ATAON'NY MPIVADY MPITA-RIKA FIVORIANA

**Fanamarihana:**

4

# TOROHEVITRA MOMBA NY FIJOROANA HO VAVOLOMBELONA

Avy amin'ny Lara Mayo Bangerter, "Testimony Tips," *New Era* ôkt. 1993, 34–35

## Ny zavatra tokony sy tsy tokony hatao mikasika ny fijoroana ho vavolombelona

### TOKONY HATAO

- Lazao izay fantatrao momba ny filazantsara.
- Lazao ny mikasika ireo zavatra izay ezahanao mba hahazoana fijoroana ho vavolombelona.
- Mivavaha mba hahazo fanohanana sy fanamafisana ilay fijoroana ho vavolombelona ananao alohan'ny hizarana izany.
- Raiso ho toy ny zavatra atao amim-pahamatorana sy amin-kitsimpo ny fizaranao ny fijoroana ho vavolombelona anananao. Tsy tokony hisy fiantraikany aminao ny faneriterena ataon'ny hafa.
- Ataovy fohy sy mazava ny fijoroanao ho vavolombelona.



### TSY TOKONY HATAO

- Aza mitantara tantara lava be na momba anao izany na momba ny hafa. Raha manana tantara mahafinaritra ianao dia mety tena tsara ny hitazonana izany ho an'ny fotoana manaraka hangatahana anao mba hanao lahateny.
- Aza mitantara antsipirian-javatra momba ny fahotana natao taloha na fitondrantena ratsy.
- Aza maka fotoana be loatra. Mety mba miandry ny anjarany ny hafa.
- Aza miresaka mikasika ny namana sy ny fianakaviana fotsiny. Fotoana iresahana mikasika ny zavatra fantatrao momba an'i Jesoa Kristy sy ny filazantsarany ny fivoriana fijoroana ho vavolombelona.
- Aza menatra raha toa miontam-po ianao.
- Aza mitsikera ny fijoroana ho vavolombelona ananan'ny hafa—mianatra daholo isika rehetra. Ankoatra izany, dia tsy ho afaka ny hahatsapa ny Fanahy ianao raha toa ka mifantoka amin'ny lafy ratsiny.

**Raha toa ianao ka te hijoro ho vavolombelona nefa tsy mahafantatra tsara ny zavatra tokony holazaina dia diniho ireto fahamarinana manaraka ireto izay mety azonao ijoroana ho vavolombelona:**

- Velona Andriamanitra ary tia ahy Izy.
- Mpamonjy ahy i Jesoa Kristy ary maty ho ahy (jereo ny 1 Jaona 4:14–15).
- Afaka miara-miaina indray amin'i Kristy aho amin'ny alalan'ny Sorompanavotany raha toa ka manaraka ny didin' Andriamanitra.
- Nantsoin' Andriamanitra ho mpaminany amin'izao androntsika izao i Joseph Smith.
- Naverina teto an-tany tamin'ny alalan'i Joseph ny Fiangonan'i Kristy.
- Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany no "hany fiangonana marina sy velona eto ambonin'ny tany manontolo" (F&F 1:30).
- Tarihin'ny mpaminanin' Andriamanitra izay mandray fanambarana ho antsika amin'izao fotoana izao ny Fiangonantsika.
- Tenin' Andriamanitra ny Bokin'i Môrmôna.

Tsarovy fa tokony hifantoka amin'ny Raintsika any An-danitra sy ny Zanany Jesoa Kristy ary ireo fahamarinan'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny ny fijoroantsika ho vavolombelona (jereo ny taratasin'ny Fiadidiana Voalohany, Feb. 14, 2013).



4

# NY FIJOROANA HO VAVOLOMBELONA ANANAKO MOMBA NY FILAZANTSARA

**Makà iray na roa minitra hisaintsainana ny zavatra tsapanao sy hanoratana ny zavatra fantatrao fa marina.**


# FISAINTSAINANA SY JERY TODIKA

Hivory hanatanteraka ny fisaintsainana sy jery todika ny vondron'ny mpano-lotsaina anao isan-kariva. Hanana fahafahana hisaintsaina sy hizara ny zavatra nianaranao sy tsapanao nandritra ny andro iray manontolo ianao.
Mba hiomanana amin'ny fandraisana anjara amin'ny fisaintsainana sy jery todika dia mety hanampy anao ny fieritreretana ireto fanontaniana ireto:

- Inona no zavatra nitranga androany izay nanentana ny fanahinao?
- Inona no zavatra nianaranao androany?
- Inona avy ireo lesona hotsaroanao rehefa mody ianao?
- Tamin'ny fotoana inona no nahatsapanao ny Fanahy Masina androany?


Ataovy izay hiraketanao an-tsoratra ny eritreritrao sy ny zavatra tsapanao avy tamin'ilay fifanakalozan-kevitra.




## Zavatra enti-mody

Zarao amin'ny fianakavianao ny zavatra nianaranao androany rehefa mody ianao. Ho an'ny zatovovavy, afaka manampy anareo hanatanteraka ny fakana traikefa mikasika ny finoana, laharana fahatelo ao amin'ny Mon Progrès Personnel ity (p.15). Ho an'ny zatovolahy, afaka manampy anareo hanatanteraka ny drafitrareo ao amin'ny fizarana misy ny fahatakarana ny fotopampianarana ao amin'ny Mon Devoir envers Dieu ity (p. 42–44 or 66–68).




# ANDRO 5

Fampaherezam-panahy vao maraina ataon'ny mpandray anjara . . . "00" (83)
Fandalinana ny Filazantsara . . . 84
Fivoriana maraina ataon'ny mpivady mpitarika fivoriana . . . 85
*Jeunes Soyez Forts* Fiaraha-mientana . . . 86
Asa fanompoana . . . 107
Zavatra enti-mody . . . 110
Fisaintsainana sy jery todika ataon'ny andiany . . . 111



5

# FAMPAHEREZAM-PANAHY VAO MARAINA ATAON'NY MPANDRAY ANJARA

**Raha toa ianao ka angatahina mba hitarika ny fampaherezam-panahy vao maraina, dia ataovy izao manaraka izao:**

1. Mifidiana hira iray ao amin'ny fihirana hiarahan'ny vondrona mihira.
2. Manasà olona iray hafa ao anatin'ny vondrona mba hanolotra vavaka.
3. Mizarà vatsim-panahy fohy. Ohatra, azonao atao ny
   - mizarà soratra masina iray tena tianao,
   - hazavao ny antony maha-manan-danja izany aminao,
   - mizarà zavatra niainana fohifohy izay mifandray amin'ilay soratra masina, ary
   - mijoroa ho vavolombelona momba ireo fahamarinana hita ao anatin'ilay soratra masina.

   Raha mila fanampiana ianao eo amin'ny fifidianana vatsim-panahy dia mangataha sosokevitra any amin'ny mpanolotsaina anao.
4. Omeo ny mpanolotsaina ny fotoana mba hanaovany filazana isan'andro.

# FANDALINANA NY FILAZANTSARA

## Mangataha dia hahazo ianareo

### FIFANAKALOZAN-KEVITRA ATAON'NY VONDRONA

Vakio ny 1 Nefia 11:1; 2 Nefia 4:15–16; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:19; ary Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:11, dia tadiavo ny fomba nanampian'ny fisaintsainana an'i Nefia sy i Joseph Smith ary i Joseph F. Smith. Inona no dikan'ny hoe misaintsaina ny soratra masina? Nahoana no zavadehibe ny manokana fotoana hisaintsainana rehefa mandalina ianao?

Ny fametrahana fanontaniana mikasika ny andininy iray dia afaka manampy anao hisaintsaina ny dikany. Ohatra ao amin'ny Apokalypsy 3:20 dia azonao saintsainina ny fanontaniana toy ny hoe "Mety maneho inona ilay varavarana?" Hafiriana Izy no nandondona? Ahoana no fomba hanokafako ny varavarana? Inona no dikan'ny hoe 'hiara-hisakafo' amiko ny Mpamonjy?"

Ireto misy fanontaniana hafa izay azonao apetraka rehefa mamaky soratra masina ianao:

- Inona ny hafatry ny Ray any An-danitra  ho ahy ao anatin'ity andininy ity?
- Ho toy ny inona no zavatra tsapako raha teo aho tamin'izany fotoana izany?
- Ahoana no fomba hizarako izany amin'ny hafa?
- Inona no zavatra tsapako fa tokony hataoko?

### FANDALINANA MANOKANA

Mamakia andian-tsoratra masina izay nofidianao (na afaka manampy anao hahita anankiray ny mpanolotsaina anao). Eo am-pamakiana dia mifidiana andininy vitsivitsy ary mieritrereta fanontaniana izay manampy anao hahatakatra bebe kokoa ireo andininy ireo.

### MIARAHA MIZARA

Zarao amin'ny vondrona misy anao ny zavatra nianaranao nandritra ny fandalinanao manokana. Ahoana no fomba hampiharanao io fitsipika io ao anatin'ny fandalinanao ny filazantsara amin'ny manaraka?

5

# FIVORIANA MARAINA ATAON'NY MPIVADY MPITA-RIKA FIVORIANA

**Fanamarihana:**



# FIARA-MIENTANA *JEUNES SOYEZ FORTS* ASA ATAO

Moa ve mila mampianatra lesona iray ianao na manao lahateny mandritra ny fivoriana fanasan'ny Tompo? Efa mba naniry ny hianatra bebe kokoa mikasika ireo fitsipika ao amin'ny *Jeunes Soyez Forts ve ianao hatrizay?* Ireto pejy manaraka ireto dia ahitana torolalana mikasika ny lesona izay azonao halalinina mba hiomanana raha homena fahafahana hampianatra sy mba ho fampivoarana ny tenanao manokana.

Mamporisika anao izahay mba hanoratra ny eritreritrao mandritra ireo fotoampianarana kely ataon'ny mpanolotsaina ary hamaky manokana ireo lesona hafa. Ny fanaovana izany sy ny fitandremana ireo fitsipika ireo dia hanamafy orina ny finoanao ny filazantsara.

*"Nametrahan'ny Raintsika any An-danitra fitokiana lehibe ianao. Manana asa mba hataonao izy. Katsaho ombam-bavaka ny fitarihany ary makà hevitra any amin'ny ray aman-dreninao sy ny mpitarika anao. Ny fanapahan-kevitra raisinao amin'izao fotoana izao dia hamaritra ny ankamaroan'ny zavatra hitranga any aoriana mandritra ny fiainanao eto antany sy any amin'ny mandrakizay.*

*"Mijoro ho vavolombelona izahay fa velona Andriamanitra." Mivavaka mafy izahay mba hitoetra ho mahatoky sy ho be herimpo ianareo mandritra ny fiananareo ary hatoky ny Mpamonjy sy ny fampanantenany. Rehefa manao izany ianareo dia ho hery mitarika amin'ny tsara ao anatin'ny fitondrana fanampiana amin'ny fanorenana ny fanjakan' Andriamanitra sy fanomanana izao tontolo izao amin'ny Fiaviana Fanindroan'ny Mpamonjy."*

**Fiadidiana Voalohany, ao amin'ny *Jeunes Soyez Forts,* iii.**

**Ny fiaraha-mientana ao anatin'ny RTM dia natao mba hanamafisana ny zavatra efa ianaranao sy ataonao any antrano sy any amin'ny Kôlejin'ny Fisoronana Aharôna na ny kilasin'ny Zatovovavy. Tadiavo ao anatin'ny boky RTM ampiasainao ireto sary kely famantarana etsy ambany ireto—afaka manampy anao hieritreritra fomba ahafahana mampiditra ireo asa atao sy fitsipika ao anatin'ny RTM any ivelan'ny RTM izy ireo. Afaka manatanteraka sy mizara ny iray amin'ireo drafitrao ao amin'ny Devoir envers Dieu na ny iray amin'ireo traikefanao avy ao amin'ny Mon Progrès Personnel mandritra ny fotoana ianaranao sy ialanao voly ao amin'ny RTM ianao!**



5

# Fitsipika: **Fahafahana misafidy sy ny maha-tompon'andraikitra**

***Jeunes Soyez Forts, 2–3***

## SORATRA MASINA




## ILAINA

2 Nefia 2:27
Josoa 24:15

## TENY NOTSONGAINA

"Ny fampiharana ny fahafahana misafidy ao anatin'ny toe-javatra iray izay matetika ahitana fanoherana sy olana no mahatonga ny fiainana hifono zavatra manan-danja bebe kokoa fa tsy toy ny zavatra tsotra tsy mitaky fampiasana saina akory. Liana amin'izay ahatongavantsika vokatry ny safidy nataontsika Andriamanitra. Tsy afa-po izy raha toa ny fampiasantsika ny safim-pitondrantenantsika ka toy ny ezaka ataotao fotsiny mba hanajana fitsipika sasantsasany. Tian'ny Mpamonjy mba ho lasa manana ny maha-izy azy isika fa tsy hanao zavatra sasantsasany fotsiny. Miezaka ny manao izay hananantsika tanjaka tsy iankinana amin'ny hafa izy—manana fahafahana bebe kokoa hahavita zavatra ho an'ny tenantsika noho ireo taranaka teo aloha angamba" (D. Todd Christofferson, "Moral Agency," *Ensign,* jona 2009, 53).

## FANONTANIANA FOTOTRA

Inona no fitahiana azonao teo amin'ny fiainana rehefa nanao safidy izay fantatrao fa tsara ianao na nisoroka safidy izay fantatrao fa ratsy?

## TOROHEVITRA ENTI-MAMPIHATRA

Ampiasao ny Mon Progrès Personnel na ny Devoir envers Dieu mba hianarana bebe kokoa momba ny fahafahana misafidy sy ny maha-tompon'andraikitra.

Ho an'ny zatovovavy dia jereo ny fakana traikefa laharana fahatelo mikasika ny safidy sy ny maha-tompon'andraikitra.

Ho an'ny zatovolahy, jereo ny *Accomplir mon Devoir envers Dieu,* 42–44 na 66–68.

## IREO LOHARANO HAFA

Thomas S. Monson, "Ireo dingana telon'ny safidy," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2010, 67–70

Robert D. Hales, "To Act for Ourselves: The Gift and Blessings of Agency," *Ensign* na *Liahona,* mey 2006, 4–8

Horonantsary: "Dare to Stand Alone," ao amin'ny lds.org/youth

# Fenitra: **Fampiarahana**

***Jeunes Soyez Forts,* 4–5**




## SORATRA MASINA ILAINA

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:40

1 Korintiana 11:11

## TENY NOTSONGAINA

"Moa ve ianao mitady fahaiza-manao sy fiarovana ao anatin'ny fampiarahana sy ny fiainam-pitiavana ary ao anatin'ny fiainam-panambadiana ary mandrakizay? Aoka ianao ho mpianatra marin'i Jesoa. Aoka ianao ho Olomasin'ny Andro Farany marina sy manolo-tena ary Olomasin'ny Andro Farany amin'ny teny sy amin'ny fihetsika. Minoa fa ny finoanao dia misy ifandraisany amin'ny fiainam-pitiavana satria tena izay tokoa no izy. Toy ny mampananontanon-doza ihany ny fanasarahanao ny fampiarahana amin'ny maha-mpianatra. I Jesoa Kristy ihany, ilay Fahazavan'izao tontolo izao no hany jiro ahafahanao mahita amim-pahombiazana ilay lalan'ny fitiavana sy ny fifaliana. Ahoana no fomba tokony hitiavako anao? Toy ny nitiavany, satria io fomba io dia tsy 'levona mandrakizay'" (Jeffrey R. Holland, "How Do I Love Thee?" *New Era,* ôkt. 2003, 8).

## FANONTANIANA FOTOTRA

Moa ve efa niaina zavatra ianao izay nahatonga anao ho feno fankasitrahana tamin'ireo fitsipiky ny fampiarahana hita ao amin'ny *Jeunes Soyez Forts?*

Nahoana isika no tsy tokony hampiaraka raha tsy feno 16 taona? Ahoana no nahafahanao nizara ireo fitsipiky ny fampiarahana tamin'olona iray izay nangataka ny hampiaraka aminao talohan'ny nahafeno 16 taona anao?

## TOROHEVITRA ENTI-MAMPIHATRA

Tanisao ao anatin'ny bokin'ny mpandray anjaranao ireo "lalàn'ny fampiarahana" izay hanampy anao hanaja ireo fitsipika izay tianao harahina. Ohatra, afaka mametraka lalàna ianao mba ho tonga any an-trano foana amin'ny ora voafaritra iray, midera ny zavatra nataon'ilay olona miaraka aminao indroa farafahakeliny, na mihaona foana amin'ny ray aman-dreni'ilay olona ampiarahanao alohan'ny iarahana aminy.

## IREO LOHARANO HAFA

Gordon B. Hinckley, "A Prophet's Counsel and Prayer for Youth," *Liahona,* apr. 2001, 30–41

Boyd K. Packer, "You're in the Driver's Seat," *Liahona,* jona 2004, 26–31

Horonantsary: "A Brand New Year 2010: Dating," ao amin'ny lds.org/youth

5

# Fenitra: **Fitafiana sy bika aman'endrika**

***Jeunes Soyez Forts, 6–8***




## SORATRA MASINA ILAINA

Almà 1:27

1 Korintiana 6:19–20

## TENY NOTSONGAINA

"Ny fahamaotinana dia ilaina mba hahadiovana ara-pitondrantena eo amin'ny eritreritra sy eo amin'ny atao. Noho izany dia ivon'ny toetrantsika ny fahamaotinana satria mitarika ny eritreritsika sy ny fitondrantenantsika ary ny fanapahan-kevitsika izany. Mifono zavatra bebe kokoa noho ny hoe manarona ny vatantsika fotsiny ny akanjontsika. Ahitana taratra izany hoe iza isika ary te ho inona isika eto antany sy any amin'ny mandrakizay izay ho avy" (Robert D. Hales, "Modesty: Reverence for the Lord," *Liahona,* aog. 2008, 19).

## FANONTANIANA FOTOTRA

Nahoana araka ny eritreritrao no tena mihanaka tokoa ny fitafiana tsy maotina eo amin'ny fiaraha-monina misy antsika?

Ahoana no ahafahanao mamporisika ny hafa mba hanaraka fitsipika ambony kokoa mikasika ny fomba fitafy sy ny bika aman'endrika?

## TOROHEVITRA ENTI-MAMPIHATRA

Soraty ao anatin'ny bokin'ny mpandray anjaranao ny valin'ity fanontaniana manaraka ity: "Nahoana no manan-danja ho ahy ny fahamaotinana?" Manorata tanjona iray voafaritra tsara izay hanampy anao hitandrina araka ny tokony ho izy ny fitafiana sy ny bika aman'endrika. Mety ho arianao ka tsy hanaovanao intsony ny akanjo sasantsasany, na mampiasa ny *torolalana ao anatin'ny Jeunes Soyez Forts* rehefa miantsena, na manamboatra araka ny tokony ho izy ny volonao.

## IREO LOHARANO HAFA

Jeffrey R. Holland, "To Young Women," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2005, 28–30

Silvia H. Allred, "Modesty: A Timeless Principle for All," *Ensign* na *Liahona,* jolay 2009, 28–32

Horonantsary: "True Confidence," ao amin'ny lds.org/youth

# Fenitra: **Fianarana**

***Jeunes Soyez Forts,* 9–10**




## SORATA MASINA ILAINA

Ohabolana 4:13

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:118

## TENY NOTSONGAINA

"Tokony handranto fianarana faran'izay vitanao ianao. Lasa tena sarotra sy anjakan'ny fifaninana ny fiainana. tsy afaka ny hieritreritra ianareo hoe hisy zavatra hatolotra anareo fotsiny. Handrasana avy aminareo ny fanaovana ezaka lehibe sy ny fampiasana ny talenta tsara indrindra anananareo mba handrosoanareo mankany amin'ilay hoavy tena mamirapiratra izay ho tratranareo. Afoizo ny fiara; afoizo izay zavatra tokony hafoy mba hahamendrika anareo hanao ny asan'izao tontolo izao. . . .

"Tian'ny Tompo ianareo hampiasa ny sainareo sy ny tananareo mba ho lasa mpitarika amin'ny tsara rehefa mandroso hatrany eo amin'ny fiainanareo. Ary rehefa manao izany ianareo sy miasa amim-pahamendrehana sy amin'ny fomba tena tsara dia hanome voninahitra ny Fiangonana ianareo satria horaisina ho toy ny lehilahy na vehivavy masina sy mahavita ary manaja ny fahaiza-manaony" (Gordon B. Hinckley, "Seek Learning," *New Era,* sept. 2007, 2–4).

## FANONTANIANA FOTOTRA

Inona avy ireo fitahiana azo avy amin'ny fianarana?

Nahoana araka ny eritreritrao no tena zava-dehibe ho an'ny Tompo ny fandrantoantsika fianarana?

## TOROHEVITRA ENTI-MAMPIHATRA

Manaova tanjona izay hitarika anao havitrika bebe kokoa handranto fianarana ara-panahy sy laika.

Ho an'ny zatovolahy, jereo ny *Accomplir mon Devoir envers Dieu* 55–59.

Ho an'ny zatovovavy, jereo ny tetikasa atao mikasika ny hasin'ny fahalalana, hevitra faharoa.

## IREO LOHARANO HAFA

Henry B. Eyring, "Real-Life Education," *New Era,* apr. 2009, 2–8

Boyd K. Packer, "To Be Learned Is Good If . . . ," *Ensign,* nôv. 1992, 71–73

Horonantsary: "The Glory of God Is Intelligence," ao amin'ny lds.org/youth

# Fenitra: **Fialamboly sy haino aman-jery**

### ***Jeunes Soyez Forts,* 11–13**




## SORATRA MASINA ILAINA

Môrônia 7:16

Amosa 5:14

## TENY NOTSONGAINA

"Aza misalasala mivoaka ao amin'ny fijerena sarimihetsika na mamono fahitalavitra na manova onjam-peo amin'ny radiô raha toa ka tsy mifanaraka amin'ny fenitra napetraky ny Rainao any An-danitra ny miseho na mitranga eo. Raha tsorina dia hoe rehefa misy fanontaniana mikasika ny sarimihetsika na boky na karazana fialamboly hafa izay mampisalasala anao dia aza mijery, aza mamaky, aza mandray anjara amin'izany" (Thomas S. Monson, "Mitondra fitahiana ny fiomanana," *Ensign* na *Liahona,* mey 2010, 65–66).

## FANONTANIANA FOTOTRA

Nahoana araka ny eritreritrao no tena manimba ny fandraisana anjara amin'ny haino aman-jery sy fialamboly izay "manova ny ratsy hiendrika zavatra tsara, na mampihomehy na mampifalifaly"? (*Jeunes Soyez Forts,* 11).

Inona no fitahiana azonao teo amin'ny fiainanao manokana vokatry ny fisafidiananao fialamboly mahasoa?

## TOROHEVITRA ENTI-MAMPIHATRA

Raha manana finday ianao dia eritrereto hoe amin'ny fotoana inona ary isaky ny inona ianao no mampiasa azy. Misy fotoana ve mahavarimbariana anao amin'ny findainao ka manakana anao tsy hifantoka any amin'izay tokony hifantohanao (ohatra, ny fiangonana, ny fotoana ifampizarana, ny seminera, na ireo fiaraha-mientan'ny fianakaviana)? Manolora tena hanaraka ireo fomba tsara ampiasana ny telefaonina ary rehefa tsy mahavarimbariana ny tenanao sy ny hafa ny findainao vao ampiasao.

## IREO LOHARANO HAFA

Gordon B. Hinckley, "An Ensign to the Nations, a Light to the World," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2003, 82–85

M. Russell Ballard, "Let Our Voices Be Heard," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2003, 16–19

Horonantsary: "To Look Upon," ao amin'ny lds.org/youth

# Fenitra: **Fianakaviana**

***Jeunes Soyez Forts,* 14–15**

## SORATRA MASINA ILAINA




3 Nefia 18:21
Efesiana 6:1–2, 4

## TENY NOTSONGAINA

"Tsy hoe tena zava-dehibe ho an'ny fiarahamonina sy ny Fiangonana fotsiny ny vondron'ny fianakaviana fa ho an'ny fanantenantsika hahazo ny fiainana mandrakizay koa. . . . Azontsika atomboka dieny izao ny 'fampivelarana ireo fitsipika natao mba hihazonana sy hanamafisana orina ny fianakaviana ireo.' Manantena aho fa hanao izany isika. Mivavaka aho mba hanontany isika hoe: 'Ray ô! ahoana no ahafahako miomana?' Lazao azy fa tena tadiavinao tokoa ny zavatra iriany homena anao. Hisy fahatsapan-javatra ho azonao ary raha mandray andraikitra eo anatrehan'izany ianao dia mampanantena anao aho fa hahazo fanampiana avy amin'ireo herin'ny lanitra ianao" (Henry B. Eyring, "The Family," *Liahona,* ôkt. 1998, 23).

## FANONTANIANA FOTOTRA

Makà iray minitra hamakiana ny fizarana momba ny "Fianakaviana" ao amin'ny *Jeunes Soyez Forts.* Inona no zavatra tena manaitra anao? Nahoana?

Inona avy ireo zavatra sasany izay nataonao na hitanao nataon'ny olona hafa ao amin'ny fianakaviana mba hitondra fifaliana bebe kokoa ao amin'ny tokantranonao?

## TOROHEVITRA ENTI-MAMPIHATRA

Mieritrereta fomba vitsivitsy ahafahanao mitondra fifaliana bebe kokoa eo amin'ny fiainam-pianakavianao. Manorata tanjona iray farafahakeliny mba hitondrana fifaliana ao amin'ny fianakavianao ka ataovy izay azonao atao rehetra mba hanatanterahana izany.

Ho an'ny zatovolahy, jereo ny *Accomplir mon Devoir envers Dieu,* 79–83.

Ho an'ny zatovovavy, jereo ny fakana traikefa laharana fahatelo mikasika ny hasin'ny tena manokana fahatelo.

## IREO LOHARANO HAFA

"Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'Izao Tontolo Izao," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2010, 129

Richard J. Maynes, "Fanorenana tokantrano mifantoka amin'i Kristy," *Ensign* na *Liahona,* mey 2011, 37–39

Horonantsary: "Through Small Things," ao amin'ny lds.org/youth

5

# Fenitra: **Namana**

## ***Jeunes Soyez Forts,* 16–17**

## SORATRA MASINA




## ILAINA

Ohabolana 27:17

Lioka 22:32

## TENY NOTSONGAINA

“Ny finamanana marina dia manampy amin’ny fanomezana lanjany ny fiainana. Vatofantsiky ny finoana izany. Mifototra amin’ny fitiavana madion’i Kristy izany ka ahitana fiarovana sy fahatokiana eo amin’olon-droa izay ‘mahery kokoa noho ny famatoran’ny fahafatesana’ (jereo ny F&F 121:43–44) satria mihoatra ambony dia ambony an’ity fiainana eto an-tany ity izany.” . . .

“Io finamanana marina io dia miezaka ny hampisy firaisana eo amin’ny tanjona, fahavononana, faniriana ary firaisan’ny fo sy saina. Tokony fahatokiana sy fangaraharana tanteraka no hita, ka tsy misy zavamiafina. Mihoatra lavitra an’ilay fitiavana araka ny fahatakaran’izao tontolo izao azy ny finamanana marina. Mifototra amin’ny fitiavana izany ary maharitra sy malemy fanahy. . . .

“Ny tanjontsika eto an-tany dia ny hanorina izany karazana finamanana izany eo amintsika samy isika ary eo amintsika sy ny Mpamonjy ka noho izany dia manampy amin’ny fiarovana ny toerantsika miaraka amin’ny Ray any An-danitra ” (Lynn A. Mickelsen, “True Friendship and Self-Respect,” *Ensign,* jona 2006, 30, 33).

## FANONTANIANA FOTOTRA

Efa niaina toe-javatra iray ve ianao izay nahitana ny fakan’olona iray anao ho namana? Inona no zavatra tsapanao mikasika izany olona izany? Moa ve ianao mieritreritra fa misy fiantraikany eo amin’ilay karazana olona hahatongavanao ny namana?

## TOROHEVITRA ENTI-MAMPIHATRA

Valio ao anatin’ny boky torolalanao ity fanontaniana ity: “Inona ireo fomba sasantsasany ahafahako ho namana tsara kokoa ho an’ireo olona eo amin’ny fiainako?”

Ho an’ny zatovolahy, jereo ny *Accomplir mon Devoir envers Dieu,* 79–83.

Ho an’ny zatovovavy, jereo ny fakana traikefa laharana fahatelo momba ny fahafoizan-tena.

## IREO LOHARANO HAFA

Henry B. Eyring, “True Friends,” *Liahona* jolay 2002, 29–32

Kathleen H. Hughes, “What Greater Goodness Can We Know: Christlike Friends,” *Ensign* na *Liahona,* mey 2005, 74–76

Horonantsary: “Dare to Stand Alone,” ao amin’ny lds.org/youth

# Fenitra: **Fankasitrahana**

## ***Jeunes Soyez Forts,* 18**




## SORATRA MASINA ILAINA

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19: 16–18; 59:7, 21

Almà 34:38

## TENY NOTSONGAINA

“Afaka mampitraka ny tenantsika sy ireo hafa koa isika, rehefa mandà tsy hitoetra ao amin’ny fisainan-dratsy ary mikolokolo ao am-pontsika ny fanahin’ny fanehoam-pankasitrahana. Raha toa ka isan’ny ota goavana ny tsy fanehoam-pankasitrahana dia manana ny anjara toerany amin’ireo toetra manan-danja indrindra izany ny fankasitrahana. . . .

“Ny fo feno fankasitrahana raha izany dia avy amin’ny fanehoana fankasitrahana ny Raintsika any An-danitra noho ireo fitahiany sy fankasitrahana ireo izay manodidina antsika noho ireo zavatra entin’izy ireo eo amin’ny fiainantsika. Mitaky ezaka amim-piniavana izany—farafahakeliny mandrapahatonga antsika hahay sy hikolokolo tsara izany toetry ny fankasitrahana izany. Matetika isika no mahatsapa ho feno fankasitrahana ary *maniry ny* haneho izany fisaorana izany kanefa manadino ny manao izany na tsy mety mahavita izany fotsiny. Nilaza ny olona iray fa ‘ny fananana fahatsapana te-haneho fankasitrahana nefa tsy manao izany dia toy ny mamono fanomezana iray nefa tsy manome izany.’ [William Arthur Ward.]” (Thomas S. Monson, “Ny fanomezana masin’ny fankasitrahana,” *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2010, 88–89).

## FANONTANIANA FOTOTRA

Ahoana no ahafahantsika “mampiseho fankasitrahana amin’ny fomba tsara indrindra amin’ny Tompo amin’ny alalan’ny fomba fiaina[ntsika]”? (*Jeunes Soyez Forts,* 18).

Moa ve misy olona eo amin’ny fiainanao izay tsapanao fa tokony hanehoana fankasitrahana bebe kokoa? Inona avy ireo fomba sasantsasany azonao atao mba hanehoanao ny fankasitrahanao azy ireo?

## TOROHEVITRA ENTI-MAMPIHATRA

Aty aoriana, rehefa irery ianao dia manaova vavaka izay anehoanao fotsiny fankasitrahana ny Ray any An-danitra fa tsy angatahana fitahiana.

## IREO LOHARANO HAFA

Thomas S. Monson, “An Attitude of Gratitude,” *Liahona,* mey 2000, 2–9


Robert D. Hales, “Gratitude for the Goodness of God,” *Ensign,* mey 1992, 63–65


Horonantsary: “Consider the Blessings” ao amin’ny lds.org/youth


5

# Fenitra: **Fahamarinan-toetra sy fahamasinana**

## *Jeunes Soyez Forts,* 19








### SORATRA MASINA ILAINA

Almà 53:20

Joba 27:5

### TENY NOTSONGAINA

"Mila fantatsika rehetra ny dikan'ny hoe marin-toetra. Mifono zavatra bebe kokoa noho ny hoe tsy mandainga ny fahamarinan-toetra. Filazana ny marina sy fitenenana ny marina ary fiainana ny marina sy fitiavana ny marina izany" (James E. Faust, "Honesty—a Moral Compass," *Ensign* nôv. 1996, 41).

### FANONTANIANA FOTOTRA

Inona avy ireo fitahiana avy amin'ny fahamarinan-toetra voatanisa ao amin'ny *Jeunes Soyez Forts?*

Nahoana araka ny eritreritrao no maro ireo olona miezaka ny manome rariny ny tsy fahamarinan-toetra?

Inona no zava-baovao mahasoa entin'ny fahamarinan-toetra eo amin'ny tokantrano sy ny fiarahamonina?

### TOROHEVITRA ENTI-MAMPIHATRA

Valio ao anatin'ny boky torolalanao ity fanontaniana ity: "Inona no zavatra azoko atao mba ho marin-toetra kokoa eo amin'ny fiainako manokana?"

Ho an'ny zatovovavy, jereo ny fakana traikefa laharana faharoa mikasika ny fahamasinan-toetra.

Ho an'ny zatovolahy, jereo ny *Accomplir mon Devoir envers Dieu,* 64–65.

### IREO LOHARANO HAFA

James E. Faust, "Honesty—a Moral Compass," *Ensign,* nôv. 1996, 41–44

David A. Bednar, "Be Honest," *New Era,* ôkt. 2005, 4–9

Ann M. Dibb, "Mino isika fa tokony ho marina, ho mahatoky" *Ensign* na *Liahona,* mey 2011, 115–18

Horonantsary: "Honesty: You Better Believe It!" ao amin'ny lds.org/youth

# Fenitra: **Fiteny**

***Jeunes Soyez Forts,* 20–21**




## SORATRA MASINA ILAINA

Lioka 6:45

Môsià 4:30

## TENY NOTSONGAINA

“Mampiasà fiteny izay manamafy orina sy manome hery ireo manodidina anao. Tsy ankasitrahan’ny Tompo ny fiteny manimbazimba, mirefarefa amin’ny tany na kivalavala na vazivazy maloto. Aza mampiasa ny anaran’ Andriamanitra na ny anaran’i Jesoa Kristy amin’ny zavatra tsy misy dikany” (Thomas S. Monson, “Mitondra fitahiana ny fiomanana,” *Ensign* na *Liahona,* mey 2010, 65).

## FANONTANIANA FOTOTRA

Nahoana araka ny eritreritrao no manambara zavatra betsaka momba antsika ny fitenintsika?

Ahoana no ahafahantsika amin’ny fomba tsy manafintohina mamporisika ny manodidina antsika mba hampiasa fiteny madio?

## TOROHEVITRA ENTI-MAMPIHATRA

Ampanaovy fanamby ny tenanao mba hanao izay hampadio foana ny fiteninao ary amporisiho ny hafa mba hanao torak’izany koa. Aoka ianao ho ohatra eo amin’ny fiteny madio sy manome hery.

Ho an’ny zatovovavy jereo ny fakana traikefa laharana faharoa mikasika ny fahamasinan-toetra.

Ho an’ny zatovolahy, jereo ny *Accomplir mon Devoir envers Dieu,* 64–65.

## IREO LOHARANO HAFA

L. Tom Perry, “Thy Speech Reveals Thee,” *Ensign* na *Liahona,* jolay 2007, 30–33

Dallin H. Oaks, “Reverent and Clean,” *Ensign,* mey 1986, 49–52

Horonantsary: “No Cussing Club,” ao amin’ny lds.org/youth

5

# Fenitra: **Hira sy fandihizana**

***Jeunes Soyez Forts,* 22–23**




## SORATRA MASINA ILAINA

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 136:28

Isaia 5:20

## TENY NOTSONGAINA

"Afaka manampy anao hanakaiky kokoa ny Rainao any An-danitra ny hira. Azo ampiasaina mba hampianatra, hanazava ny saina amam-panahy, hanentana ny fanahy ary hampiray hina izany. Kanefa mety hanimba ny fahatsapantsika ny zavatra ara-panahy ny hira amin'ny alalan'ny firindrany, ny paikam-peonkirany, ny hamafiny ary ny tonony. Tsy tokony hameno ny sainao amin'ny hira tsy mendrika ianao. Afaka ny hahafinaritra sy hanome fahafahana hihaonana amin'ny olona vaovao sy hanamafisana ny finamanana ny fandihizana. Manapaha hevitra hanatrika fotoam-pandihizana izay mifanaraka amin'ny tontolo ahafahan'ny Fanahin'ny Tompo manatrika ao ny fitafiana, ny haingo, ny jiro, ny fomba fandihy ary ny tononkira sy ny mozika hita ao" (Thomas S. Monson, "The Lighthouse of the Lord," *Ensign,* nôv. 1990, 98).

## FANONTANIANA FOTOTRA

Moa ve ianao efa nahatsikaritra ny fahasamihafana eo amin'ny zavatra tsapanao izay miankina amin'ny hira henoinao?

Inona avy ireo zavatra azonao atao mba hakana antoka fa ny hira izay henoinao sy ny fandihizana atrehanao dia mifanaraka amin'ny fitsipika arahinao?

## TOROHEVITRA ENTI-MAMPIHATRA

Afaka mandray anjara amin'ny dihy na fampisehoana an-kira ny zatovovavy ka ampidirina ao anatin'ny fakana traikefa laharana fahadimy mikasika ny lanjan'ny tena manokana izany.

Ny zatovolahy dia afaka mampiasa ireo fitsipika ao amin'ny *Jeunes Soyez Forts,* mba hanombantombanana ny hira henoin'izy ireo araka ny sosokevitra atolotra ao amin'ny *Accomplir mon Devoir envers Dieu,* 41.

## IREO LOHARANO HAFA

Boyd K. Packer, "Worthy Music, Worthy Thoughts," *Ensign* na *Liahona,* apr. 2008, 30–35

Dallin H. Oaks, "Worship through Music," *Ensign,* nôv. 1994, 9–12

Marcos A. Aidukaitis, "Caught in a Cumbuca," *Ensign* na *Liahona,* mar. 2010, 48–51

Horonantsary: "Where Music Leads," ao amin'ny lds.org/youth

# Fenitra: **Fahasalamana ara-batana sy ara-pihetsehampo**

### *Jeunes Soyez Forts,* 25–27




## SORATRA MASINA ILAINA

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:18–19; 89:18–19

## TENY NOTSONGAINA

"Tsy mampanantena anao fahasalamana tanteraka akory ny Tenin'ny Fahendrena fa mampianatra anao kosa ny fomba hihazonana ny toetran'ilay vatana niara-teraka taminao ho tena tsara ary hihazonana ny sainao ho mora mahafantatra bitsika ara-panahy izay saro-pantarina. . . .

"Azo antoka fa nomena ny Tenin'ny Fahendrena mba hahafahanao mihazona ilay ampahany amin'ny toetranao izay malefaka, mora tohina, sy masina mba ho mora taitra. Mianara 'mihaino' ny zavatra tsapanao. Hotarihina sy hampitandremana ary hampianarina sy hotahiana ianao" (Boyd K. Packer, "The Word of Wisdom: The Principle and the Promises," *Ensign,* mey 1996, 18–19).

## FANONTANIANA FOTOTRA

Vakio ny andinin-tsoratra voalohany ao amin'ny pejy 25 ao amin'ny *Jeunes Soyez Forts.* Toroina hevitra mba hanao inona isika mikasika ny fahasalamantsika ara-batana? Inona avy ireo fitahiana ampanantenaina antsika raha manao izany isika?

Nahoana araka ny eritreritrao no mifamatotra amin'ny fahasalamantsika ara-batana sy ara-pihetsehampo ny fahasalamantsika ara-panahy?

Inona avy ireo fitahiana hitanao teo amin'ny fiainanao vokatry ny tsy fandraisanao zavatra manimba?

## HEVITRA ENTI-MAMPIANATRA

Manorata tanjona iray farafahakeliny ao amin'ny boky torolalanao mba hanatsarana ny fahasalamanao ara-batana sy ara-pihetsehampo.

Ho an'ny zatovovavy, jereo ny tetikasa mikasika ny fahalalana, hevitra fahatelo.

Ho an'ny zatovolahy, jereo ny *Accomplir mon Devoir envers Dieu,* 85, 88.

## IREO LOHARANO HAFA

Boyd K. Packer, "The Word of Wisdom: The Principle and the Promises," *Ensign,* mey 1996, 17–19

Russell M. Nelson, "We Are Children of God," *Liahona,* jan. 1999, 101–4

Horonantsary: "A Brand New Year 2010: Physical Health," ao amin'ny lds.org/youth

5

# Fenitra: **Fibebahana**

## *Jeunes Soyez Forts, 28–29*




### SORATRA MASINA ILAINA

Môrônia 6:8

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:16–18

### TENY NOTSONGAINA

"Raha voafatotry ny fahazaran-dratsy na ny fiankinan-doha izay tsy mendrika ianao dia tsy maintsy mampitsahatra ny fitondrantena izay manimba. Ny anjely no hanoro anao ny zavatra rehetra izay tokony hataonao ary ny mpitarika ao amin'ny fisoronana no hitarika anao mandritra ny fotoan-tsarotra.

"Tsy misy zavatra hafa maneho ny falehibeazana sy ny hatsaran'ny famindrampon' Andriamanitra mihoatra noho ny fibebahana. Moa ve takatrao ny hery manadio lehibe indrindran'ny Sorompanavotana izay nataon'ny Zanak' Andriamanitra, Mpamonjy antsika, Mpanavotra antsika? . . . Tao anatin'izany asam-pitiavana lehibe indrindra izany no nanefan'ny Mpamonjy ny saran'ny sazy ho an'ny fahotantsika mba tsy hanefantsika izany.

"Ho an'ireo izay tena maniry izany, dia *misy* ny lalana miverina. Ny fibebahana dia toy ny savony. Na dia ny loton'ny ota aza dia ho voafafany" (Boyd K. Packer, "Fanadiovana ny atin'ny vazy," *Liahona,* nôv. 2010, 76).

### FANONTANIANA FOTOTRA

Inona no zavatra tian'i Satana hinoantsika momba ny fibebahana? Inona no marina mikasika ny fibebahana?

Inona avy ireo fitahiana nampanantenaina an'ireo izay mibebaka?

### TOROHEVITRA ENTI-MAMPIHATRA

Mianara bebe kokoa momba ny herin'ny Sorompanavotana amin'ny alalan'ny fandalinana lohahevitra ao anatin'ny soratra masina. Raketo an-tsoratra ao amin'ny diarinao ny zavatra nianaranao.

Ho an'ny zatovovavy, jereo ny fakana traikefa mikasika ny hatsaran-toetra, laharana fahefatra.

Ho an'ny zatovolahy, jereo ny *Accomplir mon Devoir envers Dieu,* 64–65.

### IREO LOHARANO HAFA

Richard G. Scott, "Finding Forgiveness," *Ensign,* mey 1995, 75–77

David A. Bednar, "Clean Hands and a Pure Heart," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2007, 80–83

Craig A. Cardon, "Manam-piniavana hamela heloka ny Mpamonjy," *Ensign* na *Liahona,* mey 2013, 15–18

Horonantsary: "Not a One-Time Thing," ao amin'ny lds.org/youth

# Fenitra: **Fanajana ny Andro Sabata**

***Jeunes Soyez Forts,* 30–31**




## SORATRA MASINA ILAINA

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:9–10

Lioka 6:9

Eksodosy 31:13, 16–17

## TENY NOTSONGAINA

"Ny tanora mpihazona fisoronana manerana ny tany dia manao izay mahamendrika azy ireo mba hampiasa ny herin'ny fisoronana amin'ny alalan'ny fitandremana amim-pahazotoana ny didin' Andriamanitra sy amin'ny fiainana ny fenitry ny filazantsara. Rehefa mitandrina ny tanan'izy ireo sy ny fon'izy ireo ho madio ireo zatovolahy ireo dia manomana sy manamasina ary mizara ny fanasan'ny Tompo amin'ny fomban'ny Mpamonjy. . . .

"Rehefa mandray amim-pahamendrehana ny fanasan'ny Tompo isika, dia mijoro ho vavolombelona fa vonona ny hitondra ny anaran'ny Mpamonjy sy hitandrina ny didiny ary *hahatsiaro* Azy mandrakariva, mba hananantsika ny Fanahiny miaraka amintsika. Amin'izany fomba izany no hanavaozantsika ny fanekempihavanantsika tamin'ny batisa" (L. Tom Perry, "Ny Sabata sy ny Fanasan'ny Tompo," *Ensign* na *Liahona,* mey 2011, 7–8).

## FANONTANIANA FOTOTRA

Araka ny *Jeunes Soyez Forts,* dia inona avy ireo karazan-javatra azo atao amin'ny andro Sabata?

Ahoana no fomba ahafahanao manazava ny antony hihazonanao ny andro Sabata ho masina amin'ireo izay tsy miaina izany fitsipika izany?

Inona avy ireo zavatra efa nataonao tao amin'ny fianakavianao mba hihazonana ny Sabata ho masina?

## HEVITRA ENTI-MAMPIANATRA

Afaka manao lesona momba ny Sabata mandritra ny takarivan'ny mpianakavy ny zatovovavy mba ho anisan'ny fakana traikefa mikasika ny finoana, laharana fahatelo.

Afaka mianatra momba ny maha-zavadehibe ny fanasan'ny Tompo ny zatovolahy ao amin'ny *Accomplir mon Devoir envers Dieu,* 48–49 na 72–73.

## IREO LOHARANO HAFA

James E. Faust, "The Lord's Day," *Ensign,* nôv. 1991, 33–35

Marcos A. Aidukaitis, "The Joy of Sabbath Day Observance," *Liahona,* jona 2012, 13–15

Horonantsary: "Blessings of the Sacrament," ao amin'ny lds.org/youth

5

# Fenitra: **Asa fanompoana**

***Jeunes Soyez Forts, 32–33***




## SORATRA MASINA ILAINA

Matio 7:12

Môsià 2:17

## TENY NOTSONGAINA

“Mino aho fa ny tian’ny Mpamonjy ho lazaina dia ny hoe raha tsy manokana fotoana hanompoana ny hafa isika dia tsy misy tanjona firy loatra ny fiainantsika. Ireo izay miasa ho an’ny tenany irery fotsiny dia hampihena ny tanjany ara-panahy, izany hoe hamoy ny ainy, fa ireo izay manokana ny fotoany hanompoana ny hafa kosa dia hitombo sy hiroborobo—ary dia hanavotra ny ainy” (Thomas S. Monson, “Inona no zavatra nataoko ho an’ny hafa androany?” *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2009, 85).

## FANONTANIANA FOTOTRA

Nahoana araka ny eritreritrao no “toetra manan-danja ananan’ny mpianatr’i Jesoa Kristy anankiray ny fanompoana ny hafa”? (*Jeunes Soyez Forts,* 32).

Ahoana no fomba nanompoan’ny hafa anao? Oviana no tena nanan-danja taminao ny asa fanompoana nasaina nataonao?

*Ny Jeunes Soyez Forts* dia milaza hoe, “Matetika dia amin’ny alalanao no hanomezan’ny Ray any An-danitra ny zavatra ilain’ny hafa” (p. 32). Inona no fahatsapana entin’izany eo aminao?

## TOROHEVITRA ENTI-MAMPIANATRA

Manaova asa fanompoana eo amin’ny fiainanao. Mieritrereta indrindra indrindra fomba ahafahana manompo tsara kokoa ny ray aman-dreninao dia tanteraho izany amin’ny alalan’ny fanompoana azy ireo rehefa mody ianao.

Ho an’ny zatovolahy, manorata hevitra mikasika ny asa fanompoana azonao atao ao amin’ny *Accomplir mon Devoir envers Dieu,* 50–51 or 74–75.

Ho an’ny zatovovavy, jereo ny fakana traikefa laharana voalohany na fahenina mikasika ny fahafoizan-tena.

## IREO LOHARANO HAFA

Thomas S. Monson, “The Service That Counts,” *Ensign* nôv. 1989, 45–47

Dallin H. Oaks, “Ny sorona,” *Ensign* na *Liahona,* mey 2012, 19–22

M. Russell Ballard, “Mahita fifaliana amin’ny alalan’ny asa fanompoana feno fitiavana,” *Ensign* na *Liahona,* mey 2011, 46–49

Horonantsary: “If We Forget Ourselves,” ao amin’ny lds.org/youth

# Fenitra: **Fahadiovana ara-pitondrantena**

***Jeunes Soyez Forts*, 35–37**




## SORATRA MASINA ILAINA

Matio 5:27–28

1 Korintiana 3:17

## TENY NOTSONGAINA

" *"Tsy maintsy miandry ianao raha mikasika ny firaisana ara-nofo eo amin'ny olombelona!* Tsy maintsy miandry ny fotoana ahafahanao manome ny zavatra rehetra ianao, ary tsy afaka manome ny zavatra rehetra ianao raha tsy efa vita fanambadiana ara-dalàna. . . . Raha mikiry ny hitady ny fahafinaretan'ny nofo ianao nefa tsy nahazo alalana avy any an-danitra dia mety hiharan'ilay loza mahatsiravin'ny fahasimban'ny fiainam-panahy sy ny saina ka mety *sady hanozongozona* ilay fanirianao hanana firaisana ara-nofo *sy* ilay fahafahanao hanolotra tanteraka fitiavana marina any aoriana izany. Mety hahita amin'ny fomba mahatsiravina ianao fa ny zavatra izay tokony notananao dia nampiasainao ary ny famindrampon' Andriamanitra ihany no afaka mamerina ilay. . . hatsarana izay navotsotrao tsotra izao. Ny fanomezana tsara indrindra azonao omena ilay vadinao mandrakizay amin'ny andro hanambadianao dia ny tsara indrindra avy aminao—madio ary mendrika ny hahazo ny fahadiovana tahaka izany koa" ("Personal Purity," Ensign, nôv. 1998, 76–77). *Liahona,* jan. 1999, 91).

## FANONTANIANA FOTOTRA

Nahoana araka ny eritrerirao no tena manan-danja tokoa amin'ny Tompo ny fahadiovana ara-pitondrantena?

Ahoana no ahafahanao manampy ny hafa hahatakatra ny antony tsy hanaovantsika firaisana ara-nofo mandra-pahatonga ny fanambadiana?

## TOROHEVITRA ENTI-MAMPIANATRA

Ampanaovy fanamby ny tenanao mba hitoetra hadio ara-pitondrantena sy tsy handray anjara amina vazivavy vetaveta na hijery na hihaino zavatra maloto.

Ho an'ny zatovovavy, jereo ny fakana traikefa mikasika ny hatsaran-toetra, laharana voalohany.

Ho an'ny zatovolahy, jereo ny *Accomplir mon Devoir envers Dieu,* 42–44 or 66–68.

## IREO LOHARANO HAFA

Boyd K. Packer, "Fanadiovana ny atin'ny vazy," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2010, 74–77

Jeffrey R. Holland, "Aza manome toerana intsony ho an'ny fahavalon'ny Fanahiko," *Ensign* na *Liahona,* mey 2010, 44–46

Horonantsary: "I Choose to Be Pure," ao amin'ny lds.org/youth

5

# Fenitra: **Fahafolonkarena sy fanatitra**

***Jeunes Soyez Forts,* 38–39**




## SORATRA MASINA ILAINA

Malakia 3:8, 10–11

Levitikosy 27:30

## TENY NOTSONGAINA

"Voalohany dia mitaky finoana ny fandoavana fahafolonkarena. Avy eo ny mpandoa fahafolonkarena dia hampivelatra finoana bebe kokoa hatrany amin'ny fahafantarana fa ny fahafalonkarena dia tombontsoa sarobidy. (Russell M. Nelson, "Hatreo ampinoana ny ho avy," *Ensign* na *Liahona,* mey 2011, 35).

## FANONTANIANA FOTOTRA

Inona no lazain'ny *Jeunes Soyez Forts* mikasika ny toetra tokony hananantsika momba ny fandoavana ny fahafolonkarenantsika? Inona no fitahiana ampanantenaina an'ireo izay manaraka ny torohevitra mba handoa "amim-pahavononana ny fahafalonkarena miaraka amin'ny fo feno fisaorana"? (*Jeunes Soyez Forts,* 38).

Nahoana araka ny eritreritrao no zava-dehibe ho an'ny Tompo ny fandoavantsika ny fahafolonkarenantsika sy ny fanatitra avy amin'ny fifadian-kanina atolotsika?

Inona no fitahiana hitanao teo amin'ny fiainanao manokana vokatry ny fankatoavana ny lalàn'ny fifadian-kanina sy ny fanomezana ny fanatitra avy amin'ny fifadian-kanina?

## TOROHEVITRA ENTI-MAMPIHATRA

Manaova tanjona mba handoa fahafolonkarena marina ary mijoroa ho vavolombelona amin'ny hafa mikasika ny zavatra niainanao noho ny fanaovana izany.

Ho an'ny zatovovavy, jereo ny fakana traikefa mikasika ny finoana, laharana fahatelo.

Ho an'ny zatovolahy, jereo ny *Accomplir mon Devoir envers Dieu,* 57.

## IREO LOHARANO HAFA

Robert D. Hales, "Tithing: A Test of Faith with Eternal Blessings," *Liahona,* nôv. 2002, 26–29

Carl B. Pratt, "Ireo fitahiana sarobidy indrindra avy amin'ny Tompo," *Ensign* na *Liahona,* mey 2011, 101–3

# Fenitra: **Asa sy fizakan-tena**

***Jeunes Soyez Forts,* 40–41**




## SORATRA MASINA ILAINA

2 Nefia 26:31

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:42

1 Timoty 5:8

## TENY NOTSONGAINA

"Raha toa isika ka miasa mafy, sy mitantana amim-pahendrena ny raharaha nampiandraiketana antsika ary miaina amim-pitsitsiana dia hampiroborobo antsika ao anatin'ny fampiasantsika izany fahalalana mitombo mba hampandroso ny asany masina izany isika" (James E. Faust, "This Is Our Day," *Liahona,* jolay 1999, 22).

"[Ireo mpampianatra mahomby dia nampiseho sy nampianatra ahy ny fomba hifehezako] tena mba hiasa mafy mihoatra ny eritreretiko ho vitako dieny mbola salama sy manana tanjaka.

"Tsy afaka ny ho mpanompo tonga lafatra isan'ora aho, kanefa afaka miezaka kosa aho manome bebe kokoa mihoatra izay heveriko fa vitako. Raha nizatra nanana izany fahazarana izany dieny mialoha aho dia ho voaomana amin'ny fiatrehana ny fitsapana ho avy" (Henry B. Eyring, "Fiomanana ao amin'ny fisoronana: 'Mila fanampianao aho,'" *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2011, 59).

## FANONTANIANA FOTOTRA

Inona no zavatra tsapanao rehefa avy nanatanteraka asa na andraikitra na tanjona mafy iray ianao? Inona no fiovana misy eo amin'ny fomba fijerinao ny fiainana?

## TOROHEVITRA ENTI-MAMPIHATRA

Ho an'ny zatovolahy, manaova tafa sy dinika amin'ireo misiônera nahavita ny asa fitoriany mikasika ny zavatra nianarany momba ny fiasana mafy nandritra ny asa fitoriana nataony (jereo koa ny *Accomplir mon Devoir envers Dieu,* 87).

Ho an'ny zatovovavy, jereo ireo hevitra mikasika ny tetikasa momba ny fahafoizan-tena.

## IREO LOHARANO HAFA

F. David Stanley, "The Principle of Work," *Ensign,* mey 1993, 44–45

*Torio ny Filazantsarako,* 137–54

Horonantsary: "A Work in Progress," ao amin'ny lds.org/youth

5

**Fanamarihana**



5

# ASA FANOMPOANA

Ny asa fanompoana atao ao amin'ny RTM dia manome fahafahana anao hampihatra ny zavatra nianaranao sy niainanao nandritra ny herinandro. Natao mba hanampy anao hanompo ny zanaky ny Ray any An-danitra izany.

Ity manaraka ity dia safidy iray mikasika ny asa fanompoana ataonao.

## Asa fitoriana

Nomena ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ianao. Ianaro izany. Tiavo izany. Iaino izany. Zarao izany!

> **"Manana asa anirahana antsika isika eto amin'izao tontolo izao: ny lehilahy tsirairay, ny vehivavy tsirairay, ny ankizy tsirairay izay efa manana fahatakaran-tsaina na tonga eo amin'ny taona maha-tompon'andraikitra dia. . .tokony ho mendrika ny hitory ny filazantsara sy hijoro ho vavolombelona momba ny fahamarinana" (Tenin'i Joseph F. Smith, nampiasaina tao amin'ny *Torio ny Filazantsarako,* 12).**

> **"Ho tonga fahazavana ho an'izao tontolo izao ianareo rehefa mizara ny fijoroanareo ho vavolombelona amin'ny hafa. Hisy fiantraikany amin'ny hafa ny fahazavan'i Kristy eo amin'ny fiainanareo. Hahita fomba mba hikasihan'izany fahazavana izany an'ireo izay tianao ny Tompo. Ary amin'ny alalan'ny fitambaran'ny finoana sy ny fijoroan'ireo zanany vavy [sy zanany lahy] ho vavolombelona, dia hikasika ny fiainan'ireo olona an-tapitrisany maro eo amin'ny fanjakany sy manerana an'izao tontolo izao amin'izany hazavany izany Andriamanitra" (Henry B. Eyring, "Fijoroana ho vavolombelona mitombo," *Ensign* na *Liahona,* mey 2011, 128).**

> **"Nianatra avy amin'ireo misiônera tao amin'ny foibe fanofanana misiônera mikasika ny zavatra mety ho tena nanampy azy ireo hiomana amin'ny asa fitoriany izahay. Naniry izy ireo ankoatra ny zavatra hafa rehetra raha toa mba:**
>
> - **Nianatra tsara kokoa ny fotopampianarana tamin'ny alalan'ny fandalinana soratra masina amim-pifantohana tsara.**
> - **Nianatra ny fomba fandalinana sy fivavahana amin-kitsimpo.**
> - **Nifehy tena kokoa ary niasa mafy kokoa.**
> - **Nahatakatra bebe kokoa ny zavatra andrasana amin'izy ireo.**
> - **Nanana fahafahana hampianatra bebe kokoa.**
> - **Ary nanao dinidinika hikarohan-javatra bebe kokoa niaraka tamin'ny eveka sy ny ray aman-dreny."**
>
> **(M. Russell Ballard, "One More," *Ensign* na *Liahona,* mey 2005, 69.)**

Mieritrereta olona fantatrao anankiray izay tianao hizarana ny finoanao sy ny fenitra iainanao, olona anankiray izay ho liana sy hahazo tombontsoa amin'ny hafatry ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara—ilay hany hafatra zaraintsika amin'izao tontolo izao.

Soraty ny anaran'ilay olona tonga ao an-tsaina.

---

Azonao ampiasaina ireto torohevitra manaraka ireto mba hizarana ny filazantsara amin'io olona io:

- Mifadia hanina, mivavaha ary araho ny Fanahy.
- Manehoa fitiavana ary manompoa. Aoka ianao ho tena namana sy ho ohatra tsara.
- Sokafy ny vavanao ary mizarà.
- Mampiasa fitaovana entina mitady olona toy ny karatra zaraina, Bokin'i Môrmôna, boky kely zaraina, DVD na CD.

Mandritra ny fiaraha-mientana momba ny asa fanompoana dia homena fitaovana samihafa ianao mba hanomanana anao hizara.



**Ireo teboka horesahako**

*"Ny Kaomity misahana ny Affaires Publiques (fifandraisana amin'ny any ivelany) izay anompoako dia nianatra fa tena ilaina tokoa ny fanomezana fanambarana mazava sy tsotra ho an'ireo izay liana mikasika ireo zavatra fototra momba ny Fiangonana amin'ny endriny ahitana azy amin'izao fotoana izao. Mamela ahy ianareo hizara ireo zavatra sasantsasany izay hitanay fa manampy. Afaka manomana ny lisitr'ireo teboka horesahanao ianao izay hanampy anao amin'ny fanazavana amin'ireo namanao sy ireo olom-pantatrao hafa finoana ny zavatra inoantsika. Mety hanampy anao toy ny nanampian'izany ahy ny manoratra eo amin'ny pejy iray ireo lafin-javatra vitsivitsy mikasika ny Fiangonana amin'ny endriny ahitana azy amin'izao fotoana izao mba homena azy ireo miaraka amin'ny tahadikan'ny Fanekem-pinoana.*

*"Ireto misy lohahevitra efatra izay hanampy olona iray amin'izao fotoana izao hanana fahatakarana tsotsotra mikasika ny Fiangonana. Misy fanambarana tsotra izay hitako fa manampy eo ambanin'ny tsirairay amin'ireo lohateny efatra. Andramo alaina sary an-tsaina hoe henoin'ny olona iray izay saika tsy mahafantatra na inona na inona momba antsika izany na vakiny izany. Ireo lohahevitra efatra lehibe ireo dia miresaka momba ny* zava-misy, finoana, fianakaviana *ary* ny vokatra nentin'ny *filazantsara naverina tamin'ny laoniny" (M. Russell Ballard, "Faith, Family, Facts, and Fruits,"* Ensign *na* Liahona, *nôv. 2007, 25).*

# ZAVATRA ENTI-MODY

*"Ny fifaliana sy ny fahasambarana dia tonga avy amin'ny fananana fiainana araka ny fomba tian'ny Tompo hiainantsika sy avy amin'ny fanompoana an' Andriamanitra sy ny hafa. . . .*

*"Manana lova ianao: Hajao izany.*

*"Hifanehatra amin'ny fahotana ianao: Alaviro izany.*

*"Manana ny fahamarinana ianao: Iaino izany.*

*"Manana fijoroana ho vavolombelona ianao: Zarao izany."*

**Thomas S. Monson, "The Lighthouse of the Lord," *Ensign*, nôv. 1990, 98–99**

Eritrereto ny herinandronao tany amin'ny RTM. Raketo an-tsoratra ireo zavatra niainanao izay tena manan-danja sy tsy hay hadinoina.

Ahoana no ahafahanao mitondra any an-trano ny fifaliana tsapanao tany amin'ny RTM? Inona no fiantraikan'ireo fiaraha-mientana natao tany amin'ny RTM eo amin'ny fiainanao? Ahoana no ahafahanao mampiasa ireo lohahevitry ny fampeherezam-panahy sy ny lesona nentin'ny mpanolotsaina any amin'ny takarivan'ny mpianakavy mba hizarana amin'ny fianakavianao ireo zavatra niainanao? Ahoana no fomba hanampian'ireo fanolorantena najainao nandritra ity herinandro ity anao mba "hanatona an'i Kristy" rehefa mody ianao?

Ireo fanolorantena kasaiko ho hajaina any an-trano:


# FISAINTSAINANA SY JERY TODIKA


Hiaraka hivory hanatanteraka ny fisaintsainana sy jery todika ny andiany misy anao. Hanana fahafahana hisaintsaina sy hizara ny zavatra nianaranao sy tsapanao nandritra ny andro iray manontolo ianao.

Mba hiomanana amin'ny fandraisana anjara amin'ny fisaintsainana sy jery todika dia mety hanampy anao ny fieritreretana ireto fanontaniana ireto:

- Inona no zavatra nitranga androany izay nanentana ny fanahinao?
- Inona no zavatra nianaranao androany?
- Inona avy ireo lesona hotsaroanao rehefa mody ianao?
- Tamin'ny fotoana inona no nahatsapanao ny Fanahy Masina androany?

Ataovy izay hiraketanao an-tsoratra ny eritreritrao sy ny zavatra tsapanao avy tamin'ilay fifanakalozan-kevitra.




## Zavatra enti-mody

Zarao amin'ny fianakavianao ny zavatra nianaranao androany rehefa mody ianao. Ho an'ny zatovovavy, afaka manampy anareo hanatanteraka ny fakana traikefa mikasika ny finoana, laharana fahatelo ao amin'ny Mon Progrès Personnel ity (p.15). Ho an'ny zatovolahy, afaka manampy anareo hanatanteraka ny drafitrareo ao amin'ny fizarana misy ny fahatakarana ny fotopampianarana ao amin'ny Mon Devoir envers Dieu ity (p. 42–44 na 66–68).

# HIRA



## Fanahin'ny Ray

(*Fihirana sy Hiran'ny Ankizy* lah. 56)

Fanahin'ny Ray mitarehin'afo;
Tonga ny lazan'ny andro farany.
Tafaverina 'reo fitahiana taloha
'Reo anjely tonga mamangy ny tany.

**Fiverenan-kira:**
Andao hihira, hidera, hihoby
Hôsana, hôsana, ho an'Ilay Ray.
Voninahitra ho Azy Irer'ihany,
Ho mandrakizay, Amena, eny amena.

Tafaverina eto an-tany indray,
Ny filazantsara nomen'ny Tompo.
Mitombo ny fahalalana ny heriny,
Misinda ny voaly nanarona teo.
**Fiverenan-kira**

Fihaonana masina ataontsika,
Hanely ny fanjakan'ny lanitra.
Vokatry ny finoana ho lovantsika
Ny fitahiana, ny voninahitra.
**Fiverenan-kira**

Endrey ny zanak'ondry sy ny liona,
Hiaraka honina, hifankatia.
Ary Efraima hifaly any Ziona
Raha ho avy ny Tompo, Jesoa Kristy.
**Fiverenan-kira**

## Ry Mpanavotra

(*Fihirana sy Hiran'ny Ankizy* lah. 9)

Ry Mpanavotra
Mampifaly anay,
Omeo fitahiana izahay.
Miaro anay
Andro sy alina,
Mpanavotra sy Mpanjanka.

Indro Izy fa
miantso ny ondry,
Ho entiny any Ziona,
Tsy hatahotra
Ho faty, ho very.
Satria miaraka Aminao.

Hafiriana no
naha mpanota anay.
Ka niantsoantso Anao.
Faly Satana
Fa ory isika;
Isiraely havotra.

Zanak'i Ziona
naheno vaovao.
Ny famantarana hita.
Tsy hatahotra,
Aoka ho marina.
Indro ny fanavotana.

## Misaotra Anao noho ny Mpaminany

(*Fihirana sy Hiran'ny Ankizy* lah. 72)

Misaotra 'nao noho ny mpaminany
Nomenao hitarik'anay.
Misaotra noho ny filazantsara
Manazava ny sainay.
Misaotra noho 'reo fitahiana
Natolotry ny tananao.
Mahafaly anay ny manompo,
Mitandrina ny didinao.

Raha maizina ny lalanay
Ka maloka ny fiainanay,
Misy azonay hantenaina
Akaiky ny famonjena.
Matoky ny Tompo izahay
Hatrizao sy rahatrizay.
Ny mpanohitra an'i Ziona,
Ho faizina mandrakizay.

Hiraina ny hatsarany,
Deraina tokoa Izy,
Faly noho ny filazantsara
Izay teny fiainana.
'Reo mendrika manam-pinoana
Tanteraka mandrakizay.
Ireo 'zay manohitra kosa,
Ho lavitra fifaliana.

## Vavaka voalohany nataon'i Joseph Smith

(*Fihirana sy Hiran'ny Ankizy* lah. 28)

Endrey kanto ny maraina!
Ny taramasoandro,
Velon-kira ny tontolo,
Faly tao an'ala tao.
Tao re no nahitany
An' Andriamanitra,
Tao re no nahitany
An' Andriamanitra.

E! Nandohalika izy
Ka nivavaka tokoa.
Kanjo ny herin'ny ratsy,
Toa nampihemotr'azy.
Izy anefa natoky Ilay
Ray any an-danitra,
Izy anefa natoky Ilay
Ray any an-danitra.

Tampoka indro fa nisy
Hazavana lehibe,
Andry afo nanazava,
Nanodidin'azy re.
Indro olon'ny lanitra
ny Ray sy ny Zanaka,
Indro olon'ny lanitra
ny Ray sy ny Zanaka.

"Indro, Zanako malala,
Henoy izay lazainy".
Ilay vavaka voavaly,
Nihaino ny Tompo izy.
Feno hafaliam-po fa
nahita maso ny Ray,
Feno hafaliam-po fa
nahita maso ny Ray,

## Dera ho an'ilay nandre an'i Jehovah

(*Fihirana sy Hiran'ny Ankizy* lah. 100)

Dera ho an'ilay nandre an'i Jehovah.
'Lay mpaminany voahosotr'i Jesoa.
Mba hiasa amin'izao faran'izao.
Ny tany rehetra hanaj'Azy tokoa.

**Fiverenan-kira:**
Derao ilay mpaminany niakatr'any an-danitra.
Very maina ny asan'ny ratsy fanahy.
Miara-miasa amin' Andriamanitra.
'Lay mpaminany ka tsisy ahiahy.

Dera ho an'ilay maty maritiora
Hankalazaina ny anarany.
Novonoina nohon'ny asany Izy.
Izay mbola mitohy hatrany.
**Fiverenan-kira**

Endrey ny fisoronany tsisy fetra.
Manana ny fanalahidy tokoa.
Handova lanitr'izy satria natoky.
Anovon'ireo mpaminany taloha.
**Fiverenan-kira**

Ny fahasoavana hirotsaka tokoa,
Vokatry ny fahafoizan-tenany.
Mifohaza ry tany ka mihavana.
Ho tsaroana hatrany 'lay mpaminany.
**Fiverenan-kira**

## Ndao ry Olomasina

(*Fihirana sy Hiran'ny Ankizy* lah. 4)

Ndao ry Olomasina mba hiasa;
Tohizo re ny dia.
Na sarotra aza re ny andronao,
Omeny soa, havotra.
Aoka re tsy hanahiahy,
Tohizo fa aza manahy.
Ho feno hafaliam-po,
Tsara re! Tsara re!

Nahoana no sarotra ny asa?
Toa, tsy marina.
Moa hanantena valin'asa ve,
Raha tsy miezaka?
Tafio ny rariny, herimpo,
Tsy handao antsika ny Tompo.
Ho voarakitra tokoa,
Tsara re! Tsara re!

Nomanin'ny Ray 'lay toerana,
Any andrefana.
Tsisy handratra, hatahorana,
Fa fitahiana.
Ho velon-kiram-piderana
An' Ilay Andriamanitra.
Venteso re ny hiranao,
Tsara re! Tsara re!

Raha ho faty an-dalana re,
'Zany no Andro soa.
Afaka ny enta-mavesatra,
Hiaraka ho any.
Raha mbola velon'aina,
Hifankahita, tody soa.
Ny hira no kaloina,
Tsara re! Tsara re!

## Fototra Mafy Orina

(*Fihirana sy Hiran'ny Ankizy* lah. 12)

Fototra mafy orina ny finoanao,
Raha tenin'ny Tompo no hijoroanao.
Lazainy hatrany izay ho anao.
Amin'ny Mpamonjy, amin'ny Mpamonjy,
Amin'ny Mpamonjy, fialofana.

Na finaritra na marary ianao,
Na mitombo harena na ory koa.
Na mandeha lavitra na ao an-trano.

Ny Tompo manampy, ny Tompo manampy,
Ny Tompo manampy anao hatrany.

Aza kivy na matahotra ianao,
'Zaho Andriamanitra manampy anao.
'Zaho hampatanjaka sy hampitraka.
Hijoro ianao, hijoro ianao,
Hijoro ianao, eo anatrehako.

## Mila Anao aho

(*Fihirana sy Hiran'ny Ankizy* lah. 23)

Mila Anao aho
Ry Tompo be fitia;
Ny feonao izay,
Mampitony etỳ.

**Fiverenan-kira:**
Tompo, mila Anao aho;
Eny mila Anao;
Hanatona anao aho
Ka mba tahio.

Mila Anao aho
Eto anilako;
Ka ny fakam-panahy,
Dia ho resiko.
**Fiverenan-kira**

Mila Anao aho
na ory na faly;
Faingana mitoera,
Sao hijaly aho.
**Fiverenan-kira**

Mila Anao aho
Ry Masina ô!
Raiso ho zanakao,
Ka mba tahio.
**Fiverenan-kira**

## Divin amour

(*Cantiques,* no. 59)

Divin amour,
Tu nous parviens comme un soleil,
Au fil des jours,
En dépit des conflits.
Tes doux rayons
Éclairant le chemin du ciel,
Nous goûterons
La joie de la vraie vie.

Le Saint-Esprit
Murmure un choix en notre cœur.
Malgré les cris,
Les ruses du Malin,
Nous chasserons,
Par l'espoir, le doute et la peur,
Et nous serons
Liés au Fils divin.

Père éternel,
Dieu de toute la création,
Que notre appel
S'élève jusqu'à toi.
Avec ferveur,
A ta loi nous obéirons.
O, Créateur,
En toi est notre joie.

## Viens et suis-moi

(*Cantiques,* no. 61)

"Viens et suis-moi," a dit le Sauveur.
Suivons ses pas menant au bonheur:
Le seul moyen pour être unis
Au Fils de Dieu, à Jésus-Christ.

« Viens et suis-moi! » par ces simples mots
Jésus nous guide auprès du Très-Haut.
Il nous apprend la vérité
Qui saura tous nous inspirer.

Mais suffit-il de le suivre ici
Sur la terre où il vécut jadis?
Non, il est clair pour nous qu'il faut
Suivre ses pas aussi là-haut.

Pour avancer sur l'étroit sentier
Où le Seigneur veut nous emmener,
Frères, marchons sans nous lasser,
Malgré les maux, l'adversité.

## Où pourrais-je chercher

(*Cantiques,* no. 68)

Où pourrais-je chercher la paix de l'âme?
Quand je ne peux trouver nul réconfort,
Quand mon cœur est brisé, que, plein de larmes,
Seul je tiens à rester, où est le port?

Lorsque je me languis dans la souffrance
Dans mon trouble infini, où puis-je aller?
Où rechercher la main de l'espérance?
Qui comprend mon chagrin? Mon Frère Aîné.

Mon Sauveur bien-aimé ôte ma peine,
Dans mon Gethsémané, ouvre le ciel.
Il m'accorde sa paix, brise mes chaînes,
Son amour, sa bonté sont éternels.

## Ah, donne-moi, Père

(*Cantiques,* no. 70)

Ah, donne-moi, Père,
plus de sainteté,
Plus d'ardeur sincère,
plus d'humilité.
Plus de confiance
pour rester debout,
Plus de patience
pour supporter tout.

Ah, donne à mon âme,
plus de loyauté,
Plus de gratitude
pour ton Fils aimé.
Pour son sacrifice,
plus de compassion,
Pour ma délivrance,
plus d'adoration.

Ah, donne-moi, Père,
plus de pureté.
Et plus de vaillance
contre le péché.
Fais qu'à ton service,
j'aie plus de ferveur,
Un cœur qui ressemble
au tien, mon Sauveur!

## Velona ilay Mpanavotra ahy

(*Fihirana sy Hiran'ny Ankizy* lah. 76)

Velona ilay Mpanavotr'ahy,
Endrey mankahery ny fanahy;
Velona, velona Kristy
Velona mandrakizay Izy.
Velon'Izy mba hitahy ahy.
Velon'Izy mba hanafak'ahy.
Velon'Izy mba hanampy ahy.
Velon'Izy mba hiaro ahy.

Velona Izy hifaharana,
Velona Izy hitarik'ahy;
Velona Izy hankahery
Velona Izy ho ahy re!
Velon'Izy afa-tahotr'aho.
Velon'Izy hampionon'ahy.
Velon'Izy hampitony ahy.
Velon'Izy mba hitahy ahy.

Velona Ilay Fiafarana,
Velona Ilay Tompo tia ahy;
Velona Izy miderà
Velona ilay Mpanjaka!
Velon'Izy mpanome aina.
Velon'Izy fasana hivoha.
Velon'Izy nanao toerana.
Velon'Izy mba hitondra ahy.

Velona Am-boninahitra,
Ilay Mpamonjy tsy miova;
Endrey mamy sy kanto re
Ny mandre fa velon'i Kristy
Velona Am-boninahitra.
Tsy miova 'lay Mpamonjy ahy.
Endrey mamy sy kanto erỳ,
Ny mandre fa velon'i Kristy


pfi

## Moa Nivavaka?

(*Fihirana sy Hiran'ny Ankizy* lah. 96)

Raha vao maraina ny andro,
Moa Nivavaka?
Nangataka fitahiana
amin'ny anaran'i Jesoa,
'zay hiaro tokoa.

**Fiverenan-kira:**
Endrey 'zany fahatoniana
Noho ilay vavaka.
Raha vao maizina ny dianao,
Mivavaha ianao.

Raha sendra ka sorena,
Moa Nivavaka?
Hangataka famindrampo
Mba hamelanao tokoa
Ny rahalahinao
**Fiverenan-kira**

Raha sendra ady mafy,
Moa Nivavaka?
Raha be ny alahelo
Balsaman'i Gileada,
Moa ve nalainao?
**Fiverenan-kira**

## Endrey Mahagaga Ahy

(*Fihirana sy Hiran'ny Ankizy* lah. 44)

Mahagaga ahy ny fitiavan'i Jesoa,
Ny famindrampo 'zay nomeny ho ahy tokoa.
Tsy zakako ny misaina ny fijaliany,
Hoe izaho no anton'ny fahoriany.

**Fiverenan-kira:**
Endrey mahagaga re, fitiavan-dehibe
Nomeny ny ainy re.
Endrey mahagaga re, mahagaga re!

Mahagaga, nandao ny lapan'Izy ho ahy,
Mba hamonjena ireo toa ahy ratsy fanahy.
Natolony ho ahy 'lay fitiavan-dehibe,
Ampy hanamarin'ahy ny fanavotany.
**Fiverenan-kira**

Nofantsihan'Izy ka afa-tros'aho re,
Hohadinoina ve 'lay fandavan-tena be?
Tsia! Fa hitohy ny fiderako Anao,
Mandra-pahatongako any an-tranonao.
**Fiverenan-kira**

## Hanara-dia Anao

Ampio aho ho tia Anao ka
haneho 'lay fitiavanao,
Hampitraka sy hanampy,
miaraka amin'ny herinao.
Ampio aho ho tia Anao ka
hanara-dia Anao.

F'iza moa aho no hitsara
'reo mpanota tahaka ahy?
Tsy mahay 'zay ao ampony aho
'zay maha-ory ny fanahy.
F'iza moa aho no hitsara
Hanara-dia Anao.

Vonona aho hiahy ny hafa,
Hampitraka ireo 'zay lavo.
'Reo 'zay ory sy marary
dia hahatsiaro ho ravoravo.
Vonona aho hiahy ny hafa---
Hanara-dia Anao.

Ampio aho ho tia ny hafa,
toy izay nitiavanao,
Handray hery ao aminao aho
fa te-ho mpanomponao.
Vonona aho hiahy ny hafa
Hanara-dia Anao.

## Have I Done Any Good?

(*Hymns,* no. 223)

Have I done any good in the world today?
Have I helped anyone in need?
Have I cheered up the sad and made someone feel glad?
If not, I have failed indeed.
Has anyone's burden been lighter today
Because I was willing to share?
Have the sick and the weary been helped on their way?
When they needed my help was I there?

**Fiverenan-kira:**
Then wake up and do something more
Than dream of your mansion above.
Doing good is a pleasure, a joy beyond measure,
A blessing of duty and love.

There are chances for work all around just now,
Opportunities right in our way.
Do not let them pass by, saying, "Sometime I'll try,"
But go and do something today.
'Tis noble of man to work and to give;
Love's labor has merit alone.
Only he who does something helps others to live.
To God each good work will be known.
**Fiverenan-kira**

## Fais ton devoir, voici la lumière

(*Cantiques,* no. 153)

Fais ton devoir, voici la lumière
d'un avenir de bonheur et de paix.
Fais ton devoir, car les anges du Père
au Livre saint gravent ce que tu fais.

**Fiverenan-kira:**
Fais ton devoir, en poursuivant ta route;
Combats pour ta liberté, plein d'espoir.
Et, le cœur fort, sois guéri de tes doutes;
Dieu te protégera: fais ton devoir.

Fais ton devoir! Bientôt plus de chaînes!
Aux opprimés sera donné pouvoir!
Un saint espoir adoucira leurs peines;
ils vaincront tous en faisant leur devoir.
**Fiverenan-kira**

Fais ton devoir, et montre courage;
déjà le but tu peux apercevoir.
Toute douleur le Seigneur Dieu soulage.
Il te bénit, si tu fais ton devoir.
**Fiverenan-kira**

## Soyons l'espoir des derniers jours

(*Cantiques,* no. 166)

Soyons l'espoir des derniers jours
jeunesse de Sion.
Ensemble nous travaillerons,
jamais nous ne fuirons.
Issus d'un noble et fier passé,
œuvrons pour l'avenir
Et promettons de relever
les défis sans faiblir.

Les vérités que nous suivons
font rire autour de nous.
Pourtant si nous obéissons,
nous supporterons tout.
Tous, avec foi saisissons nous
de la barre de fer
Et nous vaincrons mal et péché,
suivant le chemin clair.

Devant l'épreuve nous tremblons,
mais nous gardons l'espoir,
Car pour servir la vérité
nous avons tout pouvoir.
Aimons, luttons, nous gagnerons,
car notre choix est sûr,
Soyons l'espoir des derniers jours,
triomphants, sains et purs.

## Ny lalanao no lalako

(*Fihirana sy Hiran'ny Ankizy* lah. 92)

Na ho any an-tendrombohitra,
na an-dranomasimbe.
Na hanoloan'ady lehibe
No hiantsoan'ny Tompo.
Bitsiky ny fanahy no re
Manoro 'zay haleha.
Tompo ô! Tantanonao re aho,
Ny lalanao no lalako.

**Fiverenan-kira:**
Ny lalanao no lalako, Jesoa
N'aiza n'aiza misy Anao
Ny teninao no mamiko tokoa,
sitrakao no sitrako.

Teny feno fitiavana
Tian'i Jesoa lazaiko.
Misy 'reo mpanota havana
Izay hotadiaviko.
Tompo ô! Tarihonao aho
Na sarotra ny dia
Haveriko ilay hafatrao
Holazaiko 'zay tianao.
**Fiverenan-kira**

Tsy maintsy hisy 'lay toerana
Dia saha fijinjana.
Hiasako ho an'i Jesoa
'zay voahombo tokoa.
Ny fahatokiako ny fiahinao
Miampy 'lay fitia
No haneken'ny fo tsotr'izao,
atao anie ny sitrakao.
**Fiverenan-kira**

## Pour sonder tes Écritures,

(*Cantiques,* no. 163)

Pour sonder tes Écritures,
O mon Père guide moi.
Emplis mon cœur de sagesse,
Fais-moi découvrir ta loi.

Pour sonder tes Écritures,
O veuille ouvrir mon esprit!
Grâce à toi, que je comprenne
Les mystères de la vie.

Pour sonder tes Écritures,
Que ta grâce soit donnée,
La joie de ton Évangile
Apaisant mon cœur troublé.

Pour sonder tes Écritures,
Aide-moi à méditer.
Ta parole, source vive,
Vers ton ciel peut me guider.

## Afaka Hiaraka Mandrakizay ny Fianakaviana

Manana fianakaviana aho.

Mifankatia 'zahay.
Tiako ny hiarak' amin' izy 'reo mandrakizay.

**Fiverenan-kira:**
Fianakaviana mandrakizay
No drafitry ny Ray.
Fa mba iriako hatrany ny hahatontosa izany,
Ka ny Tompo no nanoro ahy
Ny fomba hahavitako izany.

Dieny izao mbola kely izao,
Dia mba te-hiomana aho,
Mba hanambady mandrakizay any am' ny tempoly.
**Fiverenan-kira**

## Zanaky ny Ray aho

(*Fihirana sy Hiran'ny Ankizy* lah. 133)

Zanaky ny Ray Aho,
Napetrany etỳ,
Nomeny fianakaviana aho
Ray aman-dreny tia.

**Fiverenan-kira:**
Tariho, ampio, miaraha,
Eo anilanay.
Toroy ahy ny ataoko
Hiverin'any indray.

Zanaky ny Ray aho,
Ka mba tohano re.
Ampianaro ahy ny Teniny,
hahaizako mandeha.
**Fiverenan-kira**

Zanaky ny Ray aho,
Soa no aidiny.
Mbola hihaon'Aminy aho,
Atao ny didiny.
**Fiverenan-kira**

## Je sais que mon Dieu vit

(*Cantiques,* no. 196)

Je sais que mon Dieu vit, je sais qu'il m'aime aussi,
L'esprit me le souffle tout bas et me dit que c'est vrai.
Il me dit : "oui, c'est vrai. "

Sur terre il m'envoya pour vivre par la foi.
L'esprit me le souffle tout bas et me dis que je peux.
Il me dit: "Oui, tu peux."

## Toroy handeha amin'ny mazava aho

(*Fihirana sy Hiran'ny Ankizy* lah. 129)

Toroy handeha amin'ny mazava aho.
Toroy aho hivavak'amin'ny Ray.
Toroy aho hahafantatra indray;
fitia, marin'ny fahazavana.

Anaka manatona hianatra,
Ny didy hiveren'antsik'indray,
Eo anatrehany mandrakizay,
handeha amin'ny fahazavana.

Misaotra Anao 'zahay ô Ry Ray,
Noho ny fitarihanao hatrizay.
Velom-piderananao ny fonay,
fifaliana ho mandrakizay

## Aimez vos frères

(*Cantiques,* no. 200)

Aimez vos frères,
car je vous aime.
C'est mon commandement
Aimez vos frères.

Les hommes sauront
qui sont mes disiciples
Si vous vous
Aimez les uns les autres.

# CALLED OF GOD

### *Zatovovavy*

Zanaky ny Ray Aho.
Napetrany etỳ,
Nomeny fianakaviana aho
Ray aman-dreny tia.
Tariho, ampio, miaraha,
Eo anilanay.
Toroy ahy ny ataoko
Hiverin' any indray.

### *Zatovolahy*

Called to serve Him, heav'nly King of glory,
Chosen e'er to witness for his name,
Far and wide we tell the Father's story,
Far and wide his love proclaim.

### *Together in Unison*

Called to know the richness of his blessing—
Sons and daughters, children of a King—
Glad of heart, his holy name confessing,
Praises unto him we bring.

## Young Men and Young Women Sing Simultaneously:

### *Zatovolahy*

Onward, ever onward, as we glory in his name;
Onward, ever onward, as we glory in his name;
Forward, pressing forward, as a triumph song we sing.
God our strength will be; press forward ever,
Called to serve our King.

### *Zatovovavy*

Zanaky ny Ray Aho.
Napetrany etỳ,
Nomeny fianakaviana aho
Ray aman-dreny tia.
Tariho, ampio, miaraha,
Eo anilanay.
Toroy ahy ny ataoko
Hiverin' any indray.

### *Together in Unison*

Onward, ever onward, as we glory in his name;
Onward, ever onward, as we glory in his name;
Forward, pressing forward, as a triumph song we sing.
God our strength will be; press forward ever,
Called to serve our King.
God our strength will be; press forward ever,
Called to serve our—

## Young Men and Young Women Sing Simultaneously:

### *Zatovolahy*

King.

### *Zatovovavy*

Zanaky ny Ray aho.



# DIARY















# NAMANA HOTSAROANA

*"Ny tena* namana dia mizara ny filazantsara. . . . Tsy misy zavatra mampifamatotra mafy kokoa noho izany. . . azon'ny namana iray omena ny namany" (Jeffrey R. Holland, "Real Friendship," *New Era,* Jona 1998, 66).

| Anarana | Fomba ahafahana mifandray |
| --- | --- |
| | |
| | |
| | |
| | |
| | |
| | |
| | |
| | |
| | |
| | |
| | |
| | |
| | |
| | |
| | |
| | |
| | |
| | |
| | |
| | |
| | |
| | |
| | |
| | |
| | |
| | |
| | |
| | |
| | |


| Anarana | Fomba ahafahana mifandray |
|---|---|



# FANONTANIANA

Inona avy ireo fanontaniana izay noeritreretinao nandritra ny herinandro? Manokàna fotoana kely izao mba hanoratana izany eto. Rehefa manana fahafahana hanaovana izany ianao dia apetraho amin'ny mpanolotsaina anao, ny ray aman-dreninao, ny mpitarika anao ao amin'ny Zatovovavy na Zatovolahy na ny evekanao na ny filohan'ny sampana misy anao ireo fanontaniana.





# FANDAHARAM-POTOANA MARAINA MANDRA-PAHA-RIVAN'NY ANDRO

## Andro 1

**Fitafiana fanao andavanandro**

| | |
|---|---|
| 11:00 ora maraina–1:00 ora hariva Fidirana | |
| 1:15–2:15 tolakandro | Mihaona amin'ny mpanolotsaina anao (vondron'ny mpanolotsaina) |
| 2:15–3:15 tolakandro | Mihaona amin'ny andiany misy anao (vondrona lehibe) |
| 3:30–4:30 hariva | Fivoriam-panofanana (ny andiany rehetra) |
| 4:45–5:45 p.m.hariva | Sakafo hariva |
| 6:00–7:00 hariva | Takarivan'ny mpianakavy |
| 7:30–9:00 alina | Takarivan'ny mpianakavy sy fametrahana tanjona (andiany) |
| 9:15–10:00 alina | Fandalinana manokana ny soratra masina, fotoana fahanginana (fotoana fanoratana diary, fiomanana hatory) |
| 10:00–10:30 alina | Fisaintsainana sy jery todika |
| 10:30 alina | Famonoana jiro |

## Andro 2

**Fitafiana fanao andavanandro**

| | |
|---|---|
| 7:00–7:15 maraina | Fampaherezam-panahy vao maraina ataon'ny mpandray anjara |
| 7:15–8:15 maraina | Sakafo maraina |
| 8:15–9:15 maraina | Fandalinana ny Filazantsara |
| 9:30–10:20 maraina | Fivoriana maraina ataon'ny mpivady mpitarika fivoriana |
| 10:30–11:20 maraina | Fotoam-pianarana |
| 11:30 maraina–12:20 antoandro Fotoam-pianarana | |
| 12:30–1:20 antoandro | Safako antoandro, Famerenana ilay Fandaharan-kira |
| 1:30–2:20 tolakandro | Fotoam-pianarana |
| 2:30–3:20 tolakandro | Fotoam-pianarana |
| 3:30–4:30 hariva | Fifanintsanana amin'ilay fampisehoana an-tsehatra, Famerenana ilay Fandaharan-kira, fotoana malalaka |
| 4:30–6:00 hariva | Sakafo hariva |
| 6:00–6:30 hariva | Mihaona amin'ny andiany, fitsipika mifehy ny fandihizana |
| 6:30–9:00 alina | Fandihizana |
| 9:15–10:00 alina | Fotoana fahanginana (fanoratana diary, fiomanana hatory) |
| 10:00–10:30 alina | Fisaintsainana sy jery todika |
| 10:30 alina | Famonoana jiro |

## Andro 3

**Fitafiana fanao andavanandro**

| | |
|---|---|
| 7:00–7:15 maraina | Fampaherezam-panahy vao maraina ataon'ny mpandray anjara |
| 7:15–8:15 maraina | Sakafo maraina |
| 8:15–9:15 maraina | Fandalinana ny Filazantsara |
| 9:30–10:20 maraina | Fivoriana maraina ataon'ny mpivady mpitarika fivoriana |
| 10:30 maraina–12:20 antoandro | Fiaraha-mientana *Torio ny Filazantsarako* |
| 12:30–1:20 tolakandro | Sakafo antoandro, Famerenana ilay fandaharan-kira |
| 1:30–3:20 tolakandro | Fiaraha-mientana fizarana filazantsara |
| 3:30–4:30 hariva | Famerenana ilay fandaharan-kira, fotoana malalaka |
| 3:30–6:00 hariva | Fifanintsanana amin'ilay fampisehoana an-tsehatra |
| 4:30–6:00 hariva | Sakafo hariva |
| 6:00–6:30 hariva | Fiomanana amin'ny faneva sy ny dihy sy hiaka famporisihana |
| 6:30–8:45 alina | Kilalao amin'ny alina sy dihy sy hiaka famporisihana |
| 9:00–9:30 alina | Takarivan'ny sakafo tena tiana |
| 9:30–10:00 alina | Fotoana fahanginana (fanoratana diary, fiomanana hatory) |
| 10:00–10:30 alina | Fisaintsainana sy jery todika |
| 10:30 alina | Famonoana jiro |

## Andro 4

**Fitafiana alahady**

| | |
|---|---|
| 7:00–7:15 maraina | Fampaherezam-panahy vao maraina ataon'ny mpandray anjara |
| 7:15–8:15 maraina | Sakafo maraina |
| 8:15–9:15 maraina | Fandalinana ny Filazantsara |
| 9:30 a.m.–12:15 antoandro | Fiaraha-mientan'ny Zatovolahy sy Zatovovavy |
| 12:30–1:30 tolakandro | Sakafo antoandro, fiomanana amin'ilay fampisehoana an-tsehatra |
| 2:00–3:15 tolakandro | Fampisehoana an-tsehatra |
| 3:15–4:30 hariva | Fotoana malalaka |
| 3:30–4:30 hariva | Famerenana faobe an'ilay fandaharan-kira |
| 4:30–6:00 hariva | Sakafo hariva |
| 6:00–6:15 hariva | Torohevitra momba ny fanasana amin'ny fanehoana fanajana sy fijoroana ho vavolombelona |
| 6:30–8:00 alina | Fandaharan-kira sy fampaherezam-panahy |
| 8:15–9:15 alina | Fivoriana fijoroana ho vavolombelona |

| | |
|---|---|
| 9:30–10:00 alina | Fotoam-pahanginana (fotoana hanoratana ao anaty diary, fiomanana hatory) |
| 10:00–10:30 alina | Fisaintsainana sy jery todika |
| 10:30 alina | Famonoana jiro |

## Andro 5

**Fitafiana fanao andavanandro**


| | |
|---|---|
| 7:00–7:15 maraina | Fampaherezam-panahy vao maraina ataon'ny mpandray anjara |
| 7:15–8:15 maraina | Sakafo maraina |
| 8:15–9:15 maraina | Fandalinana ny Filazantsara |
| 9:15–9:45 maraina | Fiomanana amin'ny zavatra enti-mody |
| 10:00–10:50 maraina | Fivoriana maraina ataon'ny mpivady mpitarika fivoriana |
| 11:00 maraina–12:20 antoandro | Fiaraha-mientana *Jeunes Soyez Forts* |
| 12:30–1:30 tolakandro | Sakafo antoandro |
| 1:30–4:00 hariva | Asa fanompoana |
| 4:00–6:00 hariva | Fotoana malalaka, sakafo hariva, fakana sary |
| 6:00 hariva | Mihaona amin'ny andiany |
| 6:00–8:00 alina | Fandihizana |
| 8:00–8:15 alina | Diapozitiva |
| 8:15–9:00 alina | Zavatra enti-mody |
| 9:15–10:10 alina | Fisaintsainana sy jery todika ataon'ny andiany |
| 10:30 hariva | Famonoana jiro |

## Andro 6

**Fitafiana fanao andavanandro**

| | |
|---|---|
| 6:30–7:30 maraina | Fivoahan'ny mpandray anjara |

# Aza avela hanjavona ny zavatra tsapa






Tsy voatery ho zavatra niainana indray mandeha fotsiny dia vita ny zavatra tsapanao tamin'ity herinandro ity. Aoka ianao hahatsapa ny Fanahy, hianatra bebe kokoa momba ny filazantsara ary hifandray foana amin'ireo zatovo Olomasin'ny Andro Farany maneran-tany amin'ny alalan'ny famakiana ny *Liahona*.

**Liahona.lds.org**

Raha te hisoratra anarana, dia tsidiho ny store.lds.org na mifandraisa amin'ny foibe fanapariahan'ny Fiangonana any amin'ny toerana misy anao na amin'ny mpitarika ao amin'ny paroasy na sampana.

LAFI-TSARY: THINKSTOCK